

Malagasy, Southern Betsimisaraka: Bible for 1 Thessalonians, 2
Thessalonians, Colossians, Galatians, James, Mark, Philippians, Romans

Formatted for Translators

©2022 Wycliffe Associates

Released under a Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Bible Text: The English Unlocked Literal Bible (ULB)

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English Unlocked Literal Bible is based on the unfoldingWord® Literal Text, CC BY-SA 4.0. The original work of the unfoldingWord® Literal Text is available at <https://unfoldingword.bible/ult/>.

The ULB is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

Notes: English ULB Translation Notes

©2017 Wycliffe Associates

Available at <https://bibleineverylanguage.org/translations>

The English ULB Translation Notes is based on the unfoldingWord translationNotes, under CC BY-SA 4.0. The original unfoldingWord work is available at <https://unfoldingword.bible/utn>.

The ULB Notes is licensed under the Creative Commons Attribution-ShareAlike 4.0 International License.

To view a copy of the CC BY-SA 4.0 license visit <http://creativecommons.org/licenses/by-sa/4.0/>

Below is a human-readable summary of (and not a substitute for) the license.

You are free to:

- Share — copy and redistribute the material in any medium or format.
- Adapt — remix, transform, and build upon the material for any purpose, even commercially.

The licensor cannot revoke these freedoms as long as you follow the license terms.

Under the following conditions:

- Attribution — You must attribute the work as follows: "Original work available at <https://BibleInEveryLanguage.org>." Attribution statements in derivative works should not in any way suggest that we endorse you or your use of this work.
- ShareAlike — If you remix, transform, or build upon the material, you must distribute your contributions under the same license as the original.
- No additional restrictions — You may not apply legal terms or technological measures that legally restrict others from doing anything the license permits.

Notices:

You do not have to comply with the license for elements of the material in the public domain or where your use is permitted by an applicable exception or limitation.

No warranties are given. The license may not give you all of the permissions necessary for your intended use. For example, other rights such as publicity, privacy, or moral rights may limit how you use the material.



Mark

Chapter 1

¹Ity no fanomboan'ny filazantsaran'i Jesosy Kristy, ilay zanak'Andriamanitra. ²Araka zegny vôsoratra akô amin'Isaia mpaminagny hoe: "Indro, zaho zô magniraka ny Irako inga aloanô, ilay tokana agnamboatra ny lalanô. ³Misy fiô regny magnantso mafy any an-tany foagna hoe: "Atovy vognona ny lalan'ny Tompo; ataovy mahitsy ny lalana arainy". ⁴Tonga Jaona, nagnano batisa tagny an-tany foagna ary nitory ny batisan'ny fibebahana ho famelan-keloka amin'ny fahotana. ⁵Ny tanin'i Jodia manontolo sy ny mponigna jiaby takô Jerosalema de tonga nagnatogna anazy. Natôny batisa tamin'ny reniranon'i Jordana zarô, rehefa nagneky ny fahotana. ⁶Jaona de nagnatô sikina volon-drameva, ary nagnatô fekibo oditra tamin'ny andilagny, ary valalagna sy tintely nirimbejina no rahanina anazy. ⁷Nagnatoro izy hoe: "Misy reka ho avy afarako mbola mahery lavitra miôatra anaa, tsy tokony aho na de amaha ny tadin-kirarony aza. ⁸Zao nagnano batisa anarô tamin'ny rano, fa Izy koza agnana batisa anarô amin'ny fanahy masina". ⁹Tamin'ny andro natongavan'i Jesosy avy takagne Nazareta agny Galilia no nitrangn'izany, ary natôn'i Jaona batisa takiô amin'ny renin-dranon'i Jordan Izy. ¹⁰Ra vô niboagna avy tagnatirano Jesosy, de hitany nisokatra ny lagnitra, ary nandrorogna takiô Amanazy kara voro-mailala ny fagnahy masina. ¹¹Ary misy fiô avy tagny an-dagnitra nagnano hoe: "Anô ny zanako tsy foeko, anô no tiako." ¹²Avy takiô de nindôny fanahy nandia tagny antany fogna Jesosy. ¹³Efapolo andro Izy no tagny antany foagna, de nalôny satana fagnay. Nipetraka niaraka tamin'ny bibidia Izy, ary nanompo Anazy ireo anjely. ¹⁴Ary rehefa voasambotra Jaona, de tonga takô Galilia Jesosy nitory ny filazantsaran'Andriamanitra, ¹⁵ary nizaka hoe: "Efa tonga ny fotôna, ary efa marivo ny fanjakan'Andriamanitra. Mifonà de minoa ny filazantsara." ¹⁶Rehefa nandia tagny amoron-dranomasin'i Galilia Izy, de nahita an'i Simona sy andrea tambokireka amin'i Simona nagnarato, satria mpagnarato ny asan-jarô. ¹⁷Hoy Jesosy taman-jarô hoe: "Andô magnaraka Anaa fa atôko mpagnarato olona ndreka andriô." ¹⁸Tiô tiô my de nagnombela ny aratony zarô ka nagnaraka Anajy. ¹⁹Reefa nandia lavidavitra Jesosy, de nahita an'i Jakoba zanak'i Zebedeo sy Jaona tambokireka amanazy; zay takô andakana bitika nagnamboatra ny aratony. ²⁰Nagnantso an-jarô Izy ka tonga de nilozany takô andakana bitika i Zebedio iabany niaraka taman-jarô mpikarama, ka nagnaraka Anajy zarô. ²¹Avy takiô de tonga tô Kapernaomy zarô, ary tamin'ny andro Sabata, de niditra takô amin'ny Synagoga Jesosy ary nampianatra. ²²Magnana tamin'ny fampenarany zarô, satria nampianatra anjarô kara olona managna fahefana Izy fa tsy karan-jarô mpitondra fanjakana. ²³Avy takiô de nisy lilay reka takiô amin'ny Synagogan-jarô izay nanagna fagnahy ratsy nibarara be, ²⁴nagnano hoe: "Ino no ifandresane Aminô, ry Jesosy avy agny Nazareta"? Tonga amono ane ve Anô? Fantako my anô. Anô lay masin'Andriamanitra!" ²⁵Nizaka mafy ny devoly Jesosy ka nagnano hoe: "Maregnina ka mivoa amanazy!" ²⁶Ary ny fagnahy maloto de nandavo anazy sy nivoaka tamanazy ka nagnantso tamin'ny fiô mafy. ²⁷Magnana ny olona manontolo, ka nifagnadina zarô hoe: "Ino ty"? Fampenarana vovô misy faefana? Bokeny na de ny fagnay ratsy aza de magneky Anazy!" ²⁸Ny vovô momba Anajy de efa miparitaka takegny amin'ny faritr'i Galilia manontolo. ²⁹Rehefa nande nivoakan'ny Synagoga, de tonga takô andragon'i simona sy Andrea zarô, niaraka tamin'i Jakoba sy Jaona. ³⁰Ary raofozam-bavin'i Simona nandry nararin-tazo, ka nizaken-jarô tamin'i Jesosy ny momba anazy. ³¹De nagnatogna Izy, de nandramby anazy tamin'ny tagnany, ary nagnarina anazy, de afaka ny tazony, ary nanomboka nanompo an-jarô izy. ³²Tamin'io folak'andro io, tampy afaty masoandro, de nindôn-jarô takiô amanajy izay narary jiaby na izay misy devoly. ³³Tafavory niaraka takiô ambarangaragna takiô daolo ny takiô antanàna. ³⁴Nagnasitrana olona maro zegny nararin'ny aretina samy hafa Izy ary nandroaka demonia maro, fa tsy nambelany nizaka ny demonia satria nafantatra Anazy zarô. ³⁵Nifoa mandregna be Izy, ra mbola mizigna ny andro; de niala takiô Izy de ninga tagny amin'ny toerana mangigna ary takiô Izy no nivavaka. ³⁶Niaragna Anazy Simona sy zarô niaraka taminy. ³⁷Nahita Anazy zarô ary nizaka tamin'ny hoe: "Miaragna anô ny olona jiaby". ³⁸Hoy Izy hoe: "Andô antsena inga antany afa, agny avelegny agny ama'ireo tanàna magnodidigna, mba afahako mitory teny agny koa. Fa zany no antony nivoako taty". ³⁹De nitety ny Galilia manontolo Izy, nitoriteny tamin'ny Synagogan-jarô sady nandroaka demonia maro. ⁴⁰Nisy boka reka tonga takiô Aminy. Nitaregna tamanazy; nandoalika takiô Amanazy ary nizaka tamanazy hoe: "Raha tianô, de afaka magnadio anà Anô" ⁴¹Nalahelo anazy Izy, de nagnampatra ny tagnany Jesosy ary nikasika anazy, sady nagnano taminy hoe: "Sitrako. Madiova anô" ⁴²Niala tamin'ny avetragny ny abokany, ary nadio izy. ⁴³Namepetra anazy mafy Jesosy ary nandefa anazy. ⁴⁴Hoy Izy tamanazy hoe: "Tandremo sô izaka na man-jovy na man-jovy anô, fa mandianaa, aseho amin'ny mpisorogna ny tegnanô, ary nagnamboatra fanatitra nony fagnadiovana anô araka ny nagnasan'i Mosesy, mba ho fijoroana vavolombelona ho anjarô". ⁴⁵Fa nivoaka izy ary nanomboka nizaka taman'olona jiaby sy nagnely be ny teny ka de tsy nasahy niditra nibaribary tamin'ny

Chapter 1

tanàna mantolo koza Jesosy. Ka nibodika tagny avelagny takagny amin'ny toerana mitokana Izy ary nagnatogna Anazy ny olona avy amin'ny toerana rehetra.

Chapter 2

¹Rehefa nierigna takô Kapernaomy Izy rehefa afaka andro visivisy, de regny fa takô andragno Izy. ²Maro be ny olona nitangorogna tiô ka non'izany de tsy nisy toerana intsony, na de tiô ambaranganga aza, ary nizaka raha taman-jarô Jesosy. ³De nisy lilay momba mompagna nagnatogna an'Azy izay nitondra lelay malemy reka; zay nolanjen'olona efa-day. ⁴Refa tsiafaka nagnatogna anazy akeky zarô nony amaroan'ny vaôka, de nagnendan-jarô ny tafotragno tiô ambonin'i Jesosy, ary reefa vôsokattran-jarô de nampidignin-jarô tiô ny randriana nisy an'ilay lelay nalemy. ⁵Non'ny naita ny finoan-jarô, Jesosy de hoy Izy tamin'ilay lelay malemy hoe: "Anaka vôvela ny elokao". ⁶Ary nisy ny sasagny taman-jarô mpitondra fanjakana nipetraka tiô, ka nimonomonogna takagny ampony zarô hoe: ⁷"Aôna no afan'io lilay io mizaka karan'izany? Miteny ratsy Izy! Fa tsy andriamanitra reka my va mamela eloka?" ⁸Fa Jesosy nafantatra avy atragny tam-pagnainy ny zavatra nieretreretrin-jarô, ary hoy izy taman-jarô hoe: "Nagnino anarô mieritreritra zany ra izany tao amponarô?" ⁹Ino no moramora koa ny mizaka amin'io lelay malemy io hoe: "Vôvela ny elokanô" Sa hoe: "Misangàna, batiô ny fandriagnanô, ka mandiana?" ¹⁰Fa mba afantaranarô fa managna faefana hamela eloka eto amboniny tany ny zanak'olona, ho Izy tamin'ilay makemy hoe: ¹¹"Zakeko amanô, misangàna ka batiô ny rafandriananô ka modia agny andragnonô" ¹²De nisangana izy de tonga de nibata ny rafandriany avy atragny, ka nivoaka ny tragno takiô agnatrean'olona rehetra, ka variana ny olona manontolo ka nagnome voninahitra an'Andriamanitra, ary hoy zarô hoe: "Mbola tsy naita ra karan'ity ze." ¹³Aviô de nivoaka tiô amoron-dranomasina ndreka Izy ary nagnatogna anazy daolo ny vaôka, de nampianariny zarô. ¹⁴Ary rehefa nandalo Izy de naita an'i Levy zanak'i Alfeo nitoetra tiô amin'ny toerana fandoavan-karatra ka hoy Izy taminy hoe: "Magnaraa ana". De nisangana izy ka nagnaraka anazy. ¹⁵Nihinana tao andragnon'i Levy Jesosy ary mpitaky hetra sy olona mpnonta marobe no niaraka ninan-kanina tamanazy sy zarô mpianany, fa maro zarô takô ka nagnaraka anazy. ¹⁶Ary zarô mpaay lalàna, izay fariseo, ra naita an'i Jesosy niara-ninan-kanina taman'olona mpanonta sy ire mpanery hetra, de nagnadina ny mpianatra hoe: "Nagnino Izy no miaraka minan-kanina amin'ny mpanangon'etra sy olona mpanonta?" ¹⁷Raha naregny an'izany Jesosy de hoy Izy taman-jarô hoe: "Tsy ny salama no mila mpisabo; fa ny marary iany no mila an'izany. Tsy tonga agnantso ny olo-marina Aho, fa ny mpanota." ¹⁸Ary nifady ra-anina zarô mpianatr'i Jaona sy zarô Fariseo. Lilay maromaro no nagnatogna Anazy ka nizaka tamin'ny hoe: "Nagnino ny mpianatr'i Jaona sy mpianatran-jarô Fariseo no mifady ra-anina, fa mpianatra anô koza tsy mba mifady?" ¹⁹De hoy Jesosy tamanjarô hoe: "Afaka mifady ra-anina va ny mpagnatrika ny fampakarana ra mbola akiô ny mpampakatra? Ra mbola miaraka aman-jarô akiô ny mpampakatra, de tsy afaka mifady ra-anina zarô." ²⁰De ho tonga ny andro angalanan'ny mpampakatra eo aman-jarô, de aman'izegny andro zegny vao hifady ra-anina zarô. ²¹Tsy misy olona manombigna lamba rota amin'ny lamba vôvô, ra izany de miala amin'ny lamba vôvô ny lamba rota ary vômenka ratsy ny farotavany. ²²Ary tsy misy olona magnatô divegna vôvô agnatin'ny siô oditra rota, ra izany de vaky ny siô oditra rota, ka ho very ny divegna. Fa divegna vôvô de atô agnatin'ny siô oditra vôvô. ²³Tamin'ny andro Sabata Jesosy de nande tegny ankoraka maromaro, ary nanomboka nambely tan-tagnombary ny mpianany. ²⁴De hoy zariô Fariseo Taminy: "Antegno, nagnino zarô no magnano raha tsy arakaky ny lalàna amin'ny andro Sabata?" ²⁵De hoy Izy taman-jarô hoe: "Mbola tsy nivakinarô angamba zegny natôny Davida rehetra tô agnatin'ny tsy fanagnana sy farefognana izy sy zarô lilay niaraka taminy." ²⁶Nagnino ny fomba nidirany takô andragnon'Andriamanitra tamin'ny andron'i Abiataran' mpisorogna be, ka ninana ny mofon'ny fanatrehana, zay tsy ara-dalana n'iza n'iza no omana anazy ra tsy mpisorogna my ary mbola nagnomezany be de be zarô niaraka tamananzy aza?" ²⁷Jesosy nizaka hoe: "Ny Sabata de natô ho an'ny zanak'olombelona, fa tsy ny zanak'olombelona natô ho an'ny Sabata." ²⁸Non'izany, de ny zanak'olona no tompo, nade amin'ny Sabata aza".

Chapter 3

¹De nina tamin'ny Synagoga ndreka Jesosy ary nisy lilay maty tagnana takô. ²Nizaa marivo Anazy ny olona sasagany mba ahita raha agnasitrana azy amin'ny Sabata Izy mba afahan-jarô magnameloka Anazy.³Hoy Jesosy tamin'ny lilay maty tagnana hoe: "Misangána ka mijoroà aketo agnison'ny olo-marô aketo". ⁴De nizaka tamin'olona izy hoe: "Azo atao va magnano ra tsara amin'ny andro Sabata sa magnano ratsy; ny magnavotra egna, sa ny mamono?" Nefa zarô tsy nizaka se. ⁵Nizaha an-jarô tamin'avignirana Jesosy, sady nalaelo Izy nony hamafin'ny fon-jarô, de nizaka tamin'ilay lilay Izy hoe: "Amparo ny tagnanô". ⁶De namparin'ilay lilay ny tagnany ka sitrana. Nivoaka zarô Fariseo ka nignonognonogna be niaraka tamin'ny Herodiana hiaragna fomba amonona Anazy.⁷Avy tiô Jesosy, niaraka taman-jarô mpianany, nina tagny andranomasina, ary nisy olona maro nagnara avy tagny Galilia sy avy agny Jodia, ⁸ary avy agny Jerosalema sy avy agny Edoma ary hatragny ami'ny reniranon'i Jordan sy magnodidigna ny Tyro sy Sidona. Rehefa naregny momba ny zavatra natôny zarô, de nisy vaôaka maro nandea ankiô aminy.⁹De nagnasa ny mpianany niaragna lakana bitika Jesosy ho Anazy non'ny amaroan'olona tiô, mbarase tsy voatosik'olona Izy. ¹⁰Nony Izy nagnasitrana olona maro, dia nifarombaka nagnatogna Anazy ny olona manontolo zegny nanagna aretina mba ikasika Anazy.¹¹Isaky naita Anazy ireo fagnahy maloto, de miandoalika aloany ary mibarara, ary hoy zarô hoe: "Anô no zanak'Andriamanitra". ¹²Nizakeny mafy ireo mba tsy agnatoro Anazy.¹³Niakatra tegny antam-potavirana Izy, ary nagnantso an-jarô zegny tiany, mba inga akiô Aminy zarô. ¹⁴Nagnasa an-jarô roa ambifolo lahy Izy (izay nantsoiny hoe Apositoly), mba afahan-jarô miaraka Aminy sady koa afahany mandefa an-jarô magnambara ny afatra, ¹⁵sady hanagnany faefana androaka demonia. ¹⁶Avy tiô de nagnasa ireo roa ambifolo Izy: Simona, zay nameny agnarana hoe Petera;¹⁷Jakoba zanak'i Zebedio, sy Jaona tambokireka amanazy, zay nameny agnarana hoe Boanarijesy, mitovy amin'ny hoe, zana-baratra; ¹⁸ary Andrea, Filipino, Baritolomeo, Matio, Tomasy, Jakoba zanak'i Alfeo, Tadeo, Simona Zelota, ¹⁹ary Jodasy Iskariota, izay hamadika Anazy.²⁰De nody tan-dragno Izy, de niara-tonga ndreka ny vaôaka, ka tsy afaka ninan-kanina se zarô. ²¹Ra naregny ny momba anizany ny avany, de nivoaka zarô angalaka Anazy, satria nizakan-jarô hoe: "Foka Izy." ²²Zariô mpitondra fanjakana de nandrorogna avy takagny Jerosalema ka nizaka fa: "Ipetrahan'ny Belzeboba Izy ka amin'ny alalan'ny mpanapaky ny demonia my no androhany demonia."²³De nantsovan'i Jesosy agnatogna Anazy zarô ka nizakany tamin'ny alalan'ny fagnoarana hoe: "Karakory ma afahan'ny Satana mandroakan'i satana?" ²⁴Ra misy fanjakana miady andragno, de ho rava zany. ²⁵Na misy tokantrano miady andragno, de ho potika izany tokan-tragno zany.²⁶Ra nitsangana nanohitra ny tegny Satana de misaraka, de tsy aharitra, ka hifaragna. ²⁷Fa tsisy afaka miditra andragnon'ny lilay matanjaka ka mandrobaka ny fanagnany ra tsy mamatotra zay mahery aloaka, de androbaka ny tragony izy avy akiô. ²⁸Zakeko mazava tsara aman-driô, ho vôvela daholo ny olona, amin'ny teny ratsy rehetra izay avôkan'ny vavany, ²⁹fa zay miteny ratsy ny Fagnay Masina koza de tsy vôvela heloka mandrakizay." ³⁰Nagnambara izany Jesosy non'ny filazan-jarô hoe: "Managna fagnay maloto Izy."³¹Avy tiô de tonga ny mamany sy tambokoreka amanazy nipetraka tagny avelagny. Nagnasa olona niaragna Anazy zarô, ka nagnantso Anazy. ³²Nipetraka magnodidigna Anazy ny vaôka de hoy zarô tamanazy hoe: "Ny maminô sy tambokireka amanô de avelagny akô, miaragna anô zarô kô". ³³Ary Izy namaly hoe: "Zovy mà mamako sy tambokireka amanaa?" ³⁴Ary nizaha nagnodidigna taman'olona nitoetra magnodidigna Anazy Izy de hoy Izy hoe: "Antegno, itôgna ny mamako sy tambokireka amanaa!" ³⁵Fa na zovy na zovy magnano ny sitrapon'Andriamanitra, de zany olona zany no ralahiko, sy anakaviko, ary mamako."

Chapter 4

¹Ary nagnandogna nampianatra tiô amoron-dranomasina ndreka Izy, de nisy vaôka maro be nipetraka nagnodidigna Anazy. Niditra tan-dakana bitika tiô an-dranaomasina Izy, ary nitoetra taman'izany. Ny vaôka mantolo koza de nizanogna tiô amoron-dranomasina. ²Nampianatra an-jarô ra maro be tamin'ny alalan'ny fagnoarana Izy, ary tiô amin'ny fampenarany, de zô no nizakeny taman-jarô. ³Tsonoè, nisy mpamafy ande amafy voa. ⁴De rehefa namafy izy, de nisy voa sasagny niraraka tan-ketogna, de rehefa avy ny vorogna de nihinana anazy. ⁵Ny voa sasagny niraraka tamin'ny tany be vatovato, zay tsy nisy tany firy. Afaka naniry avy atrany izy regny, fa tsy lalina ny tany nisy anazy. ⁶Ka rehefa mipiriàka agnandro, de nalazo zarô, satria tsisy vahany, de megna. ⁷Ny voa afa niraraka tamin'ny tany be fatsy (tagnatina ahitra maniry). Ary naniry menka agnona ny fatsy de namia anazy, de tsy namoa izy. ⁸Ny voa afa ndreka niraraka tamin'ny tany tsara (tany malemy) ka namokatra voa tiô am-pagnoasany, ary nisasgny nitombo avo telopolo eny, ny sasagny enimpolo, ary ny sasgny zato. ⁹Avy tiô de hoy Izy hoe: "Zay manantadigny tononana ra, de aok' izy iteno!" ¹⁰Rehefa nipetra manokana Jesosy, de nagnadina Anazy mikasika io fagnoarana io zarô marivo Anazy sy zarô mpianany roambifolo. ¹¹Hoy Izy taman-jarô hoe: "Andriô no tsy agnafanana ny ra miafina ao amin'ny fanjakan'Andriamanitra". Fa ho an-jarô agny avelagny de fagnoarana daholo, ¹²mba amin'ny fotôna izahanan-jarô, eny angitigna zarô, nefa tsy haita, ary mba amin'ny fotôna hitonoan-jarô, eny aregny zarô, nefa tsy afantatra an'izany, na koa hiodigna zarô de amindra fo aman-jarô Andriamanitra. ¹³Ary hoy Izy taman-jarô hoe: "Tsy azon-driô ma fagnoarana zany a? Aôna zany azaoanariô ny fagnoarana afa rehetra?" ¹⁴Ny mpamboly zegny mamafy ny voa de olona reka zegny mamafy ny teny. ¹⁵Ireto zay niraraka tegny an-dalana, de namafy ny teny, ka rehefa regnin-jarô zany, de tonga de avy Satana de nangalatra ny teny izay vôfaly taman-jariô. ¹⁶Ireto zegny vôfafay tamin'ny tany be vatovato, de zarô naregny ny teny, de tonga de nandray tam-pifaliana avy atragny. ¹⁷Tsisy vahany taman-jarô, fa tagnatiny fotôna fohy fogna. Ka ra tonga ny fijaliana na ny fagnenjeana non'ny teny, de tonga de lavo zarô. ¹⁸Ireo afa zay vôfaly tamin'ny tany be fatsy (be aitra). Regnin-jarô ny teny, ¹⁹fa ny fagnain'izao tontolo zao, ny famitahan'ny arena, sy ny fagniriana ny raha hafa de tafiditra ka manageza ny teny, ka tsy mamoa vokatra zany. ²⁰Ary ireo zay vôfaly teny amin'ny tany tsara dia ireo zay maregny ny teny ka mandray zany, ka mamoa vokatra izy ireo telopolo, enimpolo, na avo zato henin'izay nafaty. ²¹Jesosy nizaka taman-jarô hoe: "Mô entinô andragno va ny jiro de atô akô ambany tany, na ambanin'ny farafara? Fa andonô miditra zany de atônô ambonin'ny fagnatovan-jiro. ²²Fa tsisy raha miafina zay tsy ho fantatra, ary tsisy tsiambaratelo zay tsy voaka. ²³Ra misy manan-tadigny tsonoana ra, de aoka izy hiteno!" ²⁴Hoy Izy taman-jarô hoe: "Mitandrema amin'ny teny zay regnin-driô, fa arakaraky ny oatra anoaran-driô my, no anoarana an-driô, ary ho ampiana aminarô zany. ²⁵Satria na zovy na zovy managna, de omena lalina be izy, ary na zovy na zovy tsy managna, na de zegny anagnany aza de alana amanazy." ²⁶Ary hoy iany koa Izy hoe: "Ny fanjakan'Andriamanitra de tahaka ny olona reka mamafy ny voany amin'ny tany. ²⁷Mandry izy amin'ny andro alina ary mifoa amin'ny mandregna, ary ny voa de mipaka de maniry, fa tsy fantany hoe ahôna. ²⁸Ny tany de mamoa amin'ny tegnany hiany: vôlognany ny tagnantagnany, avy akiô de ny taony, avy akiô de ny voa matoe eo amin'ny taony. ²⁹Ary rehefa matoe ny voa de tonga de andefasana mpambely, fa efa tonga ny foton-pambilezana. ³⁰Ary hoy indray Izy hoe: "Ino ra azontsena agnoarana amin'ny fanjakan'Andriamanitra, inona no fagnoarana ampesentsena agnazavanan'izany?" ³¹Izany de karany ny vôtsinampy, rehefa afafy, de izy ny voa farany bitika indrindra amin'ny voa mantolo aketo ambonin'ny tany. ³²Nefa rehefa vôfaly zany, de maniry ary lasa lebe nohon'ny kakazo mantolo, ary managna tagnantagnana maventy, ka azon'ny vorogna mirigna agnanovana tragno amin'ny malemiteminy." ³³Ary fagnoarana maro karan'izany no nizakany teny taman-jariô, arak'izegny azahoan-jarô anazy, ³⁴ary tsy nizaka taman-jarô ra-tsy tamin'ny fagnoarana Izy. Fa rehefa Izy reka, de azaveny amin'ny mpianany manokana my ny zavatra rehetra. ³⁵Taman'izany andro zany, rehefa tonga ny folak'andro, de hoy Izy hoe: "Andô ntsena hisaka agnilany." ³⁶Ka niala tamin'ny vaôka zarô, nitondra an'i Jesosy niaraka taman-jariô, tendrika Anazy tagnaty lakana bitika igny. Nisy lakana bitika afa ndreka nandia niaraka taminy. ³⁷Avy takiô nanomboka nisy rivotra be ary ny onjan-drano nandifotra ny lakana bitika ka efa seky feno rano ny lakana bitika. ³⁸Ary Jesosy reka nandry tiô ambodin'ny lakam-bitika, tambonin'ny ondana. Nifoazin-jarô Izy, nagnano hoe: "Mpampiatra ô, tsy mampagnino Anô ve ra hofaty aketo ntsena?" ³⁹Ary nifoha Izy, de nizaka mafy tamin'ny rivotra, ary nizaka taman'ny ranomasina hoe: "Mitsahara! milamina!" Ary nizanona ny rivotra, ka nilamina sô mantsara. ⁴⁰Ary hoy Izy taman-jarô hoe: "Naoana anariô no mataotra? Mbola tsy manam-ponoana fogna va nariô?" ⁴¹Vaka be zariô ka nifampizaka hoe: "Iza mô ty, fa na de ny rivotra sy ny ranomasina aza de magneky Anazy?"

Chapter 5

¹Tonga tagny agnilany ranomasina zariô, tao amin'ny faritr'i Gerasena. ²Rehefa niala avy tiô amin'ny lakam-bitika Jesosy, de tonga de nisy lilay reka azon'ny fagnahy maloto no nagnatogna Anazy avy tegny amin'ny fasagna. ³Nibodika tegny amin'ny fasagna ity lilay ity. Tsy nisy koza olona afaka nitàna anazy nade tamin'ny rojo vy aza. ⁴Voafatotra matetika tamin'ny gadra vy sy rojo vy izy. Notapahiny ireo rojo ary potika ireo gadra vy. Tsy nisy nanagna hery nifehy ananjy. ⁵Isan'alina sy isan'adro tegny amin'ireo fasagna sy tegny an-tendrombohitra, de nihoekoeka izy ary mandratra ny vatagny tamin'ny vato marangitra. ⁶Rehefa nahita an'i Jesosy avy alavitra izy, de nisadodo ninga akiô Amanazy ary niankohoka tiô aloany. ⁷Ary nangeka tamin'ny fiô mafy izy hoe: "Ino ma no ifadraisako aminô, ry Jesosy zanak'Andriamanitra Avo indridra? Mangataka aminô amin'ny agnaran'Andriamanitra reka my zao, aza mampijaly ana". ⁸Fa Izy niteny tamanajy hoe: "Mivoaà aman'io lilay io, ry fagnahy maloto". ⁹Ary izy nagnadina ananjy hoe: "Zovy agnaranô? Ka novaliny hoe: "Legiona no agnarako, satria maro be ze". ¹⁰Ary nangataka mafy Taminy hatragny hatragny mba tsy anora anjarô agny ivelagn'ny faritra. ¹¹Ary nisy lambo marobe nitrongy tamin'ny tagnambona, ¹²ary nangataka Taminy zariô hoe: "Alefaso amin'ny lambo rôgna ze; avile ze hiditra akô". ¹³Ka de navelany zarô; ary nivoaka ireo fagnahy maloto ka de niditra tamin'ireo lambo, de tonga de nibiridika tegny amin'ny elaka ho agny an-dranomasina ireo, ary lambo tiô amin'ny roa arivo tiô no maty tao an- dranomasina. ¹⁴Ninga nilefa ireo namahagna ny lambo ary nitatitra ny zava-niseo tiô an-tanàna sy tagny ambanivolo, ary olona maro no nivoaka izaha ny raha niseo. ¹⁵Avy tiô zariô de ninga amin'i Jesosy ary hitan-jariô ny lilay nitoeran'ny demonia, ilay izay nitoeran'ny Legiona, nipetraka tiô, nagnatô lamba ary nilamintsaina tsara; ka de natahotra zariô. ¹⁶Ireo zay nahita ny ra-niseo tamin'ilay lilay nipetrahan'ny demonia de nikorana taman-jarô ny momba zany tamin'ny antsipiriany, ary koa nitantara momba ireo lambo taman-jariô. ¹⁷De nanomboka nangataka Azy zariô mba hialany eo amin'ny faritra misy an-jarô. ¹⁸Rehefa hiakatra tao amin'ny lakam-bitika Izy, dia niangavy taminy ilay lilay nipetrahan'ny demonia mba omba Anazy. ¹⁹Saingy tsy nagnek'izany nefa Jesosy, fa nagnano Taminy hoe: "Nda mody agny amin'ny tragnonô sy ny fianakavianô ka tantariô aman-jariô izay natôn'ny Tompo taminô, sy ny namindrany fo taminô!" ²⁰De ninga nody izy ary nanomboka nagnambara ny zava-dehibe izay natôn'i Jesosy tamanazy tany Dekapolis, ary gaga ny rehetra. ²¹Ary rehefa nandia tegny agnilany ndreka Jesosy, tamin'ny lakam-bitika, de indro nisy olona maro be nivory nagnodidina Ananjy, raha tiô amorogn'ny ranomasina iny Izy. ²²Avy tiô de tonga ny reka taman-jariô mpitarikan'ny Synagoga, atao hoe Jairo, ka ra vô nahita Azy, de nisoroaka tamin'ny Ongony. ²³Nibiôbiôka tiô izy, ka nagnano hoe: "Marary be efa ho faty ny zanako viavy. Mitalaho aminô zao, andô koa de atife amanazy ny tagnanô mbarase sitrana sy ho velona izy". ²⁴De ninga niaraka tamanazy Izy, ary olona maro be no nagnaraka sy nagnety nagnodidina Ananjy. ²⁵Ary nisy viavy reka tiô voan'ny fahaverezan-drà nandritry ny roamby folo tona. ²⁶Nijaly be fogna izy ary nitety mpitsabo maro sy nandany ny fanagnany manontolo, nefa de tsy sitrana se fa vômenka aza menkarasy. ²⁷Rehefa naregny ireo tatitra mamomban'i Jesosy izy, de ninga tafara tao anaty vaôaka izy ary nikasika ny akanjony. ²⁸Satria hoy izy hoe: "Raha mahakasika ny lambany fogna aho, de efa sitrana." ²⁹Ndreka nikasika Anazy izy, de negnina ny fahaverezan-drà, ary sapany atragny agnatiny fa sitrana tamin'ny aretinanazy izy. ³⁰Fantan'i Jesosy niaraka taman'izany fa nisy hery niala avy tamananjy. Nitodika tamin'ny vaôaka Izy ary nizaka hoe: "Zovy no nikasika ny akanjoko tiô?" ³¹De namaly Azy ny mpianany hoe: "Hitanô vaôaka maro be mibosesika aminô io ka hoy Ianô hoe: "Zovy no nikasika Anà." ³²Fa nagnintigna ny nagnodidina Ananjy Jesosy mba ahitany zegny nagnano an'izany. ³³Ilay viavy, nafantatra zegny raha nitranga taminy, de nataotra sy nangitakitaka. Nande izy ary nisoroaka tiô alohan'i Jesosy ka nizaka tamanazy ny marina manontolo. ³⁴De hoy Jesosy hoe: "Anaka, ny finoanô no nagnasitrana anô. Mandiana aminy fiadanana ary misitrana amin'ny aretina anô." ³⁵Raha mbola nizaka Izy, dia tonga ny olona sanagny avy tagny amin'ny mpitarika ny Synagoga, nagnano hoe: "Efa maty ny zanagno. Naoana no mbola mampijaly ny mpampianatra my anô?" ³⁶Fa rehefa naregny raha nizaken-jariô Jesosy, de hoy Izy tamin'ilay mpitarika ny Synagoga hoe: "Aza matahotra. Fa minoa fogna." ³⁷Ary tsy nisy navelany iaraka aminy, ra-tsy Petera, Jakoba, ary Jaona, tamboka reka amin'i Jakoba my. ³⁸Tonga tagny andragon'ilay mpitarika ny Synagoga zariô ary nahita olona nihoalahola be takiô Izy; nitomagny sy nibarara be zariô. ³⁹Raha vô niditra tan-dragno Izy, dia hoy Izy taman-jariô hoe: "Naôana andrio no mitabataba sy mitomagny? Tsy maty ny zaza fa mandry." ⁴⁰Nimoe an'Azy zariô. Nefa navoagny tagny avelagny izy manontolo ary nangalaka ny iabany sy ny renin'ilay zaza sy ireo izay niaraka taminy, ary niditra tao amin'ny efitragno nisy ilay zaza Izy. ⁴¹Nisamboriny ny tagnan'ilay zaza ary nizaka taminy hoe: "Talita, Komy!" zany raha adika de hoe: "Ry zaza viavy, mizaka aminô Zao, mitsangana." ⁴²Tonga de nitsangana zaza viavy ary nandiaa (satria roa ambin'ny folo taona izy). Magnana fogna lilaka zariô. ⁴³Nizakeny mafy zariô mba tsy hisy na zovy na zovy afantatra ny momban'izô. Avy tiô de naseny namena ra-anina razaza viavy.

Chapter 6

¹Niala taman'io toerana io Izy ka nandiaa antanin-drazagna, ary nagnaraka Anazy zarô mpianany. ²Ary raa tonga ny andro sabata, de nampianatra tiô amin'ny Synagoga Izy. Maro ny olona niteny Anazy ka magnana zariô. Hoy zariô hoe: "Avy akeza no nazaoan'io fampianarana io?" "Ino zô fahedrena zay namena Anazy zô?" Ino ra mamagnana zay natôny taman'ny tagnany io?" ³Tsy le mpandrafitra va io, ilay zanak'i Maria tambokireka aman'i Jakoba, Josesy, Jodasy ary Simona? Tsy miaraka amantsena aketo koa ve ny anakaviny?" Voatoina taman'i Jesosy zariô. ⁴De hoy Jesosy taman-jarô hoe: "Tsy misy mpaminagny azaina eo amin'ny tanindrazagny sy ny eo amin'ny avany ary eo amin'ny ankohonany. ⁵Tsy afaka nagnano asa magaga Izy, ra tsy ny fametran-tagnana tamin'ny marary visivisy ary magnasitrana an-jarô. ⁶Magnana nony tsy finoan-jarô Izy. Avy takiô de nandia nagnodidigna ireo tanàna Izy hampianatra. ⁷Avy takiô de nagnantso an-jarô roambifolo lahy Izy ary nanomboka nagnasan-jarô siroe roe, ary nomeny fahefana tamin'ny fagny ratsy zariô, ⁸Ary nandrara an-jarô tsy tondra na ino na ino amin'ny diany, na mofo, na kitapo, na vola amin'ny fehikibon-jarô, ra-tsy tehina my, ⁹fa magnatova kapa, fa aza magnatô akanjo roé. ¹⁰Hoy Izy taman-jarô hoe: "Na oviana na oviana andriô miditra andragno reka, de mipetraha akô tampy ialanarô akagny. ¹¹Ary ra misy tanàna tsy mandray narô na tsy miteno ndriô, ka rehefa magnamboho zany toerana zany anarô, de fafao ny vovoka amin'ny tongonarô mba ho vavolombelona iampanga an-jarô. ¹²De ninga zarô ka nitory fa ny olona de tokony hibebaka amin'ny fahotany. ¹³Nandroaka demonia maro zarô, ary nagnosotra marary maro tamin'ny ilo ka nagnasitrana anazy reny. ¹⁴Regnin'i Heroda mpanjaka izany, satria rengy laza ny agnaran'i Jesosy. Ny sasagny de nizaka hoe: "Nitsangana tamany maty Jaona mpagnano batisa ka zany no anagnany hery aezany magnano raha magaga io. Zarô sasagny koza nizaka hoe: "Elia izy". ¹⁵Fa zarô sasagny mbola nizaka hoe: "Mpaminagny Izy, kara ny reka aman-jariô mpaminagny tamin'ny andro talofa my". ¹⁶Fa rehefa naregny an'izany Heroda de hoy izy hoe: "Jaona, ilay notapaiko loha, no nitsangana tamin'ny maty" ¹⁷Fa Heroda nagniraka olona anambotra an'i Jaona ka nampigadra azy nohon'ny rahalain'ny Herodiasy (vadiny Filipino rahalahiny), satria natôny vady raviavy. ¹⁸Fa Jaona nizaka taman'i Heroda hoe: "Tsy araka ny lalàna no angalaranô ny vadin'ny ralainô." ¹⁹Fa vignitra tamanazy Herodiasy ka niaragna tetika amonoana anazy, nefa tsy afaka, ²⁰nony fatahoran'i Heroda an'i Jaona; fantany fa olo-marina sy feno fahamasinana izy, ary niaro anazy izy. Nampiasa loha anazy ny faregnesany anizany. Kanefa mbola niteny anazy tamin-kafaliana izy. ²¹Avy tiô de nisy niraina tamin'ny fiveregnany taona naterakan'i Heroba ka nagnano fanasana ho an-jariô lebeny, sy ireo mpifehiny, ary zariô mpitarikan'ny Galilia Izy. ²²De niditra tagn'efitragno fanasana ny zanaka vavin'i Herodiasy ary nandihy ho an-jariô, ary nahafinaritra an'i Heroda sy zariô vahiny nantsovana tamin'ny finanan-kanina izy. Hoy ny mpanjaka tamin'ny zaza viavy hoe: "Laoe amanaa zegny ra rehetra tianô fa omeko anô zany". ²³Ary niafatrafatra tamazy izy ka nagnano hoe: "Na ino na ino no angatahinô amanaa, de omeko anô, na de antsasagny fanagnako aza. ²⁴De nivoaka izy, de nizaka tamany mamany hoe: "Ino ma ra tokony laoe ko amanaa?" De hoy mamany hoe: "Ny lohan'i Jaona mpagnano batisa". ²⁵Takiô takiô my de nierigna tamin'ny mpanjaka izy, ka nagnano hoe: "Tiako omenô ana zô de zô, eo ambony lasety ny lohan'i Jaona mpagnano batisa. ²⁶Na de nampalahelo be ny mpanjaka aza zany, de tsy afaka nandà fangatahany izy nony afatrafatra izay natôny sy nony vahiny nantsovana nihinana takiô amin'ny fanasana. ²⁷Non' izany de tonga de nagnasa maramila reka avy tamin'ny mpiambina ny mpanjaka ka nagnasa anazy hitondra ny lohan'i Jaona ankiô aminy. Nandeha ilay mpiambina ka nanapaka ny lohany tao antragnom-pigadrana. ²⁸Nindôny tambonin'ny lasety ny lohany ka nomeny an-jaza viavy, ary le zaza viavy nagnomia anazy an-dreniny. ²⁹Rehefa naregny an'izany zarô mpianany de ninga nangalaka ny vatagny ka nalevigny agny ampasagna. ³⁰Nierigna tagny amin'i Jesosy jariô Apositoly ary nitantara taminy zegny ra rehetra vitan-jarô sy nampenarin-jarô. ³¹Ary hoy Izy taman-jarô: "Andô ntsena inga antany foagna mba angalaka robiana bitika." Fa maro ny olona misavoesavoe, ary tsy manam-potoana hinanan-kanina koza zarô. ³²De nandia an-dakana bitika zarô mba ho agny antany foagna. ³³Fa zariô nahita an-jarô ninga ary maro no nahafantata an-jarô, de niara-niazakazaka an-tongotra avy tagny amin'ny tanàna rehetra zarô, ary tonga teo talohan-jarô. ³⁴Rehefa tonga tegny amorogny zariô, de natazagna vaôaka maro Izy ary nangoraka an-jarô Izy, satria kara ondry tsisy mpiambina zariô. Ka nanomboka nampianatra raha maro an-jarô Izy. ³⁵Ary rehefa folak'andro ny andro, de nagnatogna Anazy zariô mpianany ka nagnano hoe: "Tany foagna ity, ary ny andro de efa ho alina koa. ³⁶Avile zarô mba inga agny amin'ireo fonegnany sy tanàna nagnodidigna hividy sakafo mba hoanin-jarô." ³⁷Fa namaly Izy ka nagnano taman-jarô hoe: "Omeo raha ohanina zarô". De hoy zariô taminy hoe: "Afaka mande minga mivanga mofo azon'ny denaria roanjato ve zé ka agnomen'izany an-jariô ho aniny?" ³⁸De hoy Izy taman-jarô hoe: "Firy ny mofo anagnandriô? Ndà de zahano." Refa hitany, de hoy zariô hoe: "Mofo dimy sy lôka roe." ³⁹De nibeko ny olona jiaby mba hitoetra mitokotokogna takiô amboniny ahitra meso Izy. ⁴⁰De nipetra nitokogna zariô; tokogny zato sy dimampolo. ⁴¹Nangalaka ny mofo dimy sy lôka roe Izy, nidraka ny lanitra Izy de nisôtra ka nizarazara ny

mofo ka nangnomen'izany tamin-jarô mpianatra mba omena ny olona .Nizareny koa ny lôka roe ho an-jarô rehetra.⁴²De nihinana aby zarô maro be madrapa voky an-jarô. ⁴³Nalen-jarô ny mofo tsy lany, de nahafeno roambifolo tany mitafotafo, ary koa ambin-dreo lôka. ⁴⁴Nisy dimy arivo zarô lilay nihinana ny mofo.⁴⁵Tiô de tiô my de naseny nideba lakam-bitika zariô mpianatra mba inga alohany ho agny agnilany, hôagny Betsaida, raha nampody ny vaôaka Izy. ⁴⁶Rehefa dila zariô, de niakatra an-tampotavirana Izy mba hivavaka. ⁴⁷Tonga ny alina, ary efa antegnantegna rano ny lakam-bitika, fa Izy reka tavela tan-tambo. ⁴⁸Ary hitany fa nijaly be zarô nive lakam-bitika, satria nanohitra be an-jariô ny rivotra. Takiô aman'ora fembenana fahefatra ny alina de nagatogna inga akiô aman-jarô Izy, nandia tegny ambony ranomasina, ary te-handalo taman-jarô Izy. ⁴⁹Fa rehefa nahita Anazy nandia tegny ambonin'ny ranomasina zariô, de neverin-jarô ho angatra na (raraa) Izy ka nioekoea zariô. ⁵⁰Satria nahita Anazy zarô ka vaka, tiô tiô my de nizaka taman-jariô Izy hoe: "Matokisa! Zao my ty! Aza matahotra!"⁵¹Ary niditra tan-dakana bitika niaraka taman-jarô Izy, de negnina tsy nandrivotra koza. De magnana aby se zariô. ⁵²Ary tsy takatry ny segnan-jariô se ny dikan'ile mofo. Fa nefa koza, menka mafy ny fon-jarô. ⁵³Rehefa tody zariô, de tonga tôle Ganesareta zariô ka nibodika takô. ⁵⁴Ary rehefa niala tan-dakam-bitika zarô, tonga de fantan'olona tôle Izy. ⁵⁵Ka niazakazaka nagneragna ny faritra manontolo zariô ary nanomboka nitondra marary tamin'ny fandriany tagny amin'izegny rehetra regnin-jariô misy an'Azy. ⁵⁶Fa na takaa na takaa nandianany na an-tanàna, na antanam-be, na tegny amin'ny vohitra bitika, de napetrakan-jarô teo amin'ny kianja ny marary. Niangavy Anazy zariô mba andefa an-jarô hikasika ny morognak'anjony, ary zarô manontolo izay nikasika Anazy dia sitrana.

Chapter 7

¹Zareo Fariseo sy ny fanjakana sasagny izegny avy tagny Jerosalema de tonga nivory nagnodidigna Ananjy.²Ary hitanjareo ny mpianatra sasagny nihinana mofo tamin'ny tagnana tsy madio, izany hoe tsy vôsasa. ³(Fa ny Fariseo sy ny Jiosy jiaby de tsy mba nihinana raha tsy efa avy nanasa ny tagnananjareo, satria magnaraka ny fombafombanjareo loholona.) ⁴Ary ndreka niherigna avy tagny abazary zareo Fariseo, dia tsy mihinana zareo raha tsy avy mandro, ary mitandrigna fomba maro hafa tagnandraha zareo, kara ny fanasana kapoaka, sy ny fagnaranana, fanaka varahina, ary ny fandriana izay hinananjareo.)⁵Ireo Fariseo sy ny mpitondra fanjakana nagnadina an'i Jesosy hoe: "Nawana ny mpianatra no sy nandiaa araka ny fombafombanjareo loholona, fa mihinana ny mofonjareo amin'ny tagnana tsy vôsasa?"⁶Ndrefa hoy Izy taminjareo hoe "Isaia naminangny tsara momba andreo mpiasaravelatsihy. Nosoratany hoe: "Ity vaoaka ity magnaja Anay amin'ny molotra, fa ny fony koza lavitra Anay. ⁷Foagna ny fivavahana amianjareo Anay, raha mampianatra ny fitsipik'olombelona mba ho fampianaranjareo.⁸Navelandreo ny didin'Andriamanitra ka tanandreo mafy ny fomban'ny olona." ⁹Ary hoy ihany koa Izy taminjareo hoe: "Kara ino ny fagnarianareo ny didin'Anriamanitra mba hitandremandreo ny fomban-drazagnanareo! ¹⁰Fa hoy i Mosesy: 'Magnaja ny babanô sy ny rininô, ary koa, zegny mizaka ratsy ny abany sy ny reniny dia ho faty tokoatra."¹¹Kanefa andreo mizaka fa: "Raha misy lilahy reka mizaka ny abany na ny reniny hoe: 'Na ino na ino tianô ho azo avy aminay dia efa Korbana,'" (izany hoe: 'namian'Andriamanitra') - ¹²de tsy avelandreo hagnano na ino na ino amin'ny abany sy ny reniny kôza izy. ¹³Magnafoagna ny tenin'Andriamanitra andreo noho ny fomban-drazagnanandreo izegny nitandreo. Ary raha maro mitovy amin'izany koà no atôndreo."¹⁴Ary nagnanso ny fokon'olona ndreka Izy ka nizaka taminjareo hoe: "Mitonoà Anay, andreo jiaby, ka fanataro. ¹⁵Tsy misy raha avy agny avelagny zegny miditra agnatin'ny olona ka afaka mandoto ananjy ndreka miditra agnatiny. Fa izegny mivoaka avy ao angatiny no mandoto ananjy." ¹⁶[Fagnamarinana: Ny fandikana tegna tsara dia tsy mentsy magnatô ny andininy faha 16: Raha misy manan-tadigny hitonoàna, de ôka izy hiteno.]¹⁷Ary ndreka niala takeo amin'ny fokonolona i Jesosy ka niditra tan-dragno, de nagnadina Ananjy momba le fanoharana ny mpianany. ¹⁸Hoy Jesosy taminjareo: "Mbola velona amin'ny fahalalana koà megny andreo a? Tsy hitandreo megny fa izegny miditra ao agnatin'ny olona avy agny avelagny de sy mandoto ananjy, ¹⁹satria tsy afaka miditra ao am-pony izany, fa agnaty kibo fôgna de mivoaka amin'ny fivoaany?" Tamin'izany fagnambarana izqny de nagnano ny raanina jiaby ho madio i Jesosy.²⁰Hoy Izy: "Izegny mivoaka avy amin'ny olona no madoto ananjy. ²¹Fa avy agnatin'ny olona, avy ao am-pony, no ivoaan'ny segna ratsy, ny fahavetavetana, ny halatra, ny vono olona, ²²ny fizangazangana, ny fitsiriritana, ny haratsiam-pagnahy, ny fitaka, ny fizezozezoana, ny fialognana, ny famosana lenga, ny avognavogna, ny hafokàna. ²³Izany raha tsy manjary jiaby izany no mivoaka avy agnatin'ny olona, ary izany no mandoto ananjy."²⁴Niala takeo Izy ka ninga tagny amin'ny faritr'i Tyro sy i Sydona. Niditra tan-dragno reka zegny Izy ary tsy tiany ho fantan-jovy na zovy fa takô Izy, nefa tsy afaka nivony. ²⁵Kanefa niaraka tamin-jegny de nisy viavy reka, izegny nisy fagnahy maloto ny zanagny viavy bitika, naregny ny momba ananjy, tonga, ary nenkohoka teo ankongogny. ²⁶Ary Grika ilay viavy, Syro-foinika no fiaviany. Nengavy Taminanjy izy mba hamohana ny demonia mba hiala amin'ny zanagny viavy.²⁷Hoy Izy taminanjy: "Amiao raanina alonga ny zaza. Satria tsy mety lakoa malaka mofon-jaza ka manipy izany ho an'ny kiva." ²⁸Nefa namaly izy ka nizaka Taminanjy hoe: "Eka, Tompo, fa na de ny kiva ambany latabatra aza de mihinana ny tavitaviny amin'ny mofon-jaza."²⁹De hoy Izy taminanjy: "Noho izqny zakanô izany, afaka minga anô. Efa niala tamin'ny zakananô viavy ny demonia." ³⁰Dia ndreka niherigna tagny an-dragno ny raviavy de nahita ny zaza nadry takio ambony kitrara, ary ny demonia dia efa niala. ³¹Ary nivoaka ndreka i Jesosy ka niala tamin'ny faritr'i Tyro, de namakivaky an'i Sydona hatragny amin'ny Ranomasin'i Galilia ka hatragny amin'ny faritr'i Dekapolis. ³²Ary nindônjareo takio Aminanjy ny olona reka marignina sady moà, ary nitaregna Taminanjy zareo mba hametrahany ny tagnany aminanjy.³³Nitondra an-dralilahy nitôkana niala takio amin'ny fokon'olona Izy, de nanefa ny zana-tagnany tagnaty tadigniny Izy, ary ndreka avy nandrôra, de nikasika ny lelany. ³⁴De nidraka lagnitra Izy, de nisento ka nizaka taminanjy hoe: "Efata," izany hoe: "Maladià!" ³⁵Ary bitibitika takio de naregny ny tadigniny, ary izegny namatotra ny lelany dia potika ary de afaka nizaka mazava sara izy.³⁶Ary Jesosy nandrara anjareo tsy hizaka na amin-jovy na zovy. Kanefa na de niraràna aza zareo, de vômeka nagnaparitaka izany bebe koka. ³⁷De gaga tokoatra ny olona, ka nizaka hoe: "Naniny tsara aby ny raha jiaby. Ny marignina aza natôny naregny ary ny moà mizaka."

Chapter 8

¹Tamin'izany andro zany, de nisy vaôka maro be ndreka, ary tsy nanagna ra-oanina zarô de nagnantso ny mpianatra Jesosy ary nizaka taman-jarô hoe: ²"Mampalaelo Anà vaôka toguna, satria efa telo andro zariô nanoy nagnaraka Anà ary tsy nanagna ra-oanina. ³Raha asekô mande mody agny andragony tsy omana zarô de mety ho toragna anketogna. Ny sasagny aman-jariô de avy agny alavitra be." ⁴Namaly Anazy zarô mpianatra hoe: "Akeza haitan-tsena mofa ampy avoky vaôka maro be togno aty an-tany foagna aty?" ⁵Nagnontany an-jarô Izy hoe: "Firy ny mofo anagnanarô?" Hoy zarô hoe: "Fito" ⁶De nangnasa ny vaôka mba itoetra amin'ny tany Izy. De nirambaziny ny mofo fito, de nisôtra Izy, ka notapainy io. De natolony ny mpianatra zegny mba ho zarain-jarô amin'ny vaôka, ary napetrakan-jarô tiô aloan'ny vaôka zany. ⁷Ary mbola nanagna lôkan-drano vitsy hiany koa zariô, ka rehefa avy nisôtran'ireo Izy, de nagnasa ny mpianatra mba handroso izany koa Izy. ⁸De nihinana zarô ka voky, ary nalen-jarô ny ambiny tavela, de nafeno fito tany be ⁹Mety ho efatr'arivo tiô ny olona tamin'izany. Avy tiô de tonga de nalefany nody zarô. ¹⁰De niakatra tan-dakana bitika niaraka taman-jarô mpianany Izy, ary nandeha ho agny amin'ny faritr'i Dalmanota zariô. ¹¹De nivoaka zarô fariseo ary nanomboka nifagnolagna taminy. Niaragna famantarana avy akagany an-dagnitra tamin-jarô, mba izahanana fagnahy Anazy. ¹²Nisento laligna tagny amin'ny fagnahiny Izy ary nizaka hoe: "Nahôna no miaragna famantarana ity taranaka ity? Nefa zakeko amin'ariô marina, fa tsisy famantarana omena ity taranaka ity." ¹³Avy tiô de niala taman-jarô Izy, de niakatra tao an-dakana bitika ndreka, de niala lavitra ho agny agnilany. ¹⁴Ary adignon'ny mpianatra nitondra ny mofo niaraka taman-jarô. Tsy nanagna mihotra ny reka zariô takô agnaty lakana. ¹⁵De namepetra an-jarô Izy ka nizaka hoe: "Membena ary mitandrema amin'ny zava-drasin-jarô Fariseo sy ny teti-drasin'i Heroda." ¹⁶De nifagnontany tegna ny mpianatra hoe: "Nony antsena tsy managna mofo zany." ¹⁷Fantan'i Jesosy zany, de hoy Izy tamin-jarô hoe: "Nahôna no amin'ny tsy fanagnana mofo ny fandinian-driô? Mbola tsy azon-driô va? Mbola tsy takan-driô va? Nanjary dora va ny fon-driô?" ¹⁸Managna maso an-driô, fa tsy mahita angaa? Managna tadigny koa anariô, fa tsy maregny raha nga? Tsy tadidin-driô mô va? ¹⁹Rehefa nanapaka ny mofo dimy hohan'olona dimy arivo Zao, de tany firy no feno ambiny mofo nangonin'ariô?" Hoy zariô taminy hoe: "Roeambifolo." ²⁰Rehefa nanapaka ireo mofo fito ho an'olona efatr'arivo Zao, firy tany ny ambiny nangonin-driô?" Hoy zariô tamin'ny hoe: "Fito tany." ²¹Ary hoy Izy hoe: "Mbola tsy fantan-driô se mô va?" ²²Tonga tagny Betsaida zariô. Ary nisy jamba reka nindon'olona takiô amanazy ary nengavin-jarô Jesosy mba hikasika anazy. ²³Nindon'i Jesosy tamin'ny tagmany lay jamba, ary nitondra anazy hivôka ny tanàna. Rehefa nadrora tiô amin'ny masony Izy ary nametraka ny tagmany tiô amanazy, de nagnadina anazy Izy hoe: "Mahita raha amin'izegny anô a?" ²⁴De nidraka izy, ka nizaka hoe: "Mahita olona kara kakazo mandende zao." ²⁵Napetrak'i Jesosy tiô aminy masony ndreka ny tagmany, ary nabagnany lilay ny masony de niverigna tamin'ny lôniny ny fahitany, ary nahita mazava tsara ny raha rehetra izy. ²⁶De nalefan'i Jesosy nody izy ary nizakeny hoe: "Aza miditra akô an-tanàna." ²⁷Nandea nivoaka Jesosy sy ny mpianatra hoagany amin'ny tanànan'i Kaisaria Filipo. Tegny anketogna de nagnontany an-jariô mpianany Izy hoe: "Hatôn'olona jovy mô Zao?" ²⁸Namaly Anazy zariô ka nizaka hoe: "Jaona mpagnano batisa. Ny hafa nizaka hoe: "Elia" ary ny hafa hoe: "Reka aman-jarô mpaminagny," ²⁹Nagnotany an-jarô Izy hoe: "Fa anarô koza magnano Anà ho zovy?" De namaly Anazy i Petera hoe: "Anô no Kristy." ³⁰Nampitandrina an-jariô Jesosy tsy izaka ny momba Anazy na ama-jovy na aman-jovy. ³¹Nanomboka nampianatra an-jarô Izy fa tsy simentsy hijaly ny Zanak'olona, ary tsy eken'ny loholona sy ireo lohan'ny mpisorogna ary ny mpitondra fanjakana, ary ho voniny, ka hitsangana amin'ny maty afaka telo andro. ³²Nozakeny mazava tsara zany. Avy tiô nantsovan'i Petera mangingigna Jesosy ka nanomboka nizaka mafy Anazy. ³³Nefa nitodika Jesosy de nizaha an-jariô mpianany ary avy tiô Izy de nizaka mafy an'i Petera ka nagnano hoe: "Magnalavira Anà, ry satana! Tsy mba mandinika ny zavatr'Andriamanitra anô, fa ny zavatr'olona." ³⁴Avy tiô de nagnantso ny vaôka sy ny mpianatra niaraka Izy, ary hoy Izy taman-jarô hoe: "Raha misy te-agnaraka Anà, de tsy maintsy mandà ny vatagany izy, mangalaka ny hazo fijaliana, ary magnaraka Anà. ³⁵Na zovy na zovy te-angavotra ny egnany de avery an'izany, ary zegny mahavery ny egnany non'ny Amanà sy ny filazantsara, de avonjy anazy izy. ³⁶Fa ino anefa no tombotsoa azon'ny olona reka, raha mahazo zô ntontolo zô, nefa very ny egnany? ³⁷Inona no afaka omen'ny olona reka ho talon'egnany? ³⁸Na zovy na zovy megnatra Anà sy ny ra-zakeko aketo amin'ity taranaka mijangajanga sy ny mpagnano ratsy ity, de omegnatra anazy koa ny Zanak'olona rehefa tonga ao amin'ny voninahitry ny Rainy miaraka amin'ireo anjely masina Izy."

Chapter 9

¹Hoy Izy taminjareo hoe: "Zakeko amindreo marina tokoatra, fa misy amindreo izegny mitsangana aketo no tsy hagnandragna izany fahafatesana izay alohany hahitanjareo ny fanjakan'Andriamanitra izegny ho avy amin'ny hery lehibe." ²Ary enina andro taty afara, de nindessin'i Jesosy niaraka taminan'ny i Petera sy Jakoba ary Jaona tagny an- tendrombohitra ambo, ary zareo reka no takagny. Avy teo de nivadika terehy takeo amasonjareo Izy. ³Nanjary nangilangilatra no sady madio, ary fotsy mioatra ny raha fotsy indrindra taketo ambony tany ny lambany. ⁴Avy takeo Elia sy Mosesy nivoaka taminjareo, de nikorana tamin'i Jesosy zareo. ⁵Petera namaly ka nizaka tamin'i Jesosy hoe: "Raby ô, tsara raha mibodika aketo ansena, ka andô hagnano tragno tany telo, ny reka ho Anao, ny reka ho an'i Mosesy, ary ny reka ho an'i Elia." ⁶(Fa tsy fantany izegny tokony ho zakena, satria nataotra mafy zareo.) ⁷Nisy rahona tonga ka nanarogna anjareo. Ary nisy feo nivoaka avy takô agnatin'ny rahona hoe: "Ity no Zanak'Olona. Mitonoà Anan'ny." ⁸Tampoka takeo, ndreka nizaa ny magnodidigna zareo, de tsy nahita na zovy na zovy koza, ankoatran'i Jesosy. ⁹Ndreka nandrorogna avy tagny an-tendrombohitra zareo, de norarana mafy mba tsy hizaka na amin'ny zovy ny raha jiaby hitanjareo, raha tsy efa mitsangana amin'ny maty ny Zanak'Olona. ¹⁰Ary de nitananjareo izany zaka izany, nefa nifagnadina zareo ny amin'ny mety ho dikan'izany "fitsanganana amin'ny maty" izany. ¹¹Nagnadina Anan'ny zareo hoe: "Nawana zareo mpitondra fanjakana no magnambara fa tsy mentsy ho avy alohan'ny fotoana i Elia?" ¹²De hoy Izy taminjareo hoe: "Efa tonga voalohagny Elia hagnarina ny raha jiaby. Ary nawana no voasoratra fa ny Zanak'Olona de hijaly mafy amin'ny raha maro ary hatô kara ny olona tsy misy dikany?" ¹³Nefa zakeko amindreo fa efa tonga Elia, ary natôn'ny olona aminan'ny izegny miniminim-pony, araka izegny efa vozakan'ny Soratra Masina momba anan'ny." ¹⁴Ary ndreka nierigna takeo amin'ny mpianantra zareo, de naita olo-marô nagnodidigna anjareo ary zareo mpitondra fanjakana niady hevitra taminan'ny. ¹⁵Raha vô nahita an'i Jesosy zareo, de gaga ny vaoaka jiaby ary ndreka nihazakazaka nagnatona Anan'ny zareo de nifagnontsafa taminan'ny. ¹⁶Nagnandina anjareo mpianany Izy hoe: "Momba ny ino no raha hiadiandreo hevitra aminjareo?" ¹⁷Ary nisy reka tamin'ireo vaoaka namaly Anan'ny hoe: "Mpampianatra o, nindesiko ho aketo Aminô ny zanako lilahy. Misy fagnahy ratsy tsy mampizaka anan'ny izy." ¹⁸Manambotra anan'ny ka mandavolavo anan'ny ary mampandao vory anan'ny, mikatri-nify izy, ary manjary mifanintogna. Nangao taminjareo mpianatrao ny tegnako mba hamoaka izany hiala aminan'ny, kanefa tsy vitanjareo izany." ¹⁹Ary namaly anjareo Izy hoe: "Ry taranaka tsy mino, mandra-pahoviana no hibodiako aketo amindreo? Mandra-pahoaviana no handiferako amindreo? Andeso aty Aminay izy." ²⁰Ary nindesina takeo Aminan'ny ilay zaza lilahy, ary ndreka vô nahita an'i Jesosy ilay fagnahy ratsy, de nampifanintontona anan'ny izany. Lavo tamin'ny tany ilay zaza lilahy ary namory ny ranovavany. ²¹Jesosy nagnadina ny iabany hoe: "Letr'oviana no naha karan'izô anan'ny?" Dia hoy ny iabany hoe: "Iletra izy mbola bitika." ²²Ndrekindreka io fagnahy ratsy io de nandavo anan'ny tagnaty afo na tagnaty rano ary nagnano izegny hapotika anan'ny. Raha mahê magnano ny raha jiaby Anô, de mamindrà fo aminê ary tahio zehê. ²³Jesosy nizaka taminan'ny hoe: "Raha mahê anô?" ²⁴Ny raha jiaby de hain'ny manam-pinoana." Ary niaraka tamin'izegny iaban'ilay zaza de niheka mafy nagnano hoe: "Mino zaho! Tahio zaho amin'ny tsy finoako!" ²⁵Ndreka hitan'i Jesosy ireo vaoaka nihazakazaka nagnatogna Anan'ny, de nizakeny mafy ilay fagnahy maloto ary nagnano hoe: "Ry fagnahy tsy mizaka sy maregnina, mandidy anô Zaho, mivoaha aminan'ny, ary aza mierigna midita aminan'ny kôza." ²⁶Nihekeka mafy izany ka nampifanintogna mafy ilay zaza lilahy ary nivoaka avy takeo. Kara olona maty ilay zaza lilahy, ka maro no nizaka hoe: "Maty izy." ²⁷Fa Jesosy nandramby ny tagnany ka nagnarina anan'ny, de nitsangana ilay zaza lilahy. ²⁸Ary ndreka niditra takô an-dragno i Jesosy, de nagnadina Anan'ny zareo mpianany hoe: "Naoana zehê no tsy nahavoaroaka ilay fagnahy ratsy?" ²⁹Hoy Izy taminjareo hoe: "Ny karan'iregny de tsy afaka roasina raha tsy amin' ny alalan' ny vavaka." ³⁰Niala takeo zareo ary nandalo tagny Galilia. Tsy tiany ho fantan-jovy na zovy hoe avy teza zareo, ³¹fa nampianatra anjareo mpianany Izy. Hoy izy taminjareo hoe: "Ny Zanak'Olona dia hamiana ho an-tagnan'ny olona, ka ho voninjareo Izy. Ary ndreka voavono Izy, de hitsangana amin' ny maty ndreka afaka telo andro." ³²Fa tsy azonjareo io fagnambara na io, ary nataotra ny agnadina Anan'ny zareo. ³³Avy teo de tonga tagny Kapernaomy zareo. Ndreka avy niditra tan-dragno Izy de nagnadina Anan'ny zareo hoe: "Ino ny raha nifampikoranandreo tan-dalana?" ³⁴Fa nangina zareo. Satria niady hevitra tegny an-dalana zareo ny amin'izegny lehibe indrindra. ³⁵Nitoetra Izy, ary nantsovan'ny niaraka zareo roy ambin' ny folo lahy ary nizaka Izy hoe: "Raha misy magniry ny ho voalohagny, de tsy mentsy farany amin'ny jiaby izy ary ho mpanompon'ny olona jiaby." ³⁶Nalaka zaza bitika reka Izy ary natôn'ny takeo antegnantegnanjareo. Nibatany tan-tagnany izy ary nizaka taminjareo hoe: ³⁷"Na zovy an zovy mihevitra ny zaza kara izô amin'ny agnarako, de mihevitra Anan'ny koa izy, ary la ôhatra ka misy mihevitra Anay, de tsy mihevitra Anay reka fôgna izy, fa Ilay nagniraka Anay koa." ³⁸Hoy Jaona Taminan'ny hoe: "Mpampianatra o, nahita olona namoaka devoly tamin' ny agnaranô zehê ary niraranê izy, satria tsy magnaraka ansena." ³⁹Fa Jesosy nagnano

hoe: "Aza raràna izy, fa tsy misy olona hagnano asa lehibe amin'ny agnarako nefa bitibitika fôgna afaran'izany de hagnano laza ratsy momba Anay.⁴⁰ Na zovy na zovy tsy manohitra ansena, de miaraka aminsena. ⁴¹Na zovy na zovy magnomia rano tasy reka ho sotroinô satria miaraka amin'i Kristy anô de zakeko aminô marina tegnany, fa tsy very ny valin'ny raha naniny.⁴² Fa na zovy na zovy manafintohina ny reka aminjareo mino Anay, de tsara ho ananjy ny agnantognana vato maventy fikoseham-bary mifatotra amin'ny ambozogny ary havarigna agny andranomasina. ⁴³Raha ny tagnano no mahatonga anô ho tafitohina, tapaho izany. Fa tsara aminô ny miditra manan-kilema agny amin'ny fiegnana tahatry managna tagnan-droy ka inga agny amin'ny helo, agny amin'ny afo tsy maty vonina. ⁴⁴[Fagnamarinana: Ny fandikana tegna tsara de tsy magnatô ny fehezateny akô amin'ny andininy 44 sy 46 hoe: Izegny tsy mety maty ny ankagna akô amin'izany ary ny afo de tsy ho faty mandrakizegny.""]⁴⁵ Raha ny ongonô no manafintohina anô, de tapaho izany. Tsaratsara aminô ny miditra misy kilema agny amin'ny fiegnana tahatry managna ongotra roy ka hariana agny amin'ny helo. ⁴⁶[Zaano ny fagnamarinana akô amin'ny andininy 44]⁴⁷ Raha ny masonô no manafintohina anô, alao hiala izany. Tsara aminô ny miditra ny fanjakan'Andriamanitra miaraka amin' ny maso tokana tahatry maso roy ka hariana agny amin'ny helo, ⁴⁸ agny amin'ny toerana izegny tsy mahafaty ny ankagnanjareo, ary ny afo tsy maty vonina. ⁴⁹ Fa ny olona jiaby de samy masina amin'ny afo. ⁵⁰ Tsara ny sira fa raha ny sira no manjary tsisy tsirony, de awana no hahafahanô magnamasina ananjy dreka? Atovy sira akô amindreo, ary mihavàna amin'ny tsirekireka."

Chapter 10

¹Niala takeo amin'zany toerana izany Jesosy ary ninga tagny amin'ny faritanin'i Jodia sy takegny amin'ny faritra ambanin'ny Reniranon'i Jordana, ary ninga takeo aminanjy ndreka ny vaoaka. Ary kara ny faniny, de nampianatra anjareo ndreka Izy. ²De nagnatona Ananjy zareo Fariseo mba hitsapa Ananjy ka nagnadignany hoe: "Azon'ny lilahy aniny mà ny magnombela ny vadiny?" ³De nizaka Izy hoe: "Ino megny ny raha nasen'i Mosesy nataondreo?" ⁴De hoy zareo hoe: "Mosesy de namela ny lilahy reka hanoratra taratasy fagnamarinana fisaraham-panambadiana ary nandefa anjareo avy teo." ⁵De hoy Jesosy taminjareo hoe: "Noho ny ditran'ny fondreo no nanoratany an'izany lalàna izany." ⁶Fa tagny amboalognany no nagnanovan'Andriamanitra anjareo ho lilahy sy vavy. ⁷Amin'zany antony izany de hiala amin'ny abany sy ny reniny ny lilahy ka hitambatra amin'ny vadiny, ⁸ary hanjary ho vatagna reka my zareo roy. Ka tsy ho roy koza zareo, fa ho vatagna reka my. ⁹Ka izegny natambatr'Andriamanitra de ôka tsy ho sarahin'olombelona. ¹⁰Ary ndreka tafiditra tandragno zareo, de mbola nagnerigna nagnadina mikasika izany ndreka zareo mpianatra. ¹¹Hoy Izy taminjareo hoe: "Na zovy na zovy lilahy magnombela vady ka mangalaka viavy hafa de mijangajanga. ¹²Raha miala amin'ny vadiny ny viavy ka manambady lilahy hafa de mijangajanga izy." ¹³Avy takeo zareo de nitondra ny zanakanjareo takeo Aminanjy mba hanifany tagnana, fa nivigniran'ireo mpianatra zareo. ¹⁴Fa ndreka nataka-maso an'izany i Jesosy de vignitra be Izy ka nizaka taminjareo hoe: "Avilè zamadinika hagnatona Anay ary aza sakanana zareo fa ny fanjakan'Andriamanitra de an'ny kara anjareo. ¹⁵Zakeko amindreo marina tagnany, fa na zovy na zovy tsy mihevitra ny fanjakan'Andriamanitra kara ny zamadinika de tsy hiditra akô amin'izany sè izy." ¹⁶Avy teo de nibagnebagneny ireo zamadinika ireo ka nisofiny rano sady nanifany tagnana. ¹⁷Ary ndreka nagnandogna ny diany Izy, de nisy lilahy niazakazaka ka nentongalitra tagnatreany, ary nagnadina hoe: "A mpampianatra tsara, ino no tsy mensy aniko mba handovako ny fiegnana mandrakizegny?" ¹⁸Jesosy nagnano hoe: "Naoana Zaho no ataonao hoe 'tsara'? Tsisy tsara ankoatran'Andriamanitra reka my. ¹⁹Fantanô ny didy hoe: "Aza mamono olona, aza mijangajanga, aza mangalatra, aza mitsagana ho vavolombelona mamesy, aza magnambaka, hajeo ny abanao sy ny reninao." ²⁰De hoy ilay lilahy hoe: "Mpampianatra o, efa naniko latamin'ny fahatanorako aby raha jiaby izany." ²¹Nagnentigna ananjy Jesosy ka tia ananjy. Ary hoy taminanjy hoe: "Misy raha reka tsy ampy akô aminô. Tsy mensy amidinô ny raha jiaby anagnanô ary amiao ny boty izany, de hanagnana fanagnana agny andagnitra ano. Ka magnaraha Anay." ²²Fa noho izany fizakana izany de nanjombogna izy ka niala tamin'alalahelo, satria nanagna fanagnana marobe tokoatra izy. ²³Nagnintigna ny magnodidigna Ananjy i Jesosy ary nizaka taminjareo mpianagny hoe: "Tegna sarotra ho anjareo mpanagna ny miditra ny fanjakan'Andriamanitra!" ²⁴De magnana tamin'ny zakany zareo mpianatra. Fa hoy ndreka i Jesosy taminjareo hoe: "Anaka, sarotra ny hidirana akô amin'ny fanjakan'Andriamanitra! ²⁵Tsotsotra kokoa amin'ny rameva ny misofoka amin'ny vody filo, tahatra ny hisofoan'ny mpanankariana ako amin'ny fanjakan'Andriamanitra." ²⁶De mbola magnana ndreka ny mpianatra ary dia nifagnadina zareo hoe: "Zovy andrika no azo vonjena?" ²⁷Nizaa anjareo i Jesosy ary hoy Izy hoe: "Tsy vitan'olona izany, fa vitan'Andriamanitra anina." ²⁸De nagnandogna nizaka taminanjy i Petera hoe: "Zaano, zehè togna de nahafoy ny raha jiaby anagnane ary nagnaraka Anao." ²⁹Ary hoy Jesosy: "Zakeko marina amindreo, tsisy olona nahafoy ny tragnony, na ny tamboka reka aminanjy, na ny mamany, na ny abany, na ny zanagny, na ny taniny noho ny Aminay, sy ny Filazantsara, ³⁰ka tsy mahazo in-jato mierigna amin'izô taonjato izô: de tragno tamboka reka, reny, zanaka sy tany, miaraka amin'ny fagnenrehana, ary amin'ny taonjato ho avy, de fiegnana mandrakizegny. ³¹Fa maro ny voalognany no hanjary farany, ary ny afara hanjary voalognany." ³²Takegny anketogna zareo, hiakatra ho akagny Jerosalema, ary Jesosy ninga talohanjareo. Magnana ireo mpianatra, ary zareo nagnaraka Ananjy tafara de nataotra. Nantsovan'i Jesosy ho akeo Aminanjy ndreka zareo roy ambin'ny folo lahy ary de nagnandogna nizaka izegny raha hidogna Aminanjy tsy ho ela Izy. ³³Antegno, miakatra ho akangny Jerosalema ansena izô, ary ny Zanak'olona de hamiana ny mpisorognabe sy ny mpitondra fanjakana. Ho disovinjareo ho faty Izy ary amiana ny Jentilisa. ³⁴Ireo de hagnaraby Ananjy, handrora Ananjy, handraboka Ananjy, sy hamono Ananjy. Fa afaka telo andro de hitsangana amin'ny maty Izy. ³⁵Jakoba sy i Jaona, zanak'i Zebedio nagnatogna Ananjy ary nizaka Taminanjy hoe: "Mpampianatra o, tianè raha mba ataonao izegny raha jiaby angatahinè aminô." ³⁶De hoy Izy taminjareo hoe: "Ino no tiandreo aniko amindreo?" ³⁷De hoy zareo hoe: "Avilè zehè hiaraka hibodika aminô akô amin'ny voninahitrao, ka ny reka akeo antagnan'ankavananao ary ny reka akeo ankaviananao." ³⁸Fa Jesosy namaly anjareo hoe: "Tsy fantandreo izegny raha angawinareo. Andreo ma afaka misotro amin'ny kapoaka izegny nisotroako na hivandry ny hanina batisa amin'izegny hagnanovana batisa Anay?" ³⁹Hoy zareo taminanjy hoe: "Efanè izany." Ary nizaka taminjareo i Jesosy hoe: "Ny kapoaka izegny ho sotroiko, de ho sotroinareo, ary amin'ny batisa izegny agnanovana batisa Anay no hagnanovana batisa andreo koa. ⁴⁰Fa izegny hibodika akeo an-tagnako ankavanana na ankaviako koza de tsy miankina Aminay izany, fa izany

de ho an'ireo izegny nagnomagnana ananjy."⁴¹Refa naregny ny momban'izany ireo mpianatra folo hafa, de nagnandogna vignitra be tamin'i Jakoba sy Jaona. ⁴²Nantsovan'ny Jesosy takeo Aminanjy zareo ary nizaka hoe: "Fantandreo fa ireo zegny eretreretina ho mpifehy ny Jentilisa de mampanompo anjareo ary ny lehibeny mibeko anjareo de magnampatra ny fahefana aminjareo. ⁴³Fa tsy tokony ho karan'izany ny amindreo. Fa na zovy na zovy magniry ny ho lehibe amindreo dia ôka izy ho mpanompondreo, ⁴⁴ary na zovy na zovy magniry ny ho voalohagny amindreo de ôka izy ho andevondreo jiaby. ⁴⁵Fa ny zanak'olona tsy tonga mba ho tompoina fa tonga mba hanompo, sy hagnomia ny aigny ho takalon'aigna ho an'ny maro." ⁴⁶Tonga takô Jeriko zareo. Ndreka niala ny tanàna niaraka tamin'ny mpianany sy ny vaoaka marobe Izy, ny zanak'i Timeo, Bartolomeo, izegny mpangataka sady tsy maita, nitoetra takeo amoron-dalana. ⁴⁷Ndreka naregny izy fa i Jesosy avy agny Nazareta izany, de nagnandogna nihekeka mafy izy ary nizaka hoe: "A Jesosy Zanak'i Davida a, mandifera aminay!" ⁴⁸Maro no nizakazaka an'ilay tsy maita, nizaka taminanjy mba hangina. Fa vomeka nihekeka mafy izy hoe: "A Zanak'i Davida a, mandifera aminay!" ⁴⁹Nibodika i Jesosy ary nampagnantso ananjy. Nantsovanjareo ilay tsy maita, ary nizakany hoe: "Mahereza! Mitsangàna! Magnantso ano Izy." ⁵⁰Nariany ny lambany, ary nitsangana izy, ka ninga takeo amin'i Jesosy izy. ⁵¹De namaly ananjy i Jesosy ary nizaka hoe: "Ino no tianô aniko aminô?" Hoy ilay lilahy tsy maita hoe: "Raby o, te-hibagna zaho." ⁵²Ary hoy Jesosy taminanjy hoe: "Mingà. Ny finoanô no nahavonjy anô." De nibagna niaraka tamin'izegny ny masony, ary nagnaraka an'i Jesosy takegny an-dalana izy.

Chapter 11

¹Ary raha ninga tagny Jerosalema zareo, de nagnakeky an'i Betifaga sy Betania, agny an-tendrombohitra Oliva, ary Jesosy nagniraka roy taminjareo mpianany ²ary nizaka taminjareo hoe: "Ndena minga amin'iry tanàna bitika alohansena iry. Raha vô tafiditra akô andreo, de aita zana-boriky reka mbôla tsy nidiban'olona. Vahao izy de andeso aty Aminay. ³Raha misy olona mizaka amindrio hoe: 'Nawana andreo no magnano an'izô?' De zakeo hoe: 'Misy ilàn'ny Tompo ananjy fa aerigna malady aty izy avekio."⁴Ninga nivoaka zareo de nahita zana-boriky reka nifatotra takeo avelagn'ny varangaragna reka takio amoron-dalana, ary nivaanjareo ny tadiny. ⁵Nisy olona hafa nisangana takio ary nizaka taminjareo hoe: "Ino raha anindrio, mamaha zana-boriky io?" ⁶De nizakendjareo taminjareo ny zakan'i Jesosy taminjareo, ary navelan'olona ninga tamin'ny lalany zareo. ⁷Ary nindesinjareo mpianatra roy lahy takeo amin'i Jesosy ny zana-boriky de natôny takeo ambon'izany ny lambanjareo ka afaka nideba an'izany i Jesosy. ⁸Maro ny olona namelatra ny lambany tegny an-dalana, ary ny sanagny koza namelatra tagnantagnan-kakazo izegny avy nitapahiny avy tagny agnaty ala. ⁹Izegny ninga talôa sy izegny nagnaraka Ananjy de nagnantsoantso hoe: "Hosana! Deraina ilay tokana avy amin'ny agnaran'ny Tompo. ¹⁰Deraina ny fanjakana ho avin'i Davida iabansena! Hosana ho an'ny agnambo indrindra!"¹¹Avy teo Jesosy niditra takô Jerosalema ka ninga takeo an-tokontanin'ny fengonana ary nizaazaa ny raha jiaby. Ary, niahalina ny andro, de namantagna tagny Betania Izy sy zareo roy ambin'ny folo lahy. ¹²Ny andro nagnaraka, ndreka nierigna avy tagny Betania zareo, de refogna Izy. ¹³Ary naita kakazo aviavy reka nandrobogna avy taràgna lavidavitra, dia nagnatona Izy mba hizaa raha misy isiny takeo aminanjy, ary ndreka ninga takeo amin'zany Izy, de tsy naita na ino na ino afa-tsy raviny fogna, fa tsy mbola tsy taom-pamoazan'ny aviavy tamin'io. ¹⁴Ary Izy nizaka tamin'izany hoe: "Tsy hisy hihinana isiny avy aminô kôza mandrakizegny." Ary regnin'ny mpianany izany. ¹⁵Ninga tagny Jerosalema zareo, ary niditra takeo an-tokontanin'ny fengonana Izy ary nentomboka nanora ny mpivarotra sy ny mpivanga jiaby takô. Naongagny ny latabattranjareo mpanakalo vola sy ny sezanjareo mpivarotra voromelala. ¹⁶Tsy nambela na zovy na zovy hitôndra raha azo amidy takô an-tokontanin'ny fengonana Izy. ¹⁷De nampianatra anjareo Izy ka nizaka hoe: "Mà tsy efa voasoratra hoe: 'Ny tragnoko dia ansôvana hoe tragno fivavahana ho an'ny firenena jiaby?' Nefa natôndrio lavaka fivonian'ny mpangalatra." ¹⁸Regnin-jareo lohan'ny mpisorogna sy ny mpitondra fanjakana izegny raha nizakeny, de niaragna fomba hamomoana Ananjy zareo. Kanefa nataotra Ananjy zareo satria ny vaoaka jiaby de gaga tamin'ny fampianarany. ¹⁹Ndreka alina ny andro, de niala tan-tanàna zareo. ²⁰Ary ndreka ninga zareo ny mandrena, de naita ilay kakazona'aviavy nalazo ambam-bahany. ²¹Ary Petera nahatsiaro ka nizaka hoe: "Raby o, zaano! Nalazo ilay aviavy nozogninô."²²Jesosy namaly anjareo hoe: "Manàgna finoana an'Andriamanitra. ²³Zakeo amindrio marina tokoatra fa na zovy na zovy mizaka amin'ity tavrana ity hoe: 'mitsanagàna ka milavoà agny an-dranomasina,' ka lakoa tsy misy fisalasalana agnaty fony fa mino fa hitranga aminanjy izegny nizakeny, de karan'izany no atôn'Andriamanitra. ²⁴Noho izany de mizaka amindreo Zaho hoe: 'amin'zegny ivavandrio sy angatahindrio jiaby, minoa fa efa nahazo izany andreo, de ho azondreo izany. ²⁵Ndreka mitsangana sy mivavaka andreo, de tsy mensy mamela izegny alaelo jiaby anangnandreo amin-jovy na amin-jovy, mba ho avelan'i Babandreo Izegny agny an-dagnitra my koà ny fahotandreo. ²⁶[Fagnamarinana: Ny fandikana tegna tsara de tsy mentsy magnatô ny hoe (zaano akô amin'ny Mat. 16: 15) Mk. 11: 26 "Fa raha tsy mamela heloka koza andreo, de tsy hagnombela ny fahotandreo tagnany tokoatra ny Babandreo izegny agny an-dagnitra."]²⁷De niakatra tagny Jerosalema ndreka zareo. Ary ndreka ninga nadiandiaa takeo an-tokontanin'ny fengonana Jesosy, de tonga nangnatogna Ananjy ny lohandohan'ny mpisorogna, ny mpitondra fanjakana, ary zareo loholona. ²⁸Hoy zareo taminanjy hoe: "Fahefana avy teza no hagnanovanô an'iregny raha iregny, ary zovy no nagnomia fahefana Anô hagnano an'iregny?"²⁹Jesosy nizaka taminjareo hoe: "Hagnomia fagnontaniana reka andreo Zaho. Zakeo Aminay de zakeo amindreo hoe fahefana avy takeza no agnanovako iregny raha iregny. ³⁰Ny batisan'i Jaona, avy agny an-dagnitra va izany sa avy amin'olona? Valiao Zaho."³¹Nifandinika niaraka zareo sady nifamaly hoe: "La mamaly ansena hoe: 'Avy agny an-dagnitra, 'de hizaka Izy hoe: 'Fa naoana andrika no tsy nino ananjy andreo?' ³²Fa la mamaly koza ansena hoe: 'Avy amin'olona,' ..." Nataotra ny olona zareo, satria resy lahatra ny olona jiaby fa i Jaona de tegna mpaminagny tokoatra. ³³Avy takeo zareo namaly an'i Jesosy hoe: "tsy fantanè." De hoy Jesosy taminjareo hoe: "Zaho my koà de tsy hizaka amindreo hoe fahaefana avy teza no agnanovako iregny raha iregny."

Chapter 12

¹Nanomboka nampianatra an-jariô tami'ny alalan'ny fagnoarana Jesosy. Hoy Izy hoe: "Nisy lilay nagnano tanim-bôloboka, de nagnano vala nagnodidigna anazy, sady nagnano lavaka famiazana." Nagnano tilikambo izy de avy tiô de nampagnofa ny tanim-bôloboka tamin'ny mpamboly vôloboka. De ninga nandia lavitra izy avy tiô.

²Tamin'ny fitoana mety, de nagniraka mpanompo hôagny amin'ny mpamboly vôloboka izy mba angalaka aman-jarô sasagny amin-jariô izay tokony anjarany amin'ny tanim-bôloboka. ³Fa nosamboron-jariô izy, nivangoany ra, de nitoravany tsy nitondra na ino na ino. ⁴Nagniraka mpiasa afa inga aman-jarô ndreka izy, de nifren-jarô tamin'ny lohany sady nalany baraka. ⁵De mbola nagnondefa afa ndreka izy, novonoin-jariô io reka io. Natôn-jariô karan'izegny fogna ny maro hafa, niraboiny ny sasagny de novoniny koa ny hafa. ⁶Mbola managna olona reka asena izy, de zanaka tiany. Izy no farany nalefany tama-jarô. Hoy izy hoe: "Mba agnaza ny zanako lay my nga zaiô." ⁷Nefa nifampikorana zariô mpamboly vôloboka hoe: "Ity ny mpandova. Niany, andô vonintsena izy, de ho lasantsena ny lova." ⁸Nosamborin-jariô izy, de novonoina, ary natipiny tagny avelagny tanim-bôloboka. ⁹Koa ino arika atôny tompon'ny tanim-bôloboka? Ho tonga izy ka andravan-jarô mpamboly vôloboka de agnome ny tanim-bôloboka ho an'ny afa. ¹⁰Tsy novakinarô nga soratra masina zô? "Ny vato tsy nekeny mpagnano tragno, no natô vato fehijoro." ¹¹Avy tagny amin'ny Tompo zany, de mamagnana akiô amasontsena." ¹²Niaragna anamborana an'i Jesosy zariô, fa sengy nataotra ny vaôka, satrian fantan-jarô fa fanoerana an-jariô no nizakany zany fagnoarana zany. Koa de nambelan-jariô Izy de lasa nandia zarô. ¹³De nagnasa ny Fariseo sy Herodiana sasagny ho agny Aminy mba amitaka Anazy amin'ny zakan-jariô. ¹⁴Ra tonga zariô, de hoy zarô taminy hoe: "Mpampianatra ô, fantane fa tsy mivakiloa ny evitr'olona anô, ary tsy mampiseo ny fengarana aman'olona. Mampianatra marina ny lalànan'Andriamanitra Anô. Ara-dalalàna ve sa tsy ara-dalàna no mandoa vola hetra amin'i Kaisara? Tokony andoa vola atao hetra ve ze sa tsy mandoa?" ¹⁵Fa fantan'i Jesosy ny fetsaram-belatsin-jariô ka nizaka an-jariô hoe: "Nagnino andriô no mizaha fagny anà? Itondre denaria reka Zao mba zahanako anazy." ¹⁶De nitondran-jariô vola reka Jesosy. Hoy Izy taman-jariô hoe: "Tarehin-jovy ty sary sy soratra ty?" Hoy zariô hoe: "An'i Kaisara." ¹⁷Hoy Jesosy hoe: "Amezo an'i Kaisara zegny an'i Kaisara, ary amezo an'Andriamanitra zegny an'Andriamanitra." De magnana taminy zariô. ¹⁸Avy tiô zariô Sadoseo, de nizaka fa tsisy fisanganana amin'ny maty, de tonga tiô aminy. Nagnadina Anazy zarô, nagnano hoe: ¹⁹"Mpampianatra ô, nanoratra an'izô ho ane Mosesy hoe: "Ra maty ny tambokireka amin'ny lilay reka ka nagnombela vady izy, nefa tsy mba nanan-janaka, de tokony ho vadin'ny tambokoreka amin'ny lilay efa maty izy, ka anagna taranaka ho an'ny tambokireka amanazy izy." ²⁰Nisy olona fito tambokoreka; nanambady ny volognany de maty, tsy nagnombela taranaka. ²¹Avy tiô de nangalakan'azy ny faharoe de maty, tsy nagnombela taranaka koa, de karan'izegny koa ny faha telo. ²²Tsisy nagnombela taranaka zariô fito. Tamin'ny farany de maty koa ny viavy. ²³Amin'ny fitsanganana amin'ny maty, ra isangana ndreka zariô, de zovy no vadiny amin-jariô fito tambokireka? Satria samby nanambady anazy aby daolo zariô fito tambokireka." ²⁴Ary hoy Jesosy hoe: "Tsy zany va no antony mahadiso hevitra andriô, tsy fantandriô na ny soratra masina na ny herin'Andriamanitra? ²⁵Satria ra misangana amin'ny maty zariô, de tsy manambady na alefa ampekarin'olona, fa ho karan'ny anjely angy andagnitra. ²⁶Fa momban'ny fisangananan'ny vatagna amin'ny maty, tsy novakin-driô va takô amin'ny bokin'i Mosesy, akô amin'ny andalana momban'ny voaroy, nikoranin'Andriamanitra tamin'izany ka nizakany hoe: "Zao no Andriamanitr'i Abrahama sy Andriamanitr'Isaka ary Andriamanitr'i Jakoba? ²⁷Izy de tsy Andriamanitry ny maty, fa an'ny velona. Seky diso evitra an-driô." ²⁸Nisy reka taman-jarô mpitondra fanjakana avy niteno ny zakan-jariô; itany fa novalin'ny Jesosy tsara zariô. Ary nagnadina Anazy izy hoe: "Ino ny didy lehibe indrindra amin'ny didy manontolo?" ²⁹Jesosy namaly hoe: "Tsonoé tsara ry Isiraely fa ny Tompo Andriamanitra antsena, de Tompo reka my. ³⁰Tsy mentsy mankatia ny Tompo Andriamanitranô amin'ny fonô jiaby anô, amin'ny fagnahinô jiaby, amin'ny segnanô jiaby, sy amin'ny herinô jiaby"! ³¹Ity ny didy faha roa: "Tsy maintsy mankatia ny namanô karan'ny tegnanô anô! Tsy misy didy afa lehibe mihoatra anio. ³²Hoy ny mpitondra fanjakana hoe: "Tsara zany, ry mpampianatra! Nizakenô marian fa Andriamanitra de Reka, ary tsy misy hafa ra-tsy Izy. ³³Ary mankatia anazy amin'ny fo jiaby sy amin'ny segna jiaby sy ny hery jiaby, ary ny mankatia ny namana karan'ny tegnan-tegna, de tsara lavitra mihoatra ny fanatitra oroana sy ny sorogna mantolo." ³⁴Rahefa hitan'i Jesosy fa nagnome valindra zakena matotra izy, de nizaka tamanazy Izy hoe: "Akaiky ny fanjakan'Andriamanitra anô." Ary tafaran'izegny, de tsy nisy olona natsahy nametraka fanontaniana tamin'i Jesosy koza. ³⁵Namaly Jesosy, raha nampianatra tiô amin'ny fiangonana Izy; de hoy Izy hoe: "Ahôna ma no izakan'ny mpagnano fanjakana fa Kristy de zanak'i Davida? ³⁶Davida tegnany, tamin'ny Fagnahy masina, nagnano hoe: "Ny Tompo nizaka Tami'ny Tompoko hoe: Mipetraka akiô amin'ny tagnako ankavana, mandrapa agnamboarako ny fahavalonô ho fitoeran-togotra anô! ³⁷Davida tegnany aza nagnantso Anazy hoe: "Tomo; ka nahôna no maha zanak'i Davida an'i Kristy?" Niteno Anazy tam-pifaliana zarô

vaôka maro be .³⁸Tamin'ny fampianarany Jesosy de nizaka hoe: "Mitandrema aman-jarô mpitondra fanjakana, zay tia mandiadia amin'ny akanjo lava ary tian-jariô amenan-tsafa akegny antsena,³⁹ ary tian-jariô mahazo sezy vôlognany fogna zariô amin'ny Synagoga sy ny toerana vôlognany agny amin'ny fety .⁴⁰Mandrobaka ny tragnon-jariô mpagnano tegna zariô, ary magnano vavaka lavabe mba ho itan'olona. Zany lilay zany de azo fagnamelohana lebe tokoa."⁴¹Avy tiô Jesosy de nitoetra tandrifin'ny vata fagnatovana rakitra tiô amin'ny faritry ny tempoly; nizaha ireo olona jiaby izay nandrosaka ny vola takô amin'ny vatan-drakitra. Mpanankarena maro no nandasaka vola bedeba.⁴²De nisy viavy mahantra mpitondrategna reka tonga nandasaka farantsakely roa izay kely variroaenty oharina amin'ny iraimbilanja.⁴³De nantsovany zariô mpianany ary hoy Izy taman-jarô hoe: "Zakeko aminariô marina tokoa, fa ity viavy mahantra mpitondra tegna ity no nandasaka be mioatra amin'olona zay nandasaka vola tiô amin'ny vatan-drakitra.⁴⁴Satria ny marobe de nagnome tamin'ny fanagnamben-jariô. Fa ity mpitondra tegna ity koza de amin'ny fahantrany, de nandrosaka ny vola manotolo zay tokony ivelomany takô izy."

Chapter 13

¹Rehefa niala tiô an-tokotany ny fiangonana Jesosy, de nizaka tamin'Azy ny reka tamin'ny mpianatra hoe: "Mpampiatra ô zahano meny atsan'ny vato sy ny atsan'ny rafitra!" ²Zô nizakeny tamin'ny hoe: "Itanô va togn'ny rafitra agnana be togn'ny? Tsisy vato nade reka avela mifanongoà akiô ka tsy ho robaina." ³Ary ra nitoetra tiô an-tampotaviran'Oliva tandrifin'ny fiangonana Izy, de nagnadignan'Azy moramora Petera, Jaona, Jakoba sy Andrea hoe: ⁴"Zakiô aminay, oviana mà no hatongavany zany raha maro be zany? Ino avekiô ny marika ra ho tonga rà izany?" ⁵Ary Jesosy nanomboka nizaka taman-jariô hoe: "Mitandrema fa sô de misy olona amitaka lalana an-driô. ⁶Fa maro no ho tonga amin'ny agnarako ka izaka hoe: "Zao no izy, ary maro no voafitagny." ⁷Rehefa maregny ady sy tabataban'ady andriô, de aza magnahy; tsy maintsy tonga zany, fa tsy mbola zany ny farany. ⁸Fa hisy firenena hitsangana amango firenena, ary hitsy fanjakana amango fanjakana. Ary hisy horohoron-tany koa amin'ny faritra maro, sady hisy solôna. Otran'izany ny fagnandognavan'ny fahorin'ny famerana. ⁹Mitandrema my an-driô. Ho atolotra an-jariô eo amin'ny Synedriona anarô, ary ho raboina ao amin'ny synagoga. Hitsangana aloan-jariô mpanapaka sy jariô mpanjaka nony Amiko anariô, ho vavolombelona aman-jariô. ¹⁰Fa ny filazantsara de tsy maintsy ambara amin'ny firenena jiaby aloaka. ¹¹Rehefa manambotra sy mitory an-driô zariô, de aza matahotra amin'izegy tokony hizaken-driô. Fa amin'izegy fotoana zegny, de amenan-driô zay tokony zaken-driô; tsy anarô no izaka, fa ny fagnahy masina. ¹²Ny tambokoreka hitory ny tambokoreka amanazy ho faty, ary ny ibany hitory ny zanagny. Ny zanaka hiady amin'ny iabany sy ny reniny ka amono an-jariô. ¹³Tsy ho tian'olona jiaby anariô non'ny Agnarako. Fa na zovy na zovy mavandry atramin'ny farany, de ho voahavotra zany olona zany. ¹⁴Fa raha itandriô fa misangana amin'izay tokony tsy hisanganany ny favetavetan'ny fandravana (ôka hisegna zegny mamaky), de ôka zegny avy agny Jodia mantolo hilefa agny an-tampotavirana, ¹⁵zegny avy agny an-tafotragno ôka tsy androrogna andragno na hamoaka raha avy akô, ¹⁶ary zegny avy agny an-tanim-boly tsy hierigna angalaka ny lambany. ¹⁷Lozan-jariô viay bevoka sy mampinono amin'izany andro zany! ¹⁸Mivavahà anariô mba tsy ho amin'ny rirignina no hitrangan'izany. ¹⁹Fa hisy fahoriana be, zegny mbola tsy nisy hatramin'izegy, rehefa namorona zô ntontolo zô Andriamanitra, ka atramin'izô, ary mandrakizay tsy hitsy intsony zany. ²⁰Ary raha tsy nafohizin'ny Tompo zany andro zany, de tsy hisy olona ho vohavotra koza. Fa non'ny olm-boafidy, zegny nofidiny, de nafohiziny isan'izany andro zany. ²¹Ary ra misy olona mizaka aminarô hoe: "Antengo, aty lay Kristy! na koa hoe: "Antegno, arý Izy! de aza mino an'izany. ²²Fa hisy Krisity sandoka sy mpaminagny sandoka hiseho ary amoaka famantarana sy fahagagana, mba hamitahana, na de ny olom-boafidy aza, raha azony, atô. ²³Memkena! Efa nozakeko taminarô mialoa ny fotônan'io ra mantolo io. ²⁴Kanefa hafaran'io fahorian'io, de homizigna ny masoandra, ny volana tsy hagnome fahazavana, ²⁵ireo kintana hiraraka avy egn'ny amin'ny lagnitra, ary ireo hery izay ao an-dagnitra hetseketeahina. ²⁶Ka ho hitan-jariô ny Zanak'Olona avy egn'ny amin'ny rahogna amin'ny hery lehibe sy voninahitra. ²⁷Ary hagnasa ny anjeliny Izy ka hanangona miaraka ny olom-boafidy avy agny amin'ny vazantany efatra, avy agny amin'ny faran'ny tany ka atragny amin'ny faran'ny lagnitra. ²⁸Makà lesona avy amin'ny kakazon'aviavy, Raha vô manarogna sy mandravina ny tagnantagnany, de fantanarô fa ho avy ny loatôna. ²⁹Toy izany koa, raha vô hitanariô mitranga zegny zavatra rehetra zegny, de fantanarô fa efa marivo Izy, manakeky ny vavahady. ³⁰Zakeko amin-driô, marina tsara, itogna taranaka itogna de tsy lany tamingana se madra-pivoahany raha jiaby zany. ³¹Ho potika ny lagnitra sy ny tany, fa ny ra-zakeko koza tsy ho potika mandrak'izegy. ³²Fa ny mikasika zany andro sy fotôna zany, de tsisy mahafantatra nade zariô anjely agny andagnitra agny aza, na ny Zanaka fa ny Ray my. ³³Mitandrema! Miambena satria tsy ho fantan-driô ny fotôna. (Fagnamariana: ireo fahefana taloha de hoe: Mitandrema! Miambena de mivavaha, satria...) ³⁴Zegny de kara lilay reka nande lavitra niala ny tragnony izy ka ny mpanompony no naseny hikarakara ny tragnony, samby amin'ny asa atôny aby, ary nanome beko ny mpiambina izy mba tsy oandry. ³⁵Ka memkena fa tsy fantan-driô na oviana no hotonga ny tom-potragno; mety amin'ny folak'andro zany, na amin'ny sasak'alina, na magneno akoho, na mandrena. ³⁶Fa raha avy tampoka izy, de aza atô ahitan-driô mandry izy. ³⁷Zegny zakeko aman-driô de zakeko amin'olona jiaby koa: Miambena!"

Chapter 14

¹Ary roy andro talohan'ny Paska sy ny Fankalazana ny Mofo tsy misy masirasira tamin'izegny. Niaragna fomba hisambôrana an'i Jesosy mangingina zareo lohan'ny mpisorogna sy ny mpitondra fanjakana ary hamono Ananjy avekeo. ²Fa hoy zareo hoe: "Aleo tsy amin'ny andro fety, mba tsy hampiawalawala ny olona." ³Raha tonga tagny Betania tao an-dragnon'i Simona boka i Jesosy raha nitoetra teo alohan'ny latabatra Izy, de nisy viavy reka nagnatona Ananjy nitondra tavoangy alabastara izegny nisy menaka magnitra lafo vidy, narda izegny tsy nisy fangarony. Novakiany ny tavoangy de nararagny teo ambony lohan'i Jesosy ny menaka. ⁴Nahavignitra ny olona sasagany anefa izany. Nifampikorana zareo ka nagnano taminanjy hoe: "Ino no dikan'izô fandaniandaniam-pôgna izô?" ⁵Io menaka magnitra io de afaka namidy mioatra ny denaria telonjato, ary nizarena ho an'ny boty." De nizakazaka an-draviavy zareo. ⁶Nefa hoy i Jesosy hoe: "Ambileo izy. Nagnino andreo no nagnano izegny mampalaelo ananjy? Raha tsara no nataony taminay. ⁷Ny boty de aketo amindreo isan'andro afaka magnano asa soa hoanjareo fogna andreo na amin'ny fotoana ino na fotoana ino fa Izaho kosa tsy mba hipetraka aketo amindreo isan'andro. ⁸Nagnano izegny azony natô izy: Nagnosotra ny tegnako ho amin'ny fandevegnana izy. ⁹Zakeko marina amindreo, na akeza na akeza hitoriana ny filazantsara magnerana izô tontolo izô de ho zakena koà ny natôn'ity viavy ity, mba ho fahatsiarovana ananjy." ¹⁰Avy teo i Jodasy Iskariota, reka taminjareo roy ambin'ny folo lahy, ninga tagny aminjareo lohandohan'ny mpisorogna mba hahafany manolotra Ananjy. ¹¹Ndreka naregny izany ny lohandohan'ny mpisorogna, de faly zareo ka nagnome toky fa agnome vola ananjy. De nanomboka niaragna hevitra mba hanolorana Ananjy ho anjareo izy. ¹²Tamin'ny andro voalohagny fihinana ny mofo tsy misy masirasira, ndreka nagnano sorogna ny ondrin'ny Paska zareo, de hoy zareo mpianany Taminanjy hoe: "Akeza no tianô agnamboarana raanina mba hihinananô ny raanina amin'ny Paska?" ¹³De nagniraka roy lahy taminjareo mpianany Izy ka nizaka taminjareo hoe: "Mingà agny an-tanàna, ary hisy lilahy mitondra siô feno rano iaro amindreo. De magnaraha ananjy. ¹⁴Izegny tragno idirany, de akô no idirandreo ka zakeo amin'izany tompon'izany tragno izany hoe: "Akeza ny efitragno fandresam-bahiny ahafahako miara-omana ny Paska amin'ny mpianatranay, hoy ny mpampianatra?" ¹⁵Agnatoro efitragno malalaka ambony rihana misy fanagnana an-dragny izegny efa vognona tsara andreo izy. Akô no anganovy ny fagnomagnana jiaby ho ansena." ¹⁶De ninga ny mpianatra ka nitety ny tanàna. Hitanjareo araka izegny efa nizakena taminjareo ny raha jiaby, de nagnomagna ny raanin'ny Paska zareo. ¹⁷Ndreka maty masoandro, de tonga niaraka taminjareo roy ambin'ny folo lahy Izy. ¹⁸Ndreka nitoetra teo alohan'ny latabatra hihinana zareo, de hoy Jesosy hoe: "Zakeko marina amindreo, fa ny reka amindreo izegny miara-omana Aminay aketo de hamadika Anay." ¹⁹Nalaelo mafy zareo jiaby, ka samy nizaka taminanjy ny tsirekireka hoe: "Sode mba zaho zany?" ²⁰Jesosy namaly ka nizaka taminjareo hoe: "Ny reka amindreo roy ambin'ny folo lahy izany, ilay reka izegny miaraka magnasoboka ny mofo Aminay agnaty lasety izô." ²¹Fa ny zanak'olona de inga amin'ny lalana izegny efa vozakan'ny Soratra Masina momba Ananjy. Fa loza koza ho an'izany lilahy izegny mamadika ny Zanak'Olona izany. Tsara ho ananjy koa aza raha tsy tanteraka izy." ²²Raha mbola tam-pihinanana zareo, de nalaka ny mofo i Jesosy, nisaotra Izy, ary nizarazara izany. Nameny anjareo izany sady natôny hoe: "Reso, ity no vatagnanay." ²³De nalaka kapoaka Izy, nisaotra, ary nagnomia izany anjareo, de nisotro tamin'izany zareo jiaby. ²⁴De hoy Izy taminjareo hoe: "Ity no ràn'ny fagniekiam-piavanako, rà izegny alatsaka ho an'ny maro. ²⁵Zakeko marina amindreo fa tsy hisotro ity vokatry ny voaloboka ity koza Zaho mandrapahatongavan'ny andro izegny hisotroako izany ndreka agny amin'ny Fanjakan'Andriamanitra." ²⁶Ndreka avy nihira fiderana zareo de ninga tagny Antendrombohitr'Oliva. ²⁷Hoy Jesosy taminjareo hoe: "Hiala Aminay aby andreo jiaby, fa voasoratra hoe: 'Hamango ny mpiandry ondry Zaho ary hipariaka ny ondry.'" ²⁸Fa ndreka avy hatsangana amin'ny maty Zaho, de inga alohandreo ho akô Galilia." ²⁹De hoy i Petera taminanjy hoe: "Na de iala Aminô aza zareo jiaby, zaho koza de tsy mba hiala." ³⁰Hoy Jesosy taminanjy hoe: "Zakeko marina aminô, fa niany ariva, raha mbola tsy magneno in-droy aby ny akoho de efa handà Anay in-telo anô." ³¹Fa hoy Petera Taminanjy hoe: "Na de tsy mentsy iara-maty Aminô aza zaho, de tsy mba hiala Aminô." De samy nampanantegna karan'izany aby zareo jiaby. ³²Ary tonga tagny amin'ny toerana atao hoe Getsemane zareo, de hoy Jesosy taminjareo mpianany hoe: "Mitoera aketo raha mbola mivavaka Zaho." ³³De nitondra an'i Petera sy Jakoba ary Jaona niaraka taminanjy Izy ary nanomboka nalaelo sady ory tegnandraha. ³⁴De hoy Izy taminjareo hoe: "Fadiragnovagna loatra ny Fagnahiko, kara raha efa ho faty. Mitoera aketo ka miambena." ³⁵Niataka lavidavitra i Jesosy, nenkohoka tamin'ny tany, de nivavaka Izy mba hialan'izany lera izany Aminanjy raha ohatra ka azo atao. ³⁶Hoy Izy hoe: "Aba, Ray o, ny raha jiaby de hainao atao. Alao aminay ity kapoaka ity. Nefa ôka tsy ny sitra-poko no atao fa ny Anao." ³⁷De nierigna Izy ka naita anjareo nandry, ka hoy Izy tamin'i Petera hoe: "Simona, mandry va ano? Tsy nahavita niambina na de adiny reka aby va ano?" ³⁸Miambena de mivavaha mba tsy hidirandreo amin'ny fakam-pagnahy. Ny fagnahy mety mazoto my, fa ny nofo tsy manan-kery." ³⁹De ninga ndreka Izy niala bitika ary

nivavaka, ary de nagerigna ny zaka natôny tambolognany my.⁴⁰ Nierigna ndreka Izy de nahita anjareo nandry, fa reraky ny torimaso ny masonjareo ary tsy fantanjareo izegny nizakena taminanjy.⁴¹ Nagnatona fagnontelony Izy ka nizaka anjareo hoe: "Mbola mandry sy melignina fogna va andreo? Ampy izegny! Efa tonga ny fotoana. Antegno ny Zanak'Olona navadika mba hamiana akeo an-tagnan' ny mpanota.⁴² Mitsangana; andô inga ansena. Antegno, fa efa marivo ilay hamadika Anay."⁴³ Ay raha mbola teo am-pikoranana Izy, de avy Jodasy, reka aminajareo roy ambin'ny folo lahy, niaraka tamina vaoaka maro izegny nitondra sabatra sy fioka, avy aminjareo lohan'ny mpisorogna sy ny mpitondra fanjakana, ary ny loholona.⁴⁴ Ary ilay mpamadika Ananjy nagnome famatarana anajareo nizaka hoe: "izegny ifagnoroako no Izy. Sambory Izy de ambeno."⁴⁵ Ndreka tonga i Jodasy, de tonga de nagnatona an'i Jesosy sady nizaka hoe: "Raby," ary de nagnoroka Ananjy izy.⁴⁶ Avy teo de nisamborinjareo i Jesosy.⁴⁷ Fa nisy reka taminjareo nitsangana takeo namoaka ny sabatrananjy ary namango ny mpanompon'ny mpisorognabe ka nangala ny tadigniny.⁴⁸ Hoy Jesosy taminjareo hoe: "Tonga hisambotra Anay, kara hisambotra dahalo, miaraka amin'ny sabatra sy langilangy va andreo?"⁴⁹ Taminay takeo amindreo isan'andro sady nampianatra takeo amin'ny fengonana, tsy nisamborindreo fa natô izô mba hahatanteraka ny Soratra Masina."⁵⁰ De niala Taminanjy aby zareo jiaby izegny niaraka tamin'i Jesosy ary nivony.⁵¹ Ary nisy tanora lilahy reka, tsy nagnato afa-tsy lamba hariry, nagnaraka an'i Jesosy. Ndreka nisamborin'ny olona izy⁵² de navelany teo ny lambany ka dila nilefa sady nibolegna izy.⁵³ Nindesinjareo tagny amin'ny mpisorognabe i Jesosy. Niara-nivory taminanjy takeo aby ny mpisorogna jiaby, sy ny loholona, ary ireo mpitondra fanjakana.⁵⁴ Ary Petera nagnaraka Ananjy tegny lavidavitra tegny, hatragy an-tokontanin'ny mpisorognabe. Nitoetra takeo aminjareo mpiambina Izy, izegny namindro takeo amarivon'ny afo.⁵⁵ Ary zareo lohan'ny mpisorogna sy ny Synedriona Jiosy niaragna vavolombelona manohitra an'i Jesosy mba hahafahanjareo mamono Ananjy ho faty. Nefa tsy nahita zareo.⁵⁶ Fa maro no nanandritandrika Ananjy, nefa na ny fanandritandrianjareo aza de tsy marina sino.⁵⁷ Ary nisy olona hafa nanandritandrika Ananjy; hoy zareo hoe: ⁵⁸"Renginè Izy nizaka hoe: 'Horavako ity fengonana namboarin-tagnana ity, ary ao agantin'ny telo andro Zaho de hanangana reka hafa tsy namboarin-tagnana.'" ⁵⁹Fa mbola tsy nifagnaraka my ny tandritandrika natônjareo.⁶⁰ Ary ny mpisorognabe nitsangana takeo aminjareo de nagnadina an'i Jesosy hoe: "Tsy managna havaly va Anao? Ino izany hanandrian'itogna olona itogna Anao izany?"⁶¹ Fa nangina Izy sady tsy nizaka na ino na ino. De mbola nangnadina Ananjy ndreka ny mpisorognabe ka nagnano hoe: "Ano va no Kristy zanak'ilay notahina?"⁶² De hoy Jesosy hoe: "Zaho no Izy; ary ho hitandreo ny Zanak'Olona ndreka hitoetra akeo an-tagnan-kavanan'ny herin'Andriamanitra sy avy akegny amin'ny rahon'ny lagnitra."⁶³ Ary ny mpisorognabe nandriatra ny lambany sady nagnano hoe: "Mbola mila vavolombelona ndreka va ansena?"⁶⁴ Efa regnindreo ny zaka ratsy. Ino no fanapahan-kevitrando?" Izy jiaby de samy nagnameloka Ananjy kara olona tokony ho faty.⁶⁵ Ny sasagny nanomboka nadrora Ananjy ary nanarogna ny tarehiny ka namango Ananjy ary nagnano taminanjy hoe: "Maminagnia!" Ary zareo manamboninahitra nalaka Ananjy ka nandraboka Ananjy.⁶⁶ Ary raha takeo ambany takeo an-kianja i Petera, de nagnatogna ananjy ny reka taminjareo mpanompon'ny mpisorognabe.⁶⁷ Nahita an'i Petera nitsangana namindro teo amin'ny afo izy, de nodininy akeyy. De hoy izy taminanjy hoe: "Anô koa niaraka tamin'i Jesosy ilay Nazareana."⁶⁸ Fa izy nandà izany, nagnano hoe: "Tsy fantako sady tsy azoko izegny zakenô." Avy takeo de dila niala ny kianja izy. [Fagnamarinana: Ireo fandiakana sasagny de magnampy hoe: "De nagneno ny akoho," fa ireo fandikana taloha tegna tsara de tsy magnatô an'io teny io.]⁶⁹ Fa ilay zaza viavy takeo nahita ananjy de nanomboka nizaka tamin'ireo olona nitsangana magnodidigna ndreka hoe: "Io lilahy io de reka aminjareo!"⁷⁰ Fa mbola nandà izany ndreka izy. Bitibitika teo de nizaka zareo nitsangana takeo tamin'i Petera hoe: "Tegna reka aminjareo tokoatra anô, satria anô de Galiliana."⁷¹ Fa nanomboka nagnozon-tegna sy nifanta izy, nagnano hoe: "Tsy fantako izany lilahy zakendreo izany."⁷² Ary niaraka tamin'izany de nagneno ampagnondroiny ny akoho. Ary avy teo de natsiaro ny zakan'i Jesosy taminanjy i Petera hoe: "Raha mbola tsy nagneno ampagnondroiny ny akoho de handà Anay in-telo anô," De nalaelo mafy izy sady nitomagny.

Chapter 15

¹Vô mandrena be, de nivory ny mpisorognabe niaraka taminjareo loholona sy ireo mpitodra fanjakana ary ny Synedriona Jiosy jiaby manontolo. Nifatoranjareo i Jesosy ary nindesinjareo nivoaka. Namenjareo takeo amin'i Pilato Izy. ²Nangnadina Ananjy i Pilato hoe: "Anô ma no mpanjakan'i Jiosy a?" Nivaliany hoe: "Vôzakanô." ³Nagnomia fempangana maro manohitra an'i Jesosy zareo lohan'ny mpisorogna. ⁴Nagnadina Ananjy ndreka i Pilato hoe: "Tsy managna valin-teny ma Anô a? Zaano ny hamaroan'ny fempangana andesinjareo manohitra Anô!" ⁵Fa tsy namaly an'i Pilato koza i Jesosy, de nahagaga ananjy izany. ⁶Ary tamin'ny andro firavoravoana, de namositra gadra reka ho anjareo i Pilato, gadra izegny angawinjareo. ⁷Niaraka taminjareo mpikomy takô ampigadrana, takeo aminjareo mpamono olona izegny vôtana noho ny firesanjareo sikombakomba tamin'ny fikomiana, de nisy lilahy reka atô hoe Barabasy. ⁸De ninga takeo amin'i Pilato ny vaoaka ka nagnandogna nangao taminanjy mba hagnano izany aminjareo araka ny raha faniny taloha. ⁹Pilato namaly anjareo ka nagnano hoe: "Tiandreo va raha ny mpanjakan'i Jiosy no alefako ho andreo?" ¹⁰Satria fantany fa fialognana no nagnomiazan'ny lohan'ny mpisorogna an'i Jesosy taminanjy. ¹¹Fa nagnentagna ny vahoaka zareo lohan'ny mpisorogna mba hieka mafy fa tokony i Barabasy no alefa. ¹²De namaly anjareo ndreka i Pilato ka nizaka hoe: "Ino andrika no tokony ho anina amin'ny Mpanjakan'i Jiosy?" ¹³De niekeka ndreka zareo hoe: "Fantsio Izy!" ¹⁴Hoy Pilato taminjareo hoe: "Ino no ratsy naniny?" Fa niheka mafy fôgna zareo hoe: "Fantsio Izy." ¹⁵Te hagnano izegny mahafa-po anjareo i Pilato, ka de nafahany i Barabasy. Niraboiny Jesosy ary avy teo nameny mba ho fantsiana. ¹⁶Nindesinjareo miaramila takeo an-kianja izy (izegny takeo antegnantegnan'ny fanjakana), ary nantsovanjareo aby ny antoko miaramila manontolo. ¹⁷Nampagnatovanjareo lamba volomparasy i Jesosy, ary nandrany fehiloa misy fasy zareo ka nagnatô izany taminanjy. ¹⁸De nagnandogna nagnansafa Ananjy zareo ary nizaka hoe: "Arahaba, ry lehinben'ny Jiosy!" ¹⁹Niraboinjareo tamina volotara ny lohany sady nadrora taminanjy zareo. De nentongalitra teo agnatreany izy ary nagnano sary nidera Ananjy. ²⁰Ndreka avy nagnaraby Ananjy zareo, de nalanjareo ny lamba volomparasiny ary nampagnanovinjareo Ananjy ny akanjony manokana ary nandônjareo nivoaka mba hamantsihana Ananjy. ²¹Noterenjareo ny mpandalo reka avy tagny an-kapa mba hitondra ny hazofijalian'i Jesosy lilahy reka atao hoe Simona Kyreniana iaban'i Aleksandra sy Rofosy. ²²Nindesinjareo miaramila takagny amin'ny toerana atô hoe Golgota Jesosy (izegny midika hoe "Fitoeran'ny karan-doha"). ²³Namianjareo divay niaro miora Izy, fa tsy nisotro izany Izy. ²⁴De nifantsianjareo Izy ary nifampizaranjareo tamin'ny alalan' ny loka ny akanjony mba hahafantarana izegny anjara azon'ny miaramila tsirekireka. ²⁵Tamin'ny lera fahatelo Izy no nifantsianjareo. ²⁶Ary takeo amin'ny takelaka kakazo reka no nosoratanjareo ny fempangana nanohitra Ananjy hoe: "Mpanjakan'ny Jiosy." ²⁷Olon-dratsy roy no niaraka nifantsihanjareo niaraka taminanjy, ny reka takeo ankavanany ary ny reka koza takeo ankaviany. ²⁸[Fagnamarinana: Ireo fandikana taloha tegna tsara de tsy magnatô ny Marka 15: 28 hoe: "De tanteraka ny Soratra Masina magnano hoe: 'Natô ho isan'ny mpanota Izy.' (Ampitaheo amin'ny Lioka 22: 35)] ²⁹Ireo izegny nandalo takeo de nagnano tsisy dikany Ananjy, nihifikifi-doha ary nagnano hoe: "Ha! Anô ilay afaka mandrava fengonana ary manangana izany agantin'ny telo andro, ³⁰lombeo ny tegnanô ary mandrorogna avy agnambon'io hazofijaliana io!" ³¹Ny lohan'ny mpisorona koa de nagnaraby Ananjy karan'izany, niaraka taminjareo mpitondra fanjakana, ary nizaka hoe: "Namony ny hafa Izy, nefa tsy mahavonjy ny tegnany. ³²Oka ilay Kristy, ilay mpanjakan'Israely, handrorogna avy akegny amin'ny hazofijaliana, mba ho hitanè ary hinoanè," ary ireo nifantsihana niaraka taminanjy koà de nagnaraby Ananjy. ³³Tamin'ny lera fahenina, de tonga tamin'ny tany jiaby ny aizina hatramin'ny lera fahasivy. ³⁴Ary tamin'izany lera fahasivy izany de niheka tamin'ny feo mafy i Jesosy hoe: "Eloy, Eloy, lama sabaktany?" Izegny midika hoe: "Andriamanitra ô, Andriamanitra ô, nawana Anô no mahafay Anay?" ³⁵Ny sasagny taminjareo izegny nitsangana takeo naregny zakany ka nizaka hoe: "Antegno, magnantso an'i Elia Izy." ³⁶Nisy olona reka nihazakazaka, nameno vinengitra ny epônzy, ary nametaka izany tamin'ny volotara, de nagnomia izany mba ho sotroiny. Ilay lilahy nizaka hoe: " ³⁷Avile ho hitanè raha ho avy hampandrorogna Ananjy akeo i Elia." Avy teo i Jesosy niheka tamin'ny feo mafy de mafy. ³⁸Riatra nizara roy hatra ambony ka hatragnhy ambany ny lamban'ny fengonana. ³⁹Ndreka hitan'ilay kapiteny izegny nitsangana sy nifangnatrika tamin'i Jesosy fa kara izany fomba izany no nahafaty Ananjy, de hoy izy hoe: "Tegna zanak'Andriamanitra tokoatra io lilahy io." ⁴⁰De nisy viavy koa nangentina tegny lavitra tegny. Isan'izany i Maria Magdalena (renin'i Jakoba zandriny sy i Josesy), ary Salome. ⁴¹tagny Galilia de nagnaraka Ananjy sy nanompo Ananjy zareo. Ary viavy maro hafa koà no niara-niakatra taminanjy tagny Jerosalema. ⁴²Ka ndreka tonga ny hariva, satria andro Fiomagnana, izany hoe, io andro alohan'ny Sabata, ⁴³de tonga teo i Josefa avy agny Arimatia. Mpikambana manan-kaja akô amin'ny Synedriona izy, izegny nandigny ny Fanjakan'Andriamanitra. Nanagna fahasahiana ninga tagny amin'i Pilato mba hangao ny fatin'i Jesosy izy. ⁴⁴Magnana i Pilato hoe maty saady i Jesosy; de nantsovan'ny ilay kapiteny ary nagnadina ananjy izy raha maty

marina i Jesosy.⁴⁵ Ndreka azony antoka tamin'ilay kapiteny fa maty marina i Jesosy, de nameny an'i Josefa ny vatagna mangatsiakany. ⁴⁶Ary Josefa nivanga hariry madinika. Nampandrorgna an'i Jesosy takeo amin'ny hazofijaliana izy, de nofognosiny hariry madinika Izy, ary nametraka Ananjy takô amin'ny fasagna izegny voaady tamina vatolampy. Avy takeo de namaringarigna vato takeo amin'ny varangaram-pasagna izy. ⁴⁷De hitan'i Maria Magdalena sy Maria renin'i Josesy ny toerana nandivegna Ananjy.

Chapter 16

¹Rehefa tapitra ny andron'ny Sabata, de nivanga zava-magnitra aosotra amin'ny fatin'i Jesosy i Maria Magdalena sy Maria ranin'i Jakoba, ary Salome nivanga ra magnitra mba andea ka agnosotra ny fatin'i Jesosy. ²Vô mandrena be tamin'ny andro vôlognan'ny erign'andro, de ninga tegny amin'ny fasagna zariô rehefa nipiriaka ny agnadro. ³De nikorana zariô hoe: "Zovy no angala ny vato, akiô amin'ny varangaram-pasagna ho antsena?" ⁴Rehefa nidraka zariô, de hitany fa efa nivoa niala lay vato, zay tegna angona be. ⁵Niditra takô ampasagna zariô de nahita manafo lahy nagnatô akanjo fotsy nitoetra tiô ankavanana, de magnana zarô. ⁶De hoy izy taman-jarô hoe: "Aza matahotra miaragna an'i Jesosy anariô, ilay Nazarena, zay nomboina. Nitsangana Izy! Tsy aketo Izy. Zahano ny tany zegny nagnambolan-jarô Anazy. ⁷Fa mandiana de zakiô zarô mpianatra sy Petera fa ninga alohalalanan-driô ho agny Galilia Izy. Agny no ahitanariô Anazy, arak'izegny nizakeny tamanarô." ⁸Nivoaka zarô ka niazakazaka niala ny fasagna; natahotra sy nitam-bava zariô. Tsy nizaka na ino na ino tamin'olona zarô satria tegna natahotra be. ⁹[Fagnamarinana: Ny fandikana taloa ny tena tsara de manala ny Marka: 16:9-20] Vô mandrena tamin'ny andro vôlognan'ny erign'andro, tafaran'ny nitsanganany, de niseo tamin'ny Maria Magdalena aloaka Izy, zay nandroahany demonia fito. ¹⁰De lasa Maria ary nizaka ny vôvô taman-jarô niaraka tamin'i Jesosy, ra mbola nalahelo sy nitomagny zarô. ¹¹Regnin-jariô fa velona Izy ary nahita Anazy izy, fa tsy nanaiky zarô. ¹²[Ny fandikana taloa tena tsara de magnala ny Marka 16: 9-20] Tafaran'ny raha io Jesosy de niseo tamin'ny tarehy hafa tamin'ny roe taman-jarô, ra ninga nandia ho an'ny antanàna zariô. ¹³De ninga zariô ka nizaka tamin-jariô mpianatra sisa, fa tsy mety nanaiky zariô. ¹⁴[Fagnamariana: Ny fandikana taloa no tena tsara de magnala ny Marka 16: 9-20] Tafara bitika de niseo tamin'ny reka ambifolo lahy Jesosy raha mbola tiô ampinanan-kanina zariô ary nizaka mafy an-jarô Izy non'ny tsy faneken'ny sy ny ditran'ny fon-jariô, satria tsy manaiky zarô zegny naita Anazy tafaran'ny nitsanganany tamin'ny maty. ¹⁵Ary hoy izy taman-jarô hoe: "Mandiana agny ami'izô tontolo zô, ary torio amin'olona mantolo ny filazantsara. ¹⁶Zegny magneky sy atô batisa no vonjena, ary zagny tsy magneky koza de ho heloina. ¹⁷[Fagnamariana: Ny fandikana taloa no tena tsara de magnala ny Marka 16: 9-20] Togna famantarana tognana de agnaraka zay mino: Amin'ny agnarako no androan-jarô fagnahy ratsy. Izaka amin'ny fizakana vôvô zarô. ¹⁸Anambotra menaragna amin'ny tagnany zarô, ary raha mihinana raha mafaty aza zarô, de tsy ampagnino an-jarô zany. Hametra-tagnana amin'ny marary zarô de ho sitrana iregny." ¹⁹[Ny fandikana taloa no tena tsara de magnala ny Marka 16: 9-20] Rehefa avy nizaka tamin-jarô ny Tompo, de nampekarina ho agny andagnitra Izy ary nitoetra takiô antagnankavan'Andriamanitra. ²⁰De ninga zariô mpianatra nitory tegny rehetra tegny, ary ny Tompo niaraka niasa taman-jarô ary nagnamafy ny zaka tamin'ny alalan'ny famantarana zegny niaraka taman-jarô.

Romans

Chapter 1

¹Paoly, mpanompon'i Jesosy Kristy de vôantso ho apostoly, vôtokana ho mpitory ny filazantsaran'Andriamanitra. ²Io lay filazantsara izegny efa nampagnantigneny meloa tamin'ny alalan'ny Soratra Masina. ³Izany de momba ny Zanagny lahy, izegny teraka avy amin'ny taranak'i Davida araka ny nofo. ⁴Tamin'ny fitsanganana tamin'ny maty, de vômbara ho lay zanaka maherin'Andriamanitra tamin'ny herin'ny Fagnahin'ny fahamasinana Izy_ de i Jesosy Kristy Tompontosena. ⁵Tamin'ny alalany no nazaoantsena fahasoavana sy ny maha-apostoly amin'ny fagnaraana finoana akio amin'ny firenena jiaby, noho ny Agnarany. ⁶Amin'ny firenena reo, andreo koa de vôantso ho an'i Jesosy Kristy. ⁷Ity taratasy ity de ho an'izegny akô Roma jiaby, izegny tian'Andriamanitra, izegny vôantso ho olomasina. Ho amindreo anie ny fahasoavana, sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Abantsena sy Jesosy Kristy Tompo. ⁸Voaloagny, isaorako amin'ny alalan'i Jesosy Kristy ny Andriamanitranay noho ny amindreo jiaby, satria ny finoandreo de efa nampafantarina magneragna izô tontolo izô. ⁹Fa Andriamanitra no vavolombelognanay, izegny tompoiko akô amin'ny fagnahiko akô amin'ny filazantsaran'ny Zanagny, fa tsy megnina mikorana andreo Aminan'ny zaho. ¹⁰Mangataka fogna zaho amin'ny vavaka aniko ny mba hanagnako fahombiazana amin'ny fomba jiaby araka ny sitrapon'Andriamanitra mba ho tonga amindreo. ¹¹Fa zaho de magniry ny aita andreo, mba hahafahako magnomia fagnomiazam-pagnahy sasantsasangny ho andreo, mba hampahery andreo. ¹²Izany, de magniry zaho ny mba hifankaherezantsena aketo agnivontsena, amin'ny alalan'ny finoan'ny tsirekireka aby, ny andreo sy ny anay. ¹³Amin'izô fotoana de tsy tiako andreo tsy hahafantatra, ry rahalahy, hoe matetika zaho no

managna fagniriana hagnatona andreo, (nefa zaho de voasakana mandrakizô), mba hahazaoana vokatra akeo amindreo, kara ny efa nahazaoako ny ambin'ny jentilisa my koa. ¹⁴Zaho de mpitrosa amin'ny Grika sy zareo vahiny, amin'ny kanty sy ny foka. ¹⁵Noho izany, aminay, de vognona my koà zaho ny hitory ny filazantsara ho andreo sy izegny akagny Roma. ¹⁶Fa zaho de tsy megnatra amin'ny filazantsara, fa izany no herin'Andriamanitra ho fagnavotana an'izegny mino jiaby, ho an'ny Jiosy alohaka ary ho an'ny Grika. ¹⁷Fa amin'izany no hagnatoroana ny fahamarinan'Andriamanitra avy amin'ny finoana ho amin'ny finoana, araka izegny voasoratra hoe: "Ny marina de ho velona amin'ny finoana." ¹⁸Fa ny fahavigniran'Andriamanitra de navoaka avy agny an-dagnitra manohitra ny haratsiam-pagnahy sy ny tsy fahamarinan'ny olona, izegny manakana ny fahamarinana amin'ny alalan'ny tsy fahamarinana. ¹⁹Izany de satria izegny fantatra momba an'Andriamanitra de hitanjareo maso. Fa nazaven'Andriamanitra zareo. ²⁰Fa ny poziny izegny tsy hita maso, izegny heriny tsy misy fetra sy maha-Andriamanitra Ananjy, de hita nazava tsara, nanomboka tamin'ny famoronana izô tontolo izô, tamin'ny raha izegny noforonina. Noho izany de tsy managna fialan-tsiny zareo. ²¹Izany de satria, na de efa nahafantatra ny momba an'Andriamanitra aza zareo, de tsy nagnomia voninahitra amin'ny maha Andriamanitra Ananjy, na koa nisaotra Ananjy. Fa koza, nanjary foka tagnaty segnany zareo, ary niha-mizigna ny fo dontonjareo. ²²Zareo de nizaka anjareo ho kanty, nefa de niha-nanjary foka. ²³Ny voninahitr'Andriamanitra tsy mety lo de natakalonjareo ny sarin-tarehin'olombelona mety lo, vorogna, biby manan-kongotra efatra, sy ny raha mandady. ²⁴Noho izany de navarign'Andriamanitra ho amin'ny filan'ny fonjareo amin'ny fahalotoana zareo, mba ho afa-boninahitra akeo aminjareo my ny tagnajareo. ²⁵Zareo no nanakalo ny fahamarinanan'Andriamanitra tamin'ny lenga, ary izegny midera sy manompo ny zava-boaary fa tsy lay Nahary, izegny deraina mandrakizegny. Amen. ²⁶Noho izany, navarign'Andriamanitra ho amin'ny filan-dratsy mamofady zareo, fa ny viavinjareo de nanakalo ny fifandresany vozagnahary tamin'ny raha tsy vozagnahary. ²⁷Kara izany koa, ny lilahy nagnambela ny fifandresanjareo miaraka amin'ny viavy ka nampirisihin'ny filan'ny nofo ho aminjareo samy zareo. Zareo de lilahy izegny nagnano raha mahamegnatra miaraka amin'ny lilahy ary nibaby takô aminajareo ny sazy izegny magneva anjareo noho ny fahavetavetanjareo. ²⁸Satria tsy nagneky ny hanagna an'Andriamanitra akô amin'ny fieritreretany zareo, de namiany segna tsy manjary zareo, mba hagnanovana izegny raha tsy mety. ²⁹Zareo de feno ny tsy fahamarinana, faharatsiana, fagniriana, ary rankinina jiaby. Zareo de feno fialognana, famonoana, fifandirana, fitaka, ary fikasan-dratsy. ³⁰Zareo de mpikitika, mpanandritandrika, ary mpankahala an'Andriamanitra. Zareo de mahery fihetsika, miavo, ary mipoerapoera. Zareo de mpamorogna raha tsy manjary, ary zareo de tsy mangnaja ny ray aman-drininy. ³¹Zareo de tsy managna fahezana; zareo de tsy atokisana, tsy managna fitiavagna vôzagnahary, ary tsy managna famindram-po. ³²Fantanjareo ny lalàn'Andriamanitra, fa izegny magnano raha karan' izany de magneva ananjy ny fahafatesana. Fa tsy raha izany my no aniny, fa magneky ny hafa izegny magnano raha io my koa.

Chapter 2

¹Noho izany de tsy managna fialantsigny anô, ry olona, anô izegny mitsara, fa izegny hitsarano ny hafa no hagnamelohana ny tegnanô. Fa anô izegny mitsara de magnano an'izany my koà. ²Ndrefa fantantsena fa ny fitsaran'Andriamanitra de araka ny marina ndreka mivarigna aminjareo izegny magnano raha karan'io izany.³Fa diniho izô, ry olona, anô izegny mitsara an'izegny magnano raha mitovy amin'izany na magnano karan'izany my koà. Ma anô hilefa ny fitsaran'Amdriamanitra? ⁴Sa hamevagninô ny fanagnan'ny hatsaram- pagnahiny, ny fandiferany, ary ny fahavandriany? Tsy fanatanô ma fa ny hatsaram-pagnahy de natô hitarika anô amin'ny fivalozana?⁵Fa izany de ho hamazagnana sy tsy fivalozan'ny fondreo no hagnangognandreo ny fahavignirana ho an'ny tegnandreo amin'ny andro fahavignirana, izany de, ny andron'ny fagnatoroana ny fitsarana marin'Andriamanitra. ⁶Hamaly ny olona jiaby amin'ny fatra mitovy araka izegny naniny Izy; ⁷ho an'izegny nahavandry tamin'ny fagnanovana ny tsara, ka niaragna ny dera, vonianahitra, ary fahamarinana, de fiegnana mandrakizegny no hamiany.⁸Fa ho an'izegny miaragna ho an'ny tegnany, izegny tsy magnaja ny marina fa magnaja ny tsy fahamarinana, de ho avy ny fahavignirana sy ny faharangitana. ⁹Andriamanitra de hitondra fahoriana sy fahasahiranana amin'ny fagnahin'ny olona jiaby izegny nagnano ratsy, amin'ny Jiosy alohaka, ary amin'ny Grika my koà.¹⁰Fa dera, laza, ary fedanana no ho avy amin'izegny magnano ny tsara, amin'ny Jiosy alohaka, ary amin'ny Grika my koà. ¹¹Fa tsy misy fiengarana miaraka amin'Andriamanitra. ¹²Fa izegny nanota jiaby tsy nanagna ny lalàna de ho very tsy managna lalàna my koa, ary izegny nanota jiaby niaraka tamin'ny fagnajana ny lalàna de ho tsaraina araka ny lalàna.¹³Fa tsy izegny maregny lalàna no marina akeo agnatrehan'Andriamanitra, fa izegny magnatanteraka ny lalàna no nohamarinina. ¹⁴Fa zareo jentilisa, izegny tsy managna lalàna, ndreka magnano ny raha momba ny lalàna araka ny vôzagnahary, de zareo no lalàna ho an'ny tegnany, na de tsy managna lalàna aza zareo.¹⁵Amin'izany no hagnatoroanjareo fa ny asa angatahin'ny lalàna de vôsoratra akô am-ponjareo. Ny fieritreretanjareo my koà de vavolombelona ho anjareo, ary ny fisegnanjareo manokana de, na hagnameloka na miaro anjareo amin'ny tegnanjareo ¹⁶ary koà amin'Andriamanitra. Izany de hitranga amin'ny andro izegny hitsaran'Andriamanitra ny tsiambaratelon'ny olona jiaby, araka ny filazantsarako, amin'ny alalan'i Jesosy Kristy.¹⁷Fa raha ohatra ka Jiosy no hangnantsovanô ny tegnanô ary miankina amin'ny lalàna sy mipoerapoera akô amin'Andriamanitra, ¹⁸ary mahafantatra ny sitrapony sy mamantatra izegny raha tegna tsara satria nampendarina lalàna anô; ¹⁹ary raha ohatra ka resy lahatra anô fa ny tegnanô de mpitarika ny tsy maita, fahazavana ho anjareo izegny akô amin'ny mizigna, ²⁰mpagnarina ny foka, mpampianatra ny zamadinika, ary anagnanô akô amin'ny lalàna ny sarin'ny fahafantarana sy ny marina, de ahoana izany no fientrekan'izany amin'ny fomba hiegnanô ny fiegnanô?²¹²²Ary anô izegny nampianatra ny sanagny, ma tsy mampianatra ny tegnanô anô? Anô izegny mitory manohitra ny halatra, ma anô mangalatra? Anô izegny mizaka fa tsy tokony hizangazanga, ma anô mizangazanga? Anô izegny mankahala ny sampy, ma anô mandrava fengonana?²³Anô izegny faly akô amin'ny lalàna, mangala-baraka an'Andriamanitra ma anô amin'io fandikanô ny lalàna io? ²⁴Fa "ny agnaran'Andriamanitra de efa afabaraka takeo aminjareo Jentilisa noho ny amindreo," araka izegny efa vôsoratra.²⁵Fa mahazo tombony amin'ny famorana tegnany andreo raha ohatra ka magnaja ny lalàna, fa raha mandika lalàna andreo, de manjary tsy vôfora na de efa vôfora aza andreo. ²⁶Arak'izany, raha olona tsy vôfora no magnaja izegny takin'ny lalàna, ma tsy ho atô ho isan'ny vôfora izy na de tsy vôfora aza? ²⁷Ary tsy ho helohin'ilay reka izegny tsy mifora ara-bôzagnahary ma andreo raha ohatra ka magnaja ny lalàna izy? Izany de satria managna ny lalàna vôsoratra sy ny famorana andreo, nefa mbola mandika lalàna!²⁸Fa izy de tsy Jiosy amin'ny pôzy avelagny fogna; na amin'ny famorana izegny hita amin'ny pôziny avelagny fogna. ²⁹Fa izy de Jiosy akô agnantiny, ary ny famorana izegny an'ny fo, akô amin'ny Fagnahy, fa tsy akô amin'ny soratra. Ny fiderana ny olona kara izany de tsy avy amin'ny olona fa avy amin'Andriamanitra.

Chapter 3

¹De ino andrika izany no tombontsoa anagnan'ny Jiosy? Ary ino no tombotsoan'ny famoràna? ²Tsara izany amin'ny fomba jiaby. Vôlohagny indrindra, zareo Jiosy de nagnankignana ny fagnambaranana avy amin'Andriamanitra. ³Fa ahoana raha tsy manam-pinoana zareo Jiosy ansanagny? Ny tsy finoanjareo ma no hahatonga ny fahatokisan'Andriamanitra tsy ho tanteraka? ⁴Tsy hisy tokoatra anie izany. Fa koza, avilè ho hita fa marina Andriamanitra, na de mpamesy aza any olona tsirekireka. Araka ny vôsoratra hoe: "Ho atoro amin'ny zakandreo fa olo-marina andreo, ary hatoro ndreka tonga amin'ny fitsarana andreo." ⁵Fa raha ohatra ny tsy fahamarinantsena no mampivoaka ny fahamarinana'Andriamanitra, ino no azontsena zakena? Afaka mizaka ma antsena fa tsy marina Andriamanitra amin'ny famoahany ny fahavignirany amintsena, sa tsy izany? (Mampiasa kabarin'olombelona zaho.) ⁶Tsy hisy tagnany anie zany! Satria amin'ny fomba ahoana andrika no hitsaran Andriamanitra an'izô tontolo izô? ⁷Fa raha ohatra ny fahamarinan'Andriamanitra ka magnomia fiderana maro ho Ananjy amin'ny alalan'ny afisiako, de nahoana andrika zaho no mbola tsaraina ho mpanota? ⁸Fa nahoana no tsy mizaka, araka ny tatitra diso izegny zakena fa zakentsena, ary koà araka ny hagnamafisan'ny sasagny fa nizakentsena hoe: "Avilè zehe hagnano ratsy, mba hiavian'ny tsara." Rariny ny fitsarana ato aminjareo. ⁹Ka ino andrika? Magnomia rariny ny tagnantsena va antsena? Tsy izany sy. Fa antsena de efa nagnameloka ny Jiosy sy ny Grika, zareo jiaby, ho mpanota. ¹⁰Izany de araka ny vôsoratra hoe: "Tsy misy olo-marina, na de reka aza" ¹¹Tsy misy na de reka aza mahafantatra. Tsy misy na de reka aza miaragna an'Andriamanitra. Dila nihataka aby zareo jiaby. ¹²Nanjary tsy misy ilàna ananjy koza zareo jiaby. Tsy mba magnano raha tsara, na de reka fogna aza. ¹³Ny tendanjareo de fasagna mivavatra. Ny lelanjareo de mamitaka. Ny poizina amin'ny bibilava de ambany molotranjareo. ¹⁴Ny vavanajareo de feno ozogna ambàna lolom-po. ¹⁵Ny tongotranjareo de malady amin'ny fanadatsahan-drà. ¹⁶Ny fandravana sy ny fijaliana de akegny amin'ny lalanjareo. ¹⁷Iregny olona regny de tsy nahafantatra ny lalan'ny fiadanana. ¹⁸Tsy mba misy tahotra an'Andriamanitra akeo alohan'ny masonjareo. ¹⁹Amin'izô fotoana de fantantsena fa na ino na ino zaken'ny lalàna, de mivantagna akagny amin'izegny ambany lalàna. Izany de mba hahatonga ny vavan'ny tsirekireka hangina, ary mba hahazo valiny avy amin'Andriamanitra izô tontolo izô. ²⁰Izany de satria tsy hisy nofo hohamarinina amin'ny asan'ny lalàna akeo imasony. Fa amin'ny alalan'ny lalàna no hiavian'ny fahafantarana ny fahotana. ²¹Fa amin'izô fotoana de nampahafanatarina my koà ny fahamarinan'Andriamanitra tsy amin'ny lalàna. Noporofoin'ny lalàna sy zareo mpaminagny, ²²fa izany, no fahamarinan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesôsy Kristy ho an'izegny mino jiaby. Satria tsy misy fagnavahana. ²³Fa nanota ny olona jiaby ka tsy managna ny voninahitr'Andriamanitra, ²⁴ary zareo de hamarinina memempogna amin'ny fahasoavany amin'ny alalan'ny fagnavotana izegny akô amin'i Jesosy Kristy. ²⁵Fa Andriamanitra nagnomia an'i Kristy Jesosy ho fagnatitra amin'ny alalan'ny finoana ny ràny. Namiany ho porofon'ny fahamarinany i Kristy, noho ny tsy fizahanany ny fahotana tagny aloha ²⁶amin'ny fahavandriany. Nisy raha jiaby izany mba ho fagnatoroana ny fahamarinany amin'izô fotoana ankehitriny izô. Izany de mba hahafahany magnaporofa fa marina ny tagnany, ary mba hagnatoroany fa Izy de magnamarina ny olona jiaby noho ny finoana an'i Jesosy. ²⁷Akeza andrika izany ny fipoerapoerana? Voafafa izany. Fa ino no antony? Ma amin'ny asa? Aha, fa noho'ny finoana. ²⁸Manapa-kevitra zany antsena fa ny olona reka de hamarinina araka ny finoana tsy misy ny asan'ny lalàna. ²⁹Sa ny Andriamanitra ny Jiosy reka my ma no Andriamanitra? Ma tsy Andriamanitranjareo Jentilisa my koa Izy? Aika, an'ny Jentilisa koà. ³⁰Raha tokana tokoatra Andriamanitra, de hohamarinina amin'ny finoana zareo izegny vôfora, ary zareo izegny tsy vôfora koza amin'ny alalan'ny finoana. ³¹Foagnantsena amin'ny alalan'ny finoana andrika ma zany ny lalàna? Tsy hisy tagnany anie izany! Fa koza, magnaja ny lalàna antsena.

Chapter 4

¹Ino andrika no ho zakentsena fa hitan'i Abrahama, abantsena takagny aloha araka ny nofo? ²Fa raha namarinina tamin'ny asa i Abrahama, de nanagna antony hireharehana izy, nefa tsy akeo agnantrehan'Andriamanitra. ³Fa ino no zaken'ny Soratra Masina? "Abrahama de nino an'Andriamanitra, ary nikôntina ho fahamarinana izany." ⁴Ary ho an'izegny miasa, ny karamany de tsy kôntina ho fahasoavana, fa ho kara trosa. ⁵Fa ho an'izegny tsy miasa koza nefa mino fa an'lay reka izegny magnamarina ny mpanohitra an'Andriamanitra, de kôntina ho fahamarinana ny finoany. ⁶Davida my koà de manognona tso-drano amin'ny olona izegny kôntin'Andriamanitra ho marina nefa tsy miasa. ⁷Hoy izy hoe: "Sambatra zareo izegny vôvela heloka ary voasarogna ny fahotany. ⁸Sambatra izegny tsy kôntin'i Tompo heloka." ⁹Aminjareo izegny vôfora my ma no hanongnonana izany tso-drano zany, sa aminjareo tsy vôfora my koa? Fa hoy koza antsena hoe: "Ny finoana de nikôntin'i Abrahama ho fahamarinana." ¹⁰Ka ahoana andrika no nagnisana an'izany? Tamin'i Abrahama efa vôfora, sa tamin'izy tsy mbola vôfora? Tsy tamin'izy efa vôfora fa tamin'izy mbola tsy vôfora. ¹¹Abrahama de nadre ny famantaran'ny famoràna. Izany de mariky ny fahamarinan'ny finoana izegny efa nanagnany tamin'izy mbola tsy vôfora. Ny valin'izany famantarana izany de nanjary aban'izegny mino jiaby izy, na de mbola tsy vôfora aza zareo. Midika zany fa ny fahamarinana de kôntina ho anjareo. ¹²Nidika koà zany fa i Abrahama de nanjary aban'ny vôfora, tsy an'izegny vôfora my fa ho an'izegny magnaraka ny dian'ny finoan'i Abrahama abantsena my koà talohan'ny tsy mbola naha-vôfora ananjy. ¹³Fa ny fampagnantegnana tamin'i Abrahama sy zareo taranagny fa ho mpandova izô tontolo izô izy de tsy avy tamin'ny alalan'ny lalàna fa avy tamin'ny alalan'ny fahamarinan'ny finoana. ¹⁴Fa raha zareo izegny miegna amin'ny alalan'ny lalàna no mpandova, de ho foagna ny finoana, ary tsinontsino ny fampagnantegnana. ¹⁵Satria ny didy de mitondra amin'ny fahavignirana, fa ankagany amin'zegny tsy misy lalàna, de tsy misy fandikan-dalàna. ¹⁶Noho izany antony izany de miseho amin'ny fotoana izany, mba hipetranan'ny fampagnantegnana amin'ny fahasoavana ary ho azo antoka amin'ny taranak'i Abrahama jiaby_ tsy ho an'izegny ambanin'ny lalàna my, fa ho an'izegny mizara ny finoan'i Abrahama my koà. Abantsena jiaby izy, ¹⁷araka ny vôsoratra hoe: "Natôko ho aban'ny firenena maro anô." Takeo amin'ny fagnantrehan'lay natokisany Abrahama, de Andriamanitra izany, izegny magnomia fiegana ny maty ary magnantso ny raha tsy mbola misy mba hisy. ¹⁸Na de takeo aza ny raha nisy takagny avelagny, de natoky tanteraka an'Andriamanitra i Abrahama tamin'ny raha ho avy. Ka najary aban'ny firenena maro izy, araka izegny efa vôzaka hoe: "Ho kara izany ny taranakanô." ¹⁹Tsy nalemy tamin'ny finoana izy. Fantan'i Abrahama fa tsy afaka hanan-janaka izy (satria efa takeo amin'ny zato taona takeo izy). Nagneky my koà fa ny kibon'i Saraha de tsy afaka ny hitondra vohoka koza. ²⁰Nefa noho'ny fampagnantegnan'Andriamanitra, de tsy nisalasala tamin'ny tsy finoana i Abrahama. Fa koza, vô menka natanjaka tamin'ny finoana izy ary nidera an'Andriamanitra. ²¹Resy lahatra tagnandraha izy fa izegny nampagnantignen'Andriamanitra, de vitany anina my koà. ²²Noho izany de nikôntina ho fahamarinana ho ananjy izany. ²³Ary de tsy nosoratana ho an'ny tombotsoany reka fogna izany, fa nikôntina ho ananjy koa izany. ²⁴Nosoratana ho antsena my koà izany, ho an'izegny hikôntiana an'izany, antsena izegny mino Ananjy izegny nanangana an'i Jesosy Tompontosena tamin'ny maty. ²⁵Izy lay reka nagnomia nohon'ny fahotantsena ary natsangana mba hagnamarina antsena.

Chapter 5

¹Satria namarinina tamin'ny finoana antsena, de managna fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Jesosy Kristy Tompontosena. ²Amin'ny alalany my koà no anagnantsena lalàna amin'ny finoana minga ako amin'izany fahasoavana izegny ijoroantsena izany. Miravoravao amin'ny fahatokisana amian'Andriamanitra anè amin'ny ho avy zehè, fahatokisana izegny ho zarentsena akô amin'ny voninahitr'Andriamanitra. ³Tsy amin'izany my, fa antsena my koà de mifaly akô amin'ny fahoriantena. Fantantsena fa ny fahoriana de miteraka faharetana. ⁴Ny faharetana de miteraka fankatoavana, ary ny fankatoavana miteraka fahatokisana amin'ny raha ho avy. ⁵Izany toky izany de tsy mandiso fagnantegnana, satria ny fitiavan'Andriamanitra de efa narosaka takô ampontosena tamin'ny alalan'ny Fagnahy Masina, izegny namiana antsena. ⁶Fa tamin'ny mbola nalemy antsena, de maty ara-potoana ho an'ny ratsy fagnahy i Kristy. ⁷Fa sarotra ho an'ny olona reka ny ho faty ho an'ny olo-marina. Fa, angamba mety misy olona reka masahy maty ho an'ny olona tsara. ⁸Fa Andriamanitra mampiseho fitiavana manokana ho antsena, satria tamin'ny mbola mpanota antsena de maty mba ho antsena i Kristy. ⁹Mihoatra noho izany aza, amin'izô, ndreka namarinina tamin'ny ràny antsena, de ho vôvonjin'izany tsy ho amin'ny fahavigniran'Andriamanitra. ¹⁰Fa tamin'ny mbola fahavalo antsena, de nihavana tamin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ny fahafatesan'ny Zanagny, ary mihoatra noho izany, ndreka avy nampiavanina, de ho vôvonjy amin'ny alalan'ny aignany antsena. ¹¹Ary tsy izany my, fa antsena my koà de mifaly akô amin'Andriamanitra amin'ny alalan'ny Jesosy Kristy Tompontosena, izegny nazahoantsena izany fihavanana izany amin'izô fotoana izô. ¹²Noho izany andrika, kara ny nidiran'ny ota tamin'ny olona reka tamin'izô tontolo izô, de kara izany koà no nidiran'ny fahafatesana tamin'ny alalan'ny ota. Ary ny fahafatesana de nipariaka tamin'ny olona jiaby, satria samy nanota aby ny jiaby jiaby. ¹³Tari-fisian'ny lalàna, de taketo amin'izô tontolo izô ny ota, fa tsy misy fagnisan-keloka tsy misy lalàna. ¹⁴Nefa na izany aza, ny fahafatesana de nanan-kery nanomboka tamin'i Adama ka jisika tamin'i Mosesy, na de takeo amin'izegny tsy nanota kara ny tsy fankatoavan'i Adama aza, izegny tandindogn'lay ho avy. ¹⁵Nefa na izany aza, ny fagnomiazana de tsy kara ny fahadisoana. Fa raha tamin'ny alalan'ny fahadisoan'ny reka no nahafaty ny maro, de mihoatra lavitra no naton'ny fahasoavan'Andriamanitra sy ny fagnomezana avy amin'ny fahasoavan'lay olona reka, Jesosy Kristy, namiana maro noho ny jiaby. ¹⁶Fa ny fagnomezana de tsy kara ny vokatra avy amin'lay reka izegny nanota. Fa amin'ny lafiny reka, tonga ny fitsarana ho fagnamelohana nohon'ny fahadisoan'ny olona reka. Fa amin'ny lafiny reka hafa, ny fagnomezana mefara amin'ny fagnamarinana de tonga tafaran'ny fahadisoana maro. ¹⁷Fa raha, tamin'ny alalan'ny fahadisoan'ny reka, no hanjakan'ny fahafatesana amin'ny reka hafa, de mihoatra lavitra noho izany ny hanjakan'ny fahafatesana amin'ny reka, de mihoatra lavitra noho izany ny hanjakan'izegny mandre ny fahasoavam-be sy ny fagnomiazana fahamarinana amin'ny alalan'ny fiegnan'lay reka, de Jesosy Kristy. ¹⁸Noho izany andrika, satria tamin'ny alalan'ny fahadisoan'ny reka no nahatonga ny olona jiaby ho amin'ny fagnamelohana, de amin'ny alalan'ny asan'ny fahamarinan'ny reka my koà izany no hatongavan'ny fahamarinana amin'ny fiegnan'ny olo-jiaby. ¹⁹Fa satria avy amin'ny tsy fankatoavan'ny olona reka no nahatonga ny maro ho mpanota, de amin'ny alalan'ny fankatoavan'ny reka my koà no nahatonga ny maro ho marina. ²⁰Fa tonga takô amin'izany ny lalàna, mba ho lehibe ny fahadisoana. Nefa raha lehibe ny fahotana, de vô meka ne-lebe ny fahasoavana. ²¹Nisy izany mba, kara ny nanjakan'ny fahotana tamin'ny fahafatesana, de kara izany koà no hanjakan'ny fahasoavana amin'ny alalan'ny fahamarinana ho amin'ny fiegnana mandrakizegny amin'ny alalan'ny Jesosy Kristy Tompontosena.

Chapter 6

¹Ino andrika no ho zakentsena? Tokony hanohy ny fahotana ma antsena mba hitomboan'ny fahasoavana? ²Tsy hisy teginany anie zany. Antsena izegny maty nohon'ny amin'ny ota, amin'ny fomba ino ma no mbola hiegnantsena amin'izany my? ³Tsy fantandreo ma fa izegny natô batisa tako amin'i Kristy Jesosy jiaby de natô batisa takô amin'ny fahafatesany?⁴Ka vôlevigna niaraka taminanjy tamin'ny alalan'ny batisa ho amin'ny fahafatesana antsena. Nisy izany mba ho kara ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray, no andehanantsena amin'ny fiegnam-bôvô my koà. ⁵Fa raha mitambatra Aminanjy amin'ny endriky ny fahafatesany antsena, de hitambatra amin'ny fitsanganany my koà. ⁶Fantantsena izany, fa ny teginantsena taloha de nifantsihina niaraka taminanjy, mba hagnapotehana ny teginan'ny ota. Nisy izany mba tsy ho andevozin'ny ota koza antsena. ⁷Izy izegny maty de nambara fa marina sady afaka amin'ny fahotana. ⁸Fa raha maty niaraka tamin'i Kristy antsena, de mino fa hiara-belona Aminanjy my koà. ⁹Antsena de mahafantatra fa nitsangana tamin'ny maty i Kristy, ary tsy maty koza Izy. Tsy manjaka Aminanjy koza ny fahafatesana. ¹⁰Fa raha ny momba ny fahafatesana de maty nohon'ny amin'ny fahotana Izy, maty indreka mandeha ho an'ny jiaby Izy. Kandrefa, ny fiegnana izegny hiegnany de iegny ho an'Andriamanitra. ¹¹De kara izany, tsy mentsy mandinika ny teginandreo ho efa maty amin'ny fahotana my koà andreo, fa velona ho an'Andriamanitra akô amin'i Kristy Jesosy. ¹²Noho izany de aza avela hanjaka akô amin'ny teginandreo mety maty ny ota mba hagnarahandreo ny fikasan-dratsy. ¹³Aza amiana ho an'ny fahotana ny ratsambatagnandreo, ho fitovana ampesena amin'ny tsy fahamarinana. Fa amiao ho an'Andriamanitra ny teginandreo, kara ny nitsangana tamin'ny maty izegny velona amin'izô fotoana izô. Ary amiao ho an'Andriamanitra ny ratsambatagnandreo mba ho fitôvana ampesena amin'ny fahamarinana. ¹⁴Aza avela hanjaka amindreo ny ota. Satria tsy ambanin'ny lalàna andreo, fa ambanin'ny fahasoavana. ¹⁵Ka ino andrika? Tokony hanota va antsena satria tsy ambanin'ny lalàna, fa ambanin'ny fahasoavana? Tsy hisy tokoatra anie izany. ¹⁶Tsy fantandreo ma lay reka izegny agnomezandreo ny teginandreo ho mpanompo de lay reka izegny ho hajendreo, lay reka tsy maintsy ho hajendreo? Marina izany na mpanompon'ny fahotana izegny mitarika ho akagny amin'ny fahafatesana andreo, na mpanompon'ny fagnajana izegny mitaroka ho akagny amin'ny fahamarinana. ¹⁷Fa isôrana Andriamanitra! Satria efa mpanompon'ny fahotana andreo, kanefa nagnaja takô ampondreo ny fomba fampianarana izegny namiana andreo. ¹⁸Nafahana tamin'ny ota andreo, ary natô mpanompon'ny fahamarinana. ¹⁹Mizaka kara olona zaho noho ny fahalemen'ny nofondreo. Satria raha vantagny vô nagnomia ny rantsam-batangnandreo ho andevon'ny fahalotoana sy ny ratsy andreo, de kara izany koà izô, amiao ho andevon'ny fahamarinana ho amin'ny fahamasinana ny ratsambatagnandreo. ²⁰Fa letry andreo andevon'ny ota, de afaka tamin'ny fahamarinana. ²¹Amin'izô, ino andrika no vokatra azondreo tamin'ny raha izegny mahamegnatra anareo amin'izô fotoana izô? Satria ny vokatr'iregny raha iregny de ny fahafatesana. ²²Fa amin'izô fotoana ndreka nafahana tamin'ny ota andreo ary nanjary mpanompon'Andriamanitra, de mijinja ny fahamasinana. Ny vokatra de ny fiegnana mandrakizegny. ²³Fa ny valin'ny ota de fahafatesana, fa ny fagnomezan'Andriamanitra koza de fiegnana mandrakizegny akô amin'i Kristy Jesosy Tompontosena.

Chapter 7

¹Sa tsy fanatandreo, ry rahalahy (satria mikorana amin'ny olona mafantatra momba ny lalàna zaho), fa ny lalàna de mibeko ny olona reka raha mbola velona koà izy?²Fa ny viavy izegny manambady de vôtatry ny lalàna amin'ny vadiny raha mbola velona koà izy, fa raha maty lay vadiny, de afaka amin'ny lalàn'ny fanambadiana izy. ³Noho izany, raha mbola velona ny vadiny, raha ohatra ka miaraka amina lilahy hafa izy, de ho antsovana hoe mpisengy. Fa raha maty lay vadiny, de afaka amin'ny lalàna izy, ka tsy mpisengy izy raha ohatra ka miaraka amina lilahy hafa. ⁴Noho izany, ry rahalahiko, de natô maty tamin'ny lalàna my koà andreo tamin'ny alalan'ny tegan'i Kristy. Nato izany mba hitambarandreo amin'ny hafa, izany hoe, aminanjy izegny natsangana tamin'ny maty, mba hahafahantsena mamokatra voa ho an'Andriamanitra. ⁵Fa tamintsena takô amin'ny nofo, takô amin'ny filan'ny fahotana, izegny nihetsehin'ny lalàna, de niasa takô amin'ny rantsam-batagnantsena mba hamokatra voa ho an'ny fahafatesana. ⁶Fa amin'izô de nafahana tamin'ny lalàna antsena. Maty tamin'lay namatotra antsena antsena. Izany de mba hahafahantsena manompo amin'ny fagnavôzam-pagnahy, fa tsy amin'ny fahanteran'ny soratra. ⁷Ino andrika no ho zaketsena? Ny lalàna tokoatrany megny no fahotana? Tsy hisy teganany anie zany. Kanefa, tsy ho nahafantatra ny fahotana tokoatra zaho, raha tsy amin'ny alalan'ny lalàna my. Fa tsy ho nahafantatra ny fisisiritana zaho raha tsy nizaka ny lalàna hoe: "Aza misiriritra." ⁸Fa nalaka vahagna tamin'ny didy ny fahotana ka nahatonga ny fisisiritana jiaby takato aminay. Fa raha tsy misy ny lalàna, de maty ny ota. ⁹Taloha zao de velona tsy nisy lalàna, fa ndreka tonga ny didy, de velona ndreka ny ota, ka maty zaho. ¹⁰Ny didy izegny tokony hitondra fiegnana no nivadika ho fahafatesana ho anay. ¹¹Fa ny fahotana de nalaka vahagna tamin'ny alalan'ny didy ka namitaka anay. Tamin'ny alalan'ny didy no namonoany anay. ¹²Noho izany, ny lalàna de masina, ary ny didy de masina, marina, ary tsara. ¹³Ka ma va nivadika ho fahafatesana ho anay izegny tsara? Tsy hisy teganany anie izany. Fa ny ota, mba hahafahany manjary ho fahotana amin'ny alalan'izegny tsara, de mitondra fahafatesana takato aminay. Izany de ho amin'ny alalan'ny didy, ny fahotana de mety hanjary ho tegna fahotana teganandraha. ¹⁴Fa fantatsena fa ara-pagnahy ny lalàna, fa zaho avy amin'ny nofo. Efa namidy ho akô ambanin'ny fagnandevozan'ny ota zaho. ¹⁵Fa ny raha aniko, de tsy de tegna azoko tsara. Satria izegny tiako anina, de tsy aniko, ary izegny halako, de aniko. ¹⁶Fa raha magnano izegny tsy tiako zaho, de miombon-kevitra amin'ny lalàna satria tsara ny lalàna. ¹⁷Fa amin'izô fotoana de tsy zaho koza no magnano an'izany fa ny fahotana izegny velona akato agnatiko. ¹⁸Fa fantako fa akato agnatiko, izegny akato amin'ny nofoko, de tsy misy raha tsara velona. Fa ny fagniriana ny tsara de akato aminay, kanefa tsy afaka magnano an'izany zaho. ¹⁹Fa ny tsara izegny tiako de tsy atôko, fa ny ratsy izegny tsy tiako, no atôko. ²⁰Ary raha magnano izegny tsy tiako anina zaho, de tsy zaho koza no miasa amin'izany, fa kosa ny fahotana izegny miegna akato aminay. ²¹Ary zaho de nahita, fa ny fitsipika akato aminay de te hagnano izegny tsara, kandrefa ny ny ratsy no akato agnatiko amin' izô. ²²Fa miravoravo akô amin'ny lalàn'Andriamanitra zaho amin'ny fagnahy maha-olona. ²³Kanefa mahita fitsipika reka hafa momba ny tagnako akô zaho. Izany de miady amin'lay fitsipika vôvô akô agnaty segnako. Mitana anay ho babon'ny fitsipiky ny fahotana izegny akô amin'ny momba ny tagnako izany. ²⁴Olon-tsahirana zaho! Zovy no afaka hagnafaka anay amin'ity vatagn'ny fahafatesana ity? ²⁵Fa isôrana amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsena ny Andriamanitra! Noho izany, zaho tagnako de manompo ny lalàn'Andriamanitra amin'ny segnako. Na de izany aza, de manompo ny fitsipikin'ny fahotana amin'ny nofoko zaho.

Chapter 8

¹Noho izany de tsisy fagnamelohana koza amin'izô ho andreo izegny akô amin'i Kristy Jesosy. ²Fa ny fitsipiky ny Fagnahin'ny fiegnana akô amin'i Jesosy Kristy no nagnafaka anay tamin'ny alalan'ny fahotana sy ny fahafatesana. ³Fa izegny tsy afaka natôn'ny lalana nohon'ny fahalemeny tamin'ny nofo, de natôn'Andriamanitra. Nandefa ny Zanagny lahy tôkana Izy tamin'ny endriky ny nofo feno fahotana mba ho fagnatitra ho an'ny ota, ary nagnameloka ny ota takô amin'ny nofo izy. ⁴Natôny izany mba ho tontosa akô amintsena ny raha takin'ny lalàna, antsena izegny mandeha tsy araka ny nofo, fa araka ny Fagnahy. ⁵Izegny miegna araka ny nofo de mifantoka amin'ny raha momba ny nofo, fa izegny velona araka ny Fagnahy de mifantoka amin'ny raha momba ny Fagnahy. ⁶Satria ny fisegnana mivahatra amin'ny nofo de fahafatesana, fa ny fisegnana mivahatra amin'ny Fagnahy koza de fiegnana ambàna fedanana. ⁷Ny fisegnana mivahatra amin'ny nofo de fandrafiana akeo agnatrehan'Andriamanitra, satria tsy mifagnaraka amin'Andriamanitra izany, no sady tsy hainy aby ny magnano an'izany. ⁸Zareo izegny akô amin'ny nofo de tsy afaka ny ho ankasitrahin'Andriamanitra. ⁹Kandrefa, andreo de tsy akô amin'ny nofo fa akô amin'ny Fagnahy, raha ohatra ka marina fa miegna akô amindreo ny Fagnahin'Andriamanitra. Fa raha misy olona tsy managna ny Fagnahin'i Kristy, de tsy Ananjy izy. ¹⁰Raha ohatra akô amindreo Kristy, de maty nohon'ny fahotana ny vatagna, fa ny Fagnahy de velona noho'ny fahamarinana. ¹¹Raha ny fagnahin'lay nanagna an'i Jesosy tamin'ny maty no velona akô amindreo, de Izy izegny nanagnana an'i Kristy tamin'ny maty no hagnomia fiegnana ho an'ny tagnandreo izegny mety maty amin'ny alalan'ny Fagnahiny my koà, izegny velona akô amindreo. ¹²Noho izany, ry rahalahy, de mpitrosa antsena, fa tsy akô amin'ny nofo mba hiegnana araka ny nofo. ¹³Fa raha miegna araka ny nofo andreo, de ho faty, fa raha amin'ny Fagnahy izegny hamonoandreo ny asa'ny nofo de ho velona andreo. ¹⁴Fa kara ny raha jiaby votariaky ny Fagnahin'Andriamanitra, de zareo no zanak'Andriamanitra. ¹⁵Fa tsy nandre ny fagnahin'ny fagnandevozana ndreka andreo ka hatahotra. Fa koza, nandre ny Fagnahin'ny fanagananan-janaka andreo, izegny hanantsognantsoavantsena hoe: "Aba, Baba a!" ¹⁶Ny Fagnahy si no vavolombelona amin'ny fagnahintsena fa zanak'Andriamanitra antsena. ¹⁷Raha zanaka antsena, de mpandova my koà, mpandova an'Andriamanitra. Ary lova reka amin'i Kristy antsena, raha tegna mijaly miaraka Aminanjy tokoatra antsena de amiam-boninahitra miaraka Aminanjy koà. ¹⁸Fa atôko fa ny fijaliana amin'izô tontolo izô de tsy magneva ampitahena amin'lay voninahitra izegny ho hatoro amintsena. ¹⁹Fa ny voahary jiaby izegny magnantegna fatratra de mandigny ny fampisehoana ny zanak'Andriamanitra. ²⁰Fa ny raha namboarin-jagnahary de natô ho tsisy dikany, tsy nohon'ny sitrapony manokana, fa noho lay nagnano izany. Izany de akô amin'lay toky namiana ²¹fa ny raha namboarin-jagnahary tagnany no tsy mentsy halàna amin'ny fagnandevozan'ny fahalôvana, ary hitondra akagny amin'ny fahafahana ny amin'ny voninahitry ny zanak'Andriamanitra izany. ²²Fa fantantsena fa ny raha namboarin-jagnahary de miara-malahelo sy miara-miasa akô amin'ny fanentegnana na de amin'izô fotoana aza. ²³Tsy izany my, fa na ny tagnantsena aza, izegny managna ny voalognam-bokaty ny Fagnahy na ny tagnantsena aza de misento akô agnatintsena, mandigny ny fananganana antsena ho zanaka, de ny fagnavotana ny tegantsena. ²⁴Fa tamin'izany toky izany no namonjena antsena. Fa izegny atokisantsena fa hisy de mbola tsy hita, fa zovy no mandigny am-pahatokisana izegny efa hitany? ²⁵Fa raha matoky amin'izegny mbola tsy hitantsena antsena, de mandigny an'izany am-pahavandriana. ²⁶Kara izany koà, ny Fagnahy de magnampy akô amin'ny fahalementsena. Fa antsena tsy mahafantatra izegny vavaka atôntsena, fa ny Fagnahy tokoatra no mifona ho antsena amin'ny fisentoana tsy hay zakena. ²⁷Izy izegny mandinika ny fo no mahafantatra ny hevitra ny Fagnahy, satria izy no mifona ho an'ny mpino araka ny sitrapon'Andriamanitra. ²⁸Fantantsena fa ho an'izegny tia an'Andriamanitra, de miaraka ampenseny ho amin'ny tsara aby daholo ny raha jiaby, ([Fagnamariahana: Raha tokony hoe "Miaraka ampenseny ho amin'ny tsara aby daholo ny raha jiaby," de ny dikan-teny sanagny taloha magnano hoe: "Ny raha jiaby de miaraka miasa ho amin'ny raha tsara.")]) ho an'izegny voantso araka ny fandaharany. ²⁹Satria zareo izegny fantany meloha, de nitondriny meloha my koa mba hitovy pôzy amin'ny Zanagny, mba ho talagnolo akeo agnison'ny rahalahy maro izy. ³⁰Zareo izegny nitondriny meloha, de nantsovana my koà. Zareo izegny nantsovana, de namarininy my koà. Zareo izegny namarininy, de namiany voninahitra my koà. ³¹Ino andrika nio tokony ho zakentsena momba an'izany raha izany? Raha mbola momba antsena Andriamanitra, zovy no mahatohitra antsena? ³²Izy izengy niaro ny Zanagny lahy tokana fa nagnomia Ananjy ho antsena jiaby, ahoana no tsy hagnomezany memempogna miaraka Aminanjy ny raha jiaby my koà? ³³Zovy no hitondra ny fempangana hanohitra izegny olom-bôfidin'Andriamanitra? Andriamanitra no lay reka izegny nagnamarina an'izany. ³⁴Zovy lay reka hagnameloka? Kristy no lay reka maty ho antsena, ary magnoatra an'izany, nantsangana my koà Izy. Mandidy miaraka amin'Andriamanitra akeo amin'ny fitoeram-boninahitra izy, ary Izy no lay mifona ho antsena. ³⁵Zovy no hagnasaraka antsena amin'ny fitiavan'i Kristy? Fahoriana, sa fijaliana, sa fagnenjarahana, sa silôna, sa

filongalongana, sa vintagna, sa sabatra?³⁶ Araka ny vosoratra hoe: "Noho ny aminô de vôvono andro lava zehè. Niresina kara ny ondry ho vonina zehè."³⁷ Akô agnatin'izany raha jiaby izany de mihoatra noho ny mpandresy zehè amin'ny alalan'lay reka tia anô.³⁸ Fa resy lahatra zaho fa na ny fahafatesana, na ny fiegnana, na ny anjely, na ny fanjakana, na ny raha amin'izô fotoana, na ny raha mbola ho avy, na ny hery,³⁹ na ny ambo, na ny laligna, na ny raha vôzagnahary hafa, de tsy hampisaraka antsena amin'ny fitiavanAndriamanitra, izegny akô amin'i Kristy Jesosy Tompontsena.

Chapter 9

¹Mizaka ny marina akô amin'i Jesosy Kristy zaho. tsy mamesy zaho, ary ny eritreritrany no vavolombelogna miaraka aminay akô amin'ny Fagnahy Masina, ²fa ho anay de misy raha mamapalaelo mafy ary fahoriana tsy megnina akato am-poko. ³Fa afaka nagniry zaho fa izaho tegnako de voaozogna ka hisitaka amin'i Jesosy Kristy noho ny amin'ny rahalahiko, izegny reka firazagnana aminay araka ny nofo. ⁴Zareo de Israelita. Zareo de managna ny fananganan'anaka, ny voninahitra, ny fankatoavana, ny fagnomezan'ny lalàna, ny fiderana an'Andriamanitra, ary ny fampagnantegnana. ⁵Ny anjareo de ny razagna izegny nahatonga an'i Jesosy Kristy ho tonga nofo, Izy izegny Andriamanitra ambonin'ny raha jiaby. Ho deraina mandrakizegny anie Izy. Amen. ⁶Fa tsy foagna izegny nampagnantignen' Andriamanitra. Fa tsy izegny raha avy amin'ny Israely no tegna Israely. ⁷Na ny taranak'i Abrahama no tegna zanagny. Fa: "Amin'ny alalan'i Isaka no hagnantsôvana anjareo taranakanô." ⁸Izany hoe, ny zanaky ny nofo de tsy zanak'Andriamanitra. Fa ny zanaky ny fampagnantegnana no raisina ho taranaka. Fa karan'izô no fampagnantegnana: "Amin'izany fotoana izany de ho avy Zaho, ary hamiana zaza lilahy i Saraha." ¹⁰Tsy izany my, fa avekio koa Rebeka de hanagna zaza lilahy reka, Isaka abantsena. ¹¹Fa mbola tsy teraka aby ny zaza ary mbola tsy nagnano raha tsara na ratsy, mba ho tanteraka ny fagniriana Andriamanitra araka ny fisafidianana, tsy noho ny asa, fa noho Izy izegny nagnantso. ¹²nizakena tamin-draviavy hoe: "Ny zokiny de hanompo ny zandriny." ¹³Izany de kara ny vôsoratra hoe: "Jakoba tiako fa Esao halako." ¹⁴Ino andrika no ho zakentsena? Misy tsy fahamarinana va miaraka amin'Andriamanitra? ¹⁵Tsy hisy tokoatra anie izany. Fa hoy Izy tamin' i Mosesy hoe: "Hamindra fo amin' izegny tiako hamindrana fo Zaho, ary hangoraka amin'izegny tiako hangorahana Zaho." ¹⁶Noho izany andrika, de tsy noho izy magniry an'izany, na noho izy izegny mihakazaka, fa noho Andriamanitra, izegny nampiseho ny famindrampo. ¹⁷Fa ny Soratra Masina nagnambara tamin'i Farao hoe: "Fa noho izany antony izany no nagnandratako anô, mba hagnatoroako aminô ny heriko, ary mba hagnambara ny Agnarako magneran-tany." ¹⁸Noho izany, Andriamanitra de mamindra fo amin'izegny tiany, ary izegny tiany, no ho hampamazagniny fo. ¹⁹Avekio de hizaka aminay andreo hoe: "Nahoana no mbola mahita signy fogna Izy ?" Fa zovy no mahatohitra ny sitrapony? ²⁰Mifanohitra amin'izany, ralilahy, zovy ma anô no mamaly manohitra an'Andriamanitra? Ma izegny efa nivolevoleny hizaka amin'ny mpamolavola izany hoe: "Nahoana no natônô kara izô zaho?" ²¹Ma ny mpanefy vilagny tsy managna zo amin'ny tanimanga ka ny dabolagny reka my no hagnamboarana fitoerana amin'ny andro votokana, ary fitoerana reka hafa amin'ny andavan'andro? ²²Ahoana raha Andriamanitra, izegny te-hanoro ny fahavignirany sy hampahafantatra ny fahefany, no nivandry tamim-pahandiasana ny fitoeran'ny fahavignirana nomagnina ho amin'ny faharavana? ²³Ahoana raha naniny izany mba hampahafantarany ny fanagnan'ny voninahiny akeo amin'ny fitoeran'ny famindaram-po, izegny efa nomagniny meloha ho amin'ny voninahitra? ²⁴Ahoana raha atôny ho antsena koà izany, izegny nantsovany my koà, tsy ho akeo amin'ny samy Jiosy my, fa ho akeo amin'ny Jentlissa my koà? ²⁵Araka izegny nizakeny takô amin'i Hosea my koà hoe: "Hantsovako hoe oloko izegny tsy oloko, ary hoe malalany izegny tsy malala." ²⁶Avy akeo de akagny amin'izegny nizakàna taminanjy hoe: "Tsy oloko andreo," akagny no hagnantsovana anjareo hoe: "Zanak'Andriamanitra velona." ²⁷Isaia nagnantso mafy ny amin'ny Israely hoe: "Raha kara ny fasina akeny amin'ny ranomasina ny isan'ny zanak'Israely, de ho vôaavotra ny sisa ambiny, ²⁸fa ny Tompo hitondra ny teniny aketo an-tany, feno ary tsy ho ela." ²⁹Araka ny nizaken'Isaia meloha hoe: "Raha ny Tompon'ny maro no tsy namela taranaka ho antsena, de ho kara an'i Sodoma antsena, ary hanjary ho kara an'i Gomora." ³⁰Ino andrika no ho zakentsena? Fa ny Jentilisa, izegny tsy niaragna ny fahamarinana, no nahazo ny fahamarinana, izegny fahamarinana avy amin'ny finoana. ³¹Fa Israely, izegny niaragna ny lalàn'ny fahamarinana, de tsy tonga tamin'izany. ³²Nahoana ma? Satria zareo tsy niaragna izany tamin'ny finoana, fa tamin'ny asa. Tafitohin'ny vaton'ny fahatafintohinana zareo, ³³araka izegny efa vosoratra hoe: "Antegno, akô Ziona no ametrahako ny vaton'ny fahatafintohinana sy ny vatolampin'ny fandikan-dalàna. Izegny mino izany de tsy ho megnatra."

Chapter 10

¹Ry rahalahy, ny fagniriana ny foko sy angatahiko amin'Andriamanitra ho anjareo, de ny fagnavotana anjareo. ²Fa mijoro vavolombelona momba anjareo zaho fa mafana fo amin'Andriamanitra zareo, nefa tsy araka ny fahalalana. ³Fa tsy mahafantatra ny fahamarinan'Andriamanitra iregny, ary mikendry hametraka ny fahamarinanjareo manokana. Tsy magneky ny fahamarinan'Andriamanitra zareo iregny. ⁴Fa Kristy no fahantanterahan'ny lalàna ho fahamarinana ho an'izegny mino jiaby. ⁵Fa Mosesy manoratra momba ny fahamarinana izegny avy amin'ny lalàna hoe: "Ny olona izegny magnano ny fahamarinan'ny lalàna de hieгна amin'izany fahamarinana izany." ⁶Fa ny fahamarinana izegny avy amin'ny finoana de magnano hoe: "Aza magnano zaka am-po hoe: 'zovy no hiakatra agny an-dagnitra?' (izany de, mampidina an'i Kristy); ⁷ary aza mizaka hoe: 'zovy no handrorogna akagny amin'ny laligna?'" (izany de, mampiakatra an'i Kristy amin'ny maty). ⁸Fa ino no zaken'izany? "Akeo amarivô ny teny, akô am-bavanô ary am-ponô." Izany no tenin'ny finoana, izegny ambaranè. ⁹Fa raha amin'ny vavanô no agnekenô an'i Jesosy ho Tompo, ary mino amin'ny fonao fa natsangan'Andriamanitra tamin' ny maty Izy, de ho avotana anô. ¹⁰Fa amin'ny fo no inoan'ny olona ny fahamarinana, ary amin'ny vava no angekiany ny fagnavotana. ¹¹Fa hoy ny Soratra Masina hoe: "Tsy ho megantra izegny mino Ananjy jiaby." ¹²Fa tsy misy fahasamihafana akeo amin'ny Jiosy sy ny Grika. Fa Tompo reka my no tomponjareo jiaby, ary fanagnam-pahasoavana ho an'izegny magnantso Ananjy jiaby Izy. ¹³Fa izegny magnantso amin'ny agnaran'ny Tompo jiaby no ho vonjena. ¹⁴Ahoana andrika no hahafahanjareo magnantso Ananjy izegny tsy nianoany? Ahoana no hahafahanjareo mino Ananjy izegny tsy mpitory? ¹⁵Ary ahoana no hahafahanjareo mitory, raha tsy misy nagniraka? _Araka ny vôsoratra hoe: "Koeny megny ny hatsaran'ny tongotranjareo magnambara ny raha tsaran'ny filazantsara!" ¹⁶Kanefa tsy izy no niteny ny filazantsara. Fa hoy Isaia hoe: "Tampo, zovy no nino ny hafatranè? ¹⁷Noho izany ny finoana de avy amin'ny fitenoana avy amin'ny tenin'ny Kristy. ¹⁸Fa hoy zaho hoe: "Ma va tsy nisy naregny zareo? Eka, marina tokoatra zany. "Ny feonjareo de efa nivoaka magneran-tany, ary ny teninjareo jisika amin'ny faran'izô tontolo izô." ¹⁹Ankoatra izany, hoy zaho hoe: "Ma va tsy nahafantatra ny Israely? Tamin'ny vôlohagny Mosesy nizaka hoe: "Ho atôko saro-piaro amin'izegny tsy firenena tsino andreo. Amin'ny firenena izegny tsy misy raha fantatra, ho atôko tonga amin'ny fahavignirana andreo." ²⁰Ary nasahy tokoatra i Isaia raha nizaka hoe: "Hitanjareo izegny tsy niaragna anay zaho." ²¹Fa hoy izy tamin'Israely hoe: "Tontolo andro no nagnin-jirako ny tagnako tamin'ny olona tsy magneky sy maditra."

Chapter 11

¹Ary nizaka zaho, narian'Andriamanitra va ny olony? Sagnatria anie zany. Fa zaho my koà de Israelita, taranak'i Abrahama, avy amin'ny fokon'i Benjamina. ²Andriamanitra de tsy nagnary ny olony, izegny efa fantany takeo aloha. Tsy fantandreo ma ny vôzakan'ny Soratra Masina momba an'i Elia, de ny fitaregnany tamin'Andriamanitra namango an'Israely? hoe: ³Tompo, zareo de namono ny mpaminagninô, namotika ny alitaranô. Zaho reka sisa tavela, ary magniry hangala ny egnako zareo. ⁴Fa ino no valin-teny nizaken'Andriamanitra ananjy? "Nanokana fito arivo lahy ho an'ny tegnako Zaho izegny tsy nandongalitra takeo amin'ny Bala." ⁵De kara izany, amin'izô fotoana izô my koà de misy sisa tavela my koa nohon'ny fisafidianana ny fahasoavana. ⁶Fa raha avy amin'ny fahasoavana izany, de tsy avy amin'ny asa koza. Fa raha tsy izany de tsy ho fahasoavana koza ny fahasoavana. ([Fagnamarihana: Ny fandikan-teny taloha de magnano hoe: "Kandrefa raha avy amin'ny asa izany, de tsy fahasoavana koza; fa raha izany de tsy asa koza ny asa."]) ⁷Ino andrika? Ny raha izegny naragnin'Israely, ka tsy azony, fa ny vôfidy no nahazo an'izany, ary namafisina ny ambiny. ⁸Izany de araka ny efa vôsoratra hoe: "Andriamanitra de magnomia anjareo ny fagnahin'ny fitabakambakàna, ho an'ny maso mba tsy hahafahanjareo mahita, ary ho an'ny tadigny mba tsy hahafahanjareo maregny, jisika mason'andro niany." ⁹Ary hoy Davida hoe: "Oka ny latabatrnanjy ho harato sy fandrika, ho vato manafintohina sy valifaty ho anjareo. ¹⁰Oka ny masonjareo hamezignina mba tsy hahita, ary ôka hivokoka mandrakizegny ny tambokokanjareo." ¹¹De hoy zaho hoe: "Ma va vôsitohina zareo mba ho lavo?" Sagnatria anie izany. Fa koza, avy amin'ny fahalavoanjareo, no nahatongavan'ny famonjena takeo amin'ny Jentilisa, mba hampialogna anjareo. ¹²Ary raha ny fahavalonjareo no fanagnan'izô tontolo izô, ary raha ny fahaverezanjareo no fanagnan'ny Jentilisa, de ho karakory ny hagnoasan'ny fahatanterahanjareo? ¹³Fa amin'izô de mikorana amindreo Jentilisa zaho, ary mbola apostolinjareo Jentilisa zaho, de mankasitraka ny fanompoako. ¹⁴Avasa hampialogna izegny avy amin'ny nofoko manokana zaho. Avasa hagnavotra ny ansanagny aminjareo antsena. ¹⁵Fa raha midika fampihavanana an'izô tonotolo izô ny fandavana anjareo, de kara ino no hieveranjareo fa ny fiegnana de avy amin'ny fahafatesana? ¹⁶Raha vôtokana ny vokatra vôlohagny, de ansanagny amin'ny kobam-bary koà. Raha vôtokana ny vahany, de kara izany my koà ny tagnantagnany. ¹⁷Fa ndreka nitapahina ny tagnantagnany sasagny, ary raha anô, tagnantagnana oliva-dy, no natambatra takeo aminjareo, ary raha nifampizara taminjareo ny vahatra magnatô isy ny kakazo oliva anô, ¹⁸de aza mieboebo amin'ny tagnantagnana. Fa raha mieboebo anô, de tsy anô no mitondra ny vahany, fa ny vahany no mitondra anô. ¹⁹De hizaka anô hoe: "Nitapahina hiala ny tagnantagnany mba hahafahako mifandre aminanjy." ²⁰Marina izany. Noho'ny tsy finoanjareo de nitapahina hiala zareo, fa andreo de mijoro tsara noho'ny finoandreo. Aza magnano ny tegnandreo ho ambony, fa matahora. ²¹Fa raha ny tegna tagnantagnana aza tsy navelan'Andriamanitra, de tsy ho avelany my koà anô. ²²Ary, zahano, ny fahamoram-po sy ny fahasarotam-pon'Andriamanitra. Aketsy andagniny, ny fahasarotam-po de tonga amin'ny Jiosy izegny lavo. Fa aketsy ankilany koza, ny hatsaram-pagnahin'Andriamanitra de tonga amindreo, raha mahavandry akô amin'ny hatsaram-pagnahy andreo. Fa raha tsy izany de ho tapahina koà andreo. ²³Ary na iregny aza, raha tsy manohy amin'ny finoany zareo, de hatambatra. Fa Andriamanitra de afaka mangerigna anjareo ndreka. ²⁴Fa raha nitapahina tamin'ny kakazo oliva-dy andreo, ka natambatra tamin'ny kakazo oliva tsara, de kara ino ny fihoaran'ny hamaroan'ny Jiosy, izegny tagnantagnana vôzagnahary, natambatra tamin'ny kakazo olivanjareo manokana? ²⁵Fa tsy tiako hahafantatra andreo, ry rahalahy, ny momba an'izany zava-miafina izany, mba tsy haha-kanty andreo amin'ny eritreritrando manokana. Izany zava-miafina izany de efa nampazan-doha ny sasagny amin'ny Israely, mandra-pahatongan'ny fahafenoan'ny Jentilisa. ²⁶Noho izany de ho avotana aby daholo ny Israely jiaby, araka ny vôsoratra hoe: "Hivoaka avy akangny Ziona ny mpagnafaka. Hangala ny haratsiam-pagnahy amin'i Jakoba Izy, ²⁷ary izany no ho fagenekem-pihavanana aminjareo, ndreka hangala ny fahotanjareo Zaho." ²⁸Amin'ny lafiny reka mahakasika ny filazantsara, de fahavalo zareo noho'ny amindreo. Amin'ny lafiny reka hafa araka ny safidin'Andriamanitra, de namana zareo noho ny razagna. ²⁹Fa izegny fagnomezana sy antson'Andriamanitra de tsy miova. ³⁰Fa andreo taloha de tsy nagneky an'Andriamanitra, kandrefa amin'izô fotoana izô de nandre ny famindram-po nohon'ny tsy fangnekianjareo. ³¹Kara izany my koà, amin'izô fotoana zareo Jiosy de tsy nagnaja. Ny vokany de tamin'ny alalan'ny famindram-po izegny natoro andreo no mety handresanjareo jiaby, mba hahafahany magntoro famindram-po my koa ami'izô fotoana izô. ³²Fa Andriamanitra efa nampangina ny tsy fagnajana jiaby, mba hahafany magnatoro famindram-po amin'ny olona jiaby. ³³Koeny megny, ny hamaroan'ny fanagnan'Andriamanitra fahakantiana sy fahalalana! Tsy takatry ny segna ny fitsarany, ary ny lalàn de hay refesina! ³⁴Fa zovy no mahafantatra ny fiheveran'ny Tompo na zovy no tonga mba hagnatoro hevitra Ananjy? ³⁵Na zovy mnagnomia raha an'Andriamanitra meloha, ka tsy mentsy hagnefan'Andriamanitra an'izany ndreka?"

³⁶Fa avy Aminanjy sy amin'ny alalany ary ho Ananjy ny raha jiaby. Ho Ananjy mandrakizegny ny voninahitra. Amena.

Chapter 12

¹Mangataka andreo zaho noho izany, ry rahalahy, noho ny famindrampon'Andriamanitra, mba hagnomia ny vatagnandreo ho sorogna velona, masina, eken'Andriamanitra. Izany no fanompoandreo araka ny tokony ho izy.

²Aza mitovy amin'izô tontolo izô, fa miova amin'ny fagnavôzana ny segnandreo. Atovy izô mba ho fantandreo izegny tsara, azo ekena, ary ny sitrapo tian'Andriamanitra.³Fa zakeko, nohon'ny fahasoavana izegny namiany anay, no tsy tokony hanagnan'ny jiaby izegny akeo amindreo eritreritra hagnambony ny tegnany mihoatra izegny tokony ho eritreretiny. Fa koza, tokony hieritreritra am-pahankatiana zareo, kara ny nagnomiazan'Andriamanitra be finoana ny tsirekireka aby.⁴Fa managna rantsagna maro amim-batagna atsena, kandrefa tsy mitovy aby ny asan'io rantsagna io. ⁵Mitovy amin'izany my koà, antsena maro be tognana de vatagna reka my akô amin'i Kristy, ary rantsagna manokana amin'ny tsirekireka.⁶Managna fagnomezam-pahasoavana samby hafa antsena araka ny fahasoavana izegny namiana antsena. Raha faminagniana no fagnomezam-pahasoavan'ny reka, de ôka atô araka ny fahalebiazan'ny finoany. ⁷Raha fanompoana no fagnomezam-pahasoavan'ny reka, de ôka izy hanompo. Raha nisy reka nahazo fagnomezam-pahasoavana hampianatra, ôka izy hampianatra. ⁸Raha fampaherezana no fagnomezam-pahasoavan'ny reka de ôka izy hampahery. Raha hagnomia no fagnomezam-pahasoavan'ny reka, de ôka izy hagnano izany tsy amim-pahidiana. Raha hitarika no fagnomezam-pahasoavan'ny reka, de ôka izany ho atô amim-pitandremana. Raha handefitra no fagnomezam-pahasoavan'ny reka, ôka izany ho ato am-pifaliana.

⁹Oka ny fitiavana tsy hisy fetsaram-belatsihy. Ankahaleo ny ratsy; tano mafy izegny tsara. ¹⁰Raha ny momba ny fifankatiavan'ny mpirahalaky, mifankatiava amindreo samby andreo tsirekireka aby. Raha ny momba ny fagnomezam-pahasoavam-boninahitra, mifagnajà. ¹¹Raha ny momba ny fiezahana, aza misalasala. Raha ny momba ny Fagnahy, ôka hafana fo. Momba ny Tompo, manompoà Ananjy. ¹²Mifalia amin'ny fahatokisana an'izegny hanagnanô momba ny raha ho avy. Mahavandrià amin'ny olagna anagnanô. Mivavaha aza megnina.

¹³Mifampizarà amin'izegny ilain'ny mpino. Miaragna fomba maro hampidiranô olona an-dragno. ¹⁴Misaora an'izegny magnenjika anô; misaora ary aza magnozogna. ¹⁵Meraha-faly amin'izegny faly; meraha-mitomagny amin'izegny mitomagny. ¹⁶Mitoviza fisegnana amin'ny tsirekireka. Aza misegna amin'ny fomba mieboebo, fa ekeo ny olona magnambany. Aza magnano ny tegnanô ho kanty. ¹⁷Aza mamaly ratsy ny ratsy. Magnanova raha tsara maro akeo amason'ny olona jiaby. ¹⁸Raha mety, araka izegny azonô atô mihavana amin'ny olona jiaby. ¹⁹Aza mamaly ratsy ny tegnanô ry malala, fa amiao ho akeo amin'ny fahavigniran'Andriamanitra izany. Fa efa vôsoratra hoe: "Anahy ny valifaty; Zaho no hamaly," hoy ny Tompo." ²⁰Fa raha vosilôna ny fahavalonô, amiao rahanina izy. Raha mangetaheta izy, amiao mba ho sotroina izy. Fa raha magnano izany anô, de hagnangona venkafo akeo amin'ny lohany anô." ²¹Aza magneky ny ho resin'ny ratsy, fa reseo amin'ny tsara ny ratsy.

Chapter 13

¹Oka ny fagnahy jiaby hagnaja ny manam-pahefana ambony, fa tsy misy fahefana raha tsy avy amin'Andriamanitra. Ary ny manam-pahefana misy de efa votondron'Andriamanitra. ²Noho izany, izegny manohitra izany fahefana izany de manohitra ny didin'Andriamanitra; ary zareo izegny manohitra izany de hahazo fitsarana amin'ny teganjareo. ³Satria zareo mpanapaka de tsy fampitahorana ho an'ny asa tsara, fa ho an'ny asa ratsy. Magniry ny tsy hatahotra ny reka akô amin'ny fahefana ma andreo? Magnanova ny tsara , de ho deraina amin'izany anô. ⁴Fa Izy de mpanompon'Andriamanitra ho andreo amin'ny tsara. Fa raha magnano ratsy andreo, de matahora, satria tsy mitondra ny sabatra tsy amin'antony izy. Fa izy de mpanompon'Andriamanitra, mpamaly ny fahavignirana amin'lay magnano ratsy. ⁵Noho izany de tokony hagnaja andreo , tsy nohon'ny fahavognirana my, fa nohon'ny fieritreretana my koà. ⁶Noho izany de magnefa hetra my koà andreo. Fa mpanompon'Andriamanitra zareo manam-pahefana, izegny miendrekitra izany raha izany tsisy felignesana. ⁷Ifay amin'ny tsirekireka izegny tokony ho anjareo: magnefa hetra amin'izegny tokony hagnefana izany; Magnefa fadin-tsiragna amin'izegny tokony hagnefana izany; matahora an'izegny tokony hatahorana; magnaja an'izegny megneva an'izany. ⁸Aza managna trosa na amin-jovy na zovy, afa-tsy ny fifankatiavana my. Fa izegny tia ny magnodidigna ananjy de nahatanteraka ny lalàna: ⁹Maro ny didy: "Aza mangala-badin'olona, aza mamono olona, aza mangalatra, aza mitsiriritra," ary raha misy didy hafa ankoatra an'ireo koà, de vofehy amin'ity fehezanteny ity izany: "Tiava ny namanao kara ny teganano." ¹⁰Ny fitiavana de tsy mandratra ny magnodidigna; noho izany, ny fitiavana no fahatanterahan'ny lalàna. ¹¹Noho izany, fantandreo ny otoana, fa efa fotoana hifohazandreo amin'ny torimasao saady izô. Fa amin'izô de efa magnakeky noho izegny ninoantsena tamin'ny vôlôhagny ny fagnavotana antsena. ¹²Dila ny alina, ary marivo ho kiaka ny andro. Noho izany de andô hariana ny asan'ny mizigna, ary andô antsena hirakotra ny fiadian'ny fahazavana. ¹³Andô hagnaraka ny lalana mahitsy, kara ny amin'ny andro mazava, fa tsy kara ny amin'ny firavoravoana tsy amim-pahamendrehana na koa ny fahamamoana; ary andô tsy handeha amin'ny fahavetavetana na amin'ny filàna tsy vofehy, ary tsy ho amin'ny fifanoherana na ny fialognana. ¹⁴Fa mirakofa an'i Jesosy Kristy Tompo, ary aza magnomia hirika ho an'ny nofo, mba hagnomiazana fahafaham-po ny raha aragniny.

Chapter 14

¹Reso, ry izegny malemy finoana jiaby, aza mitsara momba ny tohan-kevitra. ²Ny olona reka de managna finoana hihinana na ino na ino, fa ny reka hafa izegny malemy de tsy mihinana afa-tsy legioma. ³Oka izegny mihinana ny raha jiaby tsy hagnamavo izegny tsy mihinana ny raha jiaby; ary izegny tsy mihinana ny raha jiaby koza de tsy hitsara izegny hafa mihinana ny raha jiaby. Fa Andriamanitra efa nagneky ananjy. ⁴Zovy ma anô, anô izegny mitsara ny mpanompon'olon-kafa? Akeo agnatrehan'ny tompony izy no lavo. Fa hatsangana izy, satria ny Tompo de afaka manangana ananjy. ⁵Ny olona reka de mihevitra ny andro reka ho tsara noho ny hafa. Ny hafa kosa de mihevitra fa mitovy ny andro jiaby. Avilè ny tsirekireka ho resy lahatra araka ny segnany aby. ⁶Izegny mandinika ny andro, de mandinika an'izany ho an'ny Tompo; ary izegny mihinana, de mihinana ho an'ny Tompo, fa misaotra an'Andriamanitra izy. Izegny tsy mihinana, de mifady hanina ho an'ny Tompo, izy my koà de misaotra an'Andriamanitra. ⁷Fa tsy misy miegna ho an'ny tegnany, ary tsy misy maty ho an'ny tegnany. ⁸Fa raha miegna antsena, de miegana ho an'ny Tompo, ary raha maty antsena, de maty ho an'ny Tompo. Araka izany, na velona antsena na maty, de an'ny Tompo. ⁹Fa ho amin'izany antony izany no nahafatesan'i Kristy ary nahavelomany ndreka, mba hahtonga Ananjy ho sady Tompon'ny maty no sady tompon'ny velona. ¹⁰Fa anô, nahoana anô no mitsara ny rahalahinô? Ary anô, nahoana anô no mankahala ny rahalahinô? Fa antsena de mbola hijoro ho tsarena akeo agnatrehan'ny seza fitsaran'Andriamanitra. ¹¹Fa efa vôsoratra hoe: "Raha mbola velona koà Zaho," hoy ny Tompo," dia hiforitra akeo agnatrehako ny lohalitra jiaby, ary ny lela jiaby de hidera an'Andriamanitra, ¹²Noho izany andrika, antsena tsirekireka aby de hagnano tatitra ny tegnany akeo amin'Andriamanitra. ¹³Ka, ôka antsena tsy hifampitsara koza, fa koza handidy izô, mba tsy hisy hametraka vato manafintohina na fandriaka ho an'ny rahalahiny. ¹⁴Mahafantatra zaho ary resy lahatra akô amin'ny Tompo Jesosy, fa tsy misy madio amin'ny tegnany. Fa ho an'izany mandre na ino na ino ho tsy madio, de tsy madio izany ho nanjy. ¹⁵Satria raha malahelo noho'ny amin'ny rahanina ny rahalahinô, de tsy mandeha am-pitiavana koza anô. Aza ratena nohon'ny amin'ny rahaninandro izegny namoizan'ny Kristy ny egnany. ¹⁶Ka aza mamela izegny heverindreo ho tsara ho aratsiana. ¹⁷Fa ny fanjakan'Andriamanitra de tsy momba rano fisotro, fa momba ny fahamarinana, fiadanana, ary fifaliana akô amin'ny Fagnahy Masina. ¹⁸Fa izegny manompo an'i Kristy araka izany de ankasitrahin'Andriamanitra sy eken'ny olona. ¹⁹Noho izany, ôka samby hanohy ny raha momba ny fihavanana sy ny raha izegny manefy ny tsirekireka aby. ²⁰Aza ratena nohon'ny amin'ny rahanina ny asan'Andriamanitra. Madio tokoatra ny raha jiaby, fa ratsy ho an'ny olona izegny mihinana ananjy ary mahatonga ananjy ho tafintohina. ²¹Tsara ny tsy oman-kena, na misotra divay, na ny raha jiaby izegny mety hanafintohina ny rahalahinao. ²²Ny fianoana anagnanô, tano akô aminô sy Andriamanitra. Sambatra izegny tsy magnameloka ny tegnany amin'izegny ekeny. ²³Izegny misalasala de meloka lakoamihinana, satria tsy tamin'ny finoana izany. Ary na ino na ino tsy avy amin'ny finoana de fahotana.

Chapter 15

¹Ary antsena izegny matanjaka de tokony handefitra amin'ny fahosan'ny malemy, ary tsy tokony hagnano izegny masasara ny tagnantsena. ²Oka ny tsirekireka avy amintsena hagnano izegny mahafaly ny mpiara-belona aminanjy fa izany no tsara, mba hagnandratana ananjy. ³Fa na i Kristy aza tsy nagnano izegny natsatsara ny tagnany. Fa koza, izany de araka ny efa vôsoratra hoe: "Ny fagnanovana tsisy dikany an'izegny magnano tsisy dikany anô de efa nivarigna taminay." ⁴Fa na ino na ino vôsoratra takeo aloha de vôsoratra ho fampianarana antsena, mba amin'ny alalan'ny fampaherezan'ny Soratra Masina no hanagnantsena toky. ⁵Ary ny Andriamanitry ny fahavandriana sy ny fampaherezana anie hagnomia fisegnana mitovy ho an'ny tsirekireka aby araka an'i Kristy Jesosy. ⁶Izy anie hagnano izany mba ho amin'ny fisegnana reka sy amin'ny vava reka my no hiderandreo an'Andriamanitra sy Aban'i Jesosy Kristy Tompontosena. ⁷Noho izany de mifandresa, kara ny nadresan'i Jesosy Kristy andreo my koa, ho fiderana an'Andriamanitra. ⁸Fa zakeko fa i Jesosy Kristy de efa tonga mpanompon'ny vôfora ho an'ny fahamarinan'Andriamanitra, mba hahafahana magnamarina ny fampagnantegnana izegny namiana anjareo, ⁹ary ho anjareo Jentilisa mba hagnomiazam-boninahitra an'Andriamanitra nohon'ny famindram-pony. Izany de araka ny efa vosoratra hoe: "Noho izany de hagnomia fiderana Anô akeo aminjareo Jentilisa zaho ary hihira fiderana ny agnaranô." ¹⁰Mbola vôzaka fogna fa: "Miravoravao miaraka amin'ny vahoakany, ry Jentilisa." ¹¹Ary koà hoe: "Derao ny Tompo, ry Jentilisa jiaby; avilè ny olona jiaby hidera Ananjy." ¹²Hoy ndreka Isaia hoe: "Hisy vahany i Jese, de lay reka izegny hitsangana handidy akeo amin'ny Jentilisa. Hanagna fahatokisana Aminanjy zareo Jentilisa." ¹³Ary ny Andriamanitry ny fahatokisana anie hameno andreo amin'ny alalan'ny fifaliana sy ny fedanana jiaby amin'ny finoana, mba ho feno fahatokisana andreo, avy amin'ny herin'ny Fagnahy Masina. ¹⁴Ny tagnako izô my koà de resy lahatra amin'ny momba andreo, ry rahalahy. Resy lahatra zaho fa andreo my koà de feno fahatsarana, feno ny fahalalana jiaby. Resy lahatra zaho fa andreo my koà de afaka mifagnanatra. ¹⁵Fa manoratra am-pahasahiana amindreo zaho momba ny raha sanagny mba hampatsiarovana andreo ndreka noho'ny fagnomezam-pahasoavana izegny namian'Andriamanitra anay. ¹⁶Izany fagnomezam-pahasoavana izany de tokony mba hanompoako an'i Kristy Jesosy nalefa takagny amin'ny Jentilisa, mba hagnomiazana kara ny sorogna ny filazantsaran'Andriamanitra. Tokony hatoko izany mba ho azo ekena ny fagnatitranjareo Jentilisa, voatokan'ny Fagnahy Masina. ¹⁷Noho izany, ny hafaliako de akô amin'i Kristy Jesosy sy ny momba an'Andriamanitra. ¹⁸Fa tsy hasahy hikorana na ino na ino ankoatra ny raha vitan'i Kristy tamin'ny alalako ho an'ny fankatoavanjareo Jentilisa zaho. Io raha io de vita tamin'ny teny sy ny asa, ¹⁹tamin'ny herin'ny Fagnahy Masina. Izany de mba avy akagny Jerosalema, sy lavidavitra kara an'Ilyrikioma, no hahafahako magnatanteraka ny filazantsaran'i Kristy. ²⁰Amin'izany, ny fagniriako de ny hitory ny filazantsara, fa tsy amin'izegny hahafantarana an'i Kristy amin'ny agnarana, mba tsy hagnamboarako akeo amin'izegny efa nagnamboaran'ny hafa. ²¹Izany de araka ny vôsoratra hoe: "Tamin'izegny tsy nizaka ny momba Ananjy no hahita Ananjy, ary izegny tsy naregny no hahazo." ²²Noho izany my koà de vôsakana matetika tsy ho akagny amindreo zaho. ²³Fa amin'izô, tsy managna pilasy amin'io faritra io koza zaho, ary taona maro no efa nangiriako mafy ho akagny amindreo. ²⁴Noho izany na viana na viana andehanako akagny Espana, de magnantena zaho ny hahita andreo ndreka koà mandalo, ary aterindreo akagny amin'izegny ingako, ndreka avy mankafy ny ferahandreo bitibitika zaho. ²⁵Fa amin'izô de inga akagny Jerosalema zaho hanompo andreo mpino. ²⁶Fa fifalian'i Makedonia sy Akaia ny hagnano fandresan'anjara ho anjareo mahantra isan'ny mpino izegny akagny Jerosalema. ²⁷Eka, fifaliana ho anjareo izany, ary mpitrosa aminajy tokoatra zareo. Fa raha ny Jentilisa no nizara tamin'ny raha masinanjareo, de tokony hanompo anjareo my koà zareo amin'ny raha ara-materialy. ²⁸Noho izany, ndreka nitanterahiko izô asa izô ary nagnamafy fa vorenjareo ny vokatra izegny nangonina, de ho akagny Espana zaho ary hitsidika andreo amin'ny lalako. ²⁹Fantako fa ndreka minga amindreo zaho de hiditra amin'ny fahafenoan'i Kristy. ³⁰Amin'izô de mandrisika andreo zaho, ry rahalahy, amin'ny Jesosy Kristy Tompontosena, sy amin'ny fitiavan'ny Fagnahy, mba hiaraka hiady aminay andreo amin'ny vavaka antôndreo amin'Andriamanitra ho anay. ³¹Mivavaha mba ho avotra amin'izegny tsy magnaja akagny Jodia zaho, ary mba ho eken' izegny mpino ny fanompoako ho an'i Jerosalema. ³²Mivavaha mba hitongavako amindreo amin-kafaliana amin'ny sitrapin'Andriamanitra, ary mba hahafahako, mahita felignesana, miaraka amindreo. ³³Ny Andriamanitry ny fedanana anie homba andreo jiaby. Amena.

Chapter 16

¹Ankigniko amindreo i Foiby anakavintsena, izegny mpanompon'ny fengonana akagny Kenkrea, ²mba handresandreo ananjy akô amin'ny Tompo. Atôvy izegny fomba mety amin'ny mpino, ary magnatreha ananjy amin'izegny olagna mety hilàny ny fagnampiangandreo. Fa izy tagnany my koà de mpagnampy ny maro, sy ny tagnako koà. ³Magnanova veloma an'i Prisila sy Akoila, mpiara-miasa aminay akô amin'i Kristy Jesosy, ⁴izegny nahafoy ny egnanjareo ho an'ny egnako. Misaotra anjareo zaho, ary tsy zaho my, fa ny fiangona jiafin'ny Jentilisa my koà. ⁵Magnanova veloma ny fengonana izegny akô amin'ny tragnonjareo. Magnanova veloma akagny amin'i Epaineto malalako, izegny vôlognam-bokatr'i Asia ho an'i Kristy. ⁶Magnanova veloma an'i Maria, izegny niasa mafy ho andreo. ⁷Magnanova veloma an'i Androniko sy Jonia havako akeky, sady niara-nigadra taminay. Malaza akeo agnivoron'ny apostoly zareo, izegny takô amin'ny Kristy talohako my koà. ⁸Magnanova veloma an'i Ampliato, malalako akô amin'i Tompo. ⁹Magnanova veloma an'i Orbano, mpiara-miasa amintsena akô amin'i Kristy, sy Staky, malalako. ¹⁰Arabeo i Apela, lay ankasitrahina akô amin'i Kristy. Arabeo zareo izegny akô an-tokantragnon'i Aristobolo. ¹¹Magnanova veloma an'i Herodiona, havako. Magnanova veloma an'izegny akô an-tokantragnon'i Narkisa, izegny akô amin'i Tompo. ¹²Magnanova veloma an'i Tryfena sy Tryfosa, izegny miasa mafy akô amin'i Tompo. Arabeo i Perysa malala, izegny niasa mafy takô amin'ny Tompo. ¹³Magnanova veloma an'i Rofosy, izegny vofidy tako amin'i Tompo, ary ny reniny sy ny reniko. ¹⁴Magnanova veloma an'i Asynkrito, Flegona, Hermesy, Patroba, Herma, ary zareo rahalahy izegny miaraka aminjareo. ¹⁵Magnanova veloma an'i Filologia sy Jolia, Nerea sy ny anakaviny, sy Olimpa, ary zareo mpino jiaby miaraka aminajreo. ¹⁶Mifagnanova veloma amin'ny fifagnoroana masina. Ny fengonana Jesosy Kristy jiaby de magnano veloma andreo. ¹⁷Amizô de mamporisika andreo zaho, ry rahalahy, mba hihevitra ny momba anjareo izegny mahatonga ny fizarazarana sy ny fanafintohinana. Zareo de mihoatra lavitra ny fampianarana izegny niresindreo. Mialà lavitra anjareo. ¹⁸Fa tsy mpanompon'i Kristy Tompontosena ny olona kara an'iregny, fa ny kibony manokana my. Amin'ny zaka malemy sy midera no hamitahanjareo ny fon'ny tsy manan-tsigny. ¹⁹Fa ny fagnoarandreo amin'ny fankantoavana de tafita akagny amin'ny tsirekareka. Noho izany, faly zaho, ny amin'ny momba andreo, fa mbola tiako ho kanty amin'izegny tsara andreo, ary tsy hanan-tsigny amin'izegny ratsy. ²⁰Ny Andriamanitry ny fiadanana anie hagnapotipotika an'i Satana akeo am-paladiandreo afaka fotona tsy ho ela. Ho amindreo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontosena. ²¹Timoty, mpiara-miasa aminay, de magnano veloma andreo, sy Losio, Jazona ary Sosipatro, havako. ²²Zaho, Tertio, izegny nanoratra ity epitily ity, de magnano veloma andreo akô amin'ny Tompo. ²³Gaio, lay nampentragno anay sy ny fengonana jiaby, de magnano veloma andreo. Erasto, mpitam-bola akô amin'ny tanàna, de magnano veloma andreo, miaraka amin'i rahalahy Koarto. ²⁴[Fagnamarihana: Ny fandikana taloha tegna tsara de mangala ity andininy ity. (Zaano ny Romana 16: 20). "Ho amindreo jiaby anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontosena. Amena."] ²⁵Ary ny voninahitra de ho Ananjy izegny mahavita manangana andreo araka ny filazantsarako sy ny fitoriana an'i Jesosy Kristy, araka ny fagnambarana ny raha mivony izegny nitanana ho tsiambaratelo taloha elabe takagny, ²⁶kanefa nizakena amin'izô fotoana, ary tamin'ny alalan'ny bokin'ny faminagniana no nampahafantarana tamin'ny firenena jiaby, araka ny didin'Andriamanitra mandrakizegny, ho fankatoavana ny finoana. ²⁷Ho an'lay Andriamanitra tokan'ny ny fahakantiana anie ny voninahitra mandrakizegny, amin'ny alalan'ny Jesosy Kristy. Amena.

Galatians

Chapter 1

¹Paoly, apostoly _ tsy avy amin'ny olona na tamin'ny olona, fa avy amin'i Jesosy Kristy sy lay Andriamanitra Ray, izegny nanangana Ananjy tamin'ny maty _ ²ary zareo rahalahy jiaby miaraka aminay, ho an'ny fiangonan'i Galatia: ³Fahasoavana ho amindreo ary fedanana avy amin'Andriamanitra Abantsena sy Jesosy Kristy Tompo, ⁴izegny nagnomia ny tagnany ho an'ny fahotantsena mba hagnafahany antsena amin'izô andron'ny faharatsiana izô, araka ny sitrapon'Andriamanitra sady Abantsena, ⁵ho Ananjy anie ny voninahitra mandrakizegny doria. Amena. ⁶Gaga zaho hoe niala tamin'lay nagnantso andreo tamin'ny fahasoavan'i Kristy andreo. Gaga zaho fa mitodika ho amin'ny filazantsara hafa andreo. ⁷Tsy midika anefa izany fa misy filazantsara hafa, fa misy olona maromaro izegny mitondra fikorontagnana ho andreo ary te hagnova ny filazantsaran'i Kristy. ⁸Fa na zehè na ny anjely avy agny an-dagnitra aza no hitory filazantsara hafa amindreo noho izegny nitorianè tamindreo, de oka

izy ho vôhozogna.⁹ Araka izegny nizakenè taloha, de amin'izô zaho de magnambara ndreka hoe: "Raha misy olona magnambara amindreo filazantsara hafa noho izegny niresindreo, de ôka izy ho vôhozogna." ¹⁰Ma zaho amin'izô fotoana izô miaragna ny fankatovana'ny olona sa Andriamanitra? Ma zaho miaragna izegny hampifaly olona? Raha mbola manohy miezaka ny hampifaly olona zaho, de tsy mpanompon'i Kristy.¹¹ Fa tiako ho fantandreo, ry rahalahiko, fa ny filazantsara izegny nambarako de tsy filazantsaran'olombelona. ¹²Tsy nandre izany tamin'olona zaho, na nampianarina anay izany. Fa koza, izany de fagnambaran'i Kristy Jesosy taminay.¹³ Fa andreo naregny ny momba ny fiegnako taloha tamin'ny fomba fivavahana Jiosy, sy ny fomba nagnanjehako ny fegnonana'Andriamanitra mihoatra ny tokony ho izy ary ny fiezahako handrava an'izany. ¹⁴Nandroso tamin'ny fivavahana Jiosy zaho raha nampitahena taminjareo izegny nitovy taona taminay avy taminjareo reka firenena taminay. Karan'izany ny fomba nitanako mafy ny fomban-drazako.¹⁵ Kandrefa Andriamanitra, izegny nanokana anay letry tan-kibon-dreniko, ary nagnantso anay tamin'ny alalan'ny fahasoavany, ¹⁶ndreka faly ny hagnatoro ny Zanagny lahy taminay, mba hahafahako magnambara Ananjy akagny amin'ny Jentilisa, de tsy nila hevitra tamin'ny nofo sy rà avy hatragny zaho. ¹⁷Tsy niakatra takagny Jerosalema ho akagny aminjareo efa nanjary Apostoly talohako zaho. Fa koza, ninga takagny Arabia ary nierigna takagny Damaskosy zaho avy takeo.¹⁸ Ary telo taona taty afara de niakatra takagny Jerosalema mba hifankafantatra tamin'i Kefasy zaho ary nibodika niaraka taminanjy nandritra ny dimy ambin'ny folo andro. ¹⁹Fa tsisy hitako zareo Apostoly ankoatra an'i Jakoba, lay rahalahin'ny Tompo. ²⁰Ary akô amin'izegny soratako ho andreo, de magnomia toky andreo akeo agnatrehana'Andriamanitra zaho, fa tsy mandenga zaho. ²¹Avy takeo zaho de ninga tamin'ny faritr'i Syria sy Kilikia. ²²Tsy mbola fantatra takeo amin'ny fengonan'i Joda izegny akô amin'i Kristy zaho. ²³Regninjareo fogna ny raha nizakeko hoe: "lay lilahy izegny nagnenjika antsena taloha amin'izô fotoana de magnambara lay finoana nezahiny nipotehina taloha." ²⁴Noho izany zareo de nidera an'Andriamanitra noho ny aminay.

Chapter 2

¹Efatra ambin'ny folo taona taty afara de niakatra takagny Jerosalema ndreka zaho niaraka tamin'i Barnabasy, de nitondra an'i Titosy niaraka taminay. ²Niakatra takagny nohon'ny fagnambaranana reka zaho ary nagnomia anjareo ny filazantsara izegny toriko akeo amin'ny Jentilisa. Nikorana mitokana taminjareo izegny noheverina ho manan-danja zaho, mba hahazoana antoka fa tsy nihazakazaka _ na efa nihazakazaka _ fahatany zaho. ³Fa na i Titosy aza, izegny niaraka taminay no sady Grika, de noterena ho vôfora. ⁴Niditra mangingina reo roy lahy sandoka mba hagnaraha-maso ny fahafahana hanagnanè akô amin'i Kristy Jesosy. Nagniry ny hagnandevo anè zareo, ⁵fa tsy nety nagneky anjareo na de fotoana bitika aza zehè, mba hitoeran'ny fahamarinan'ny filazanatsara amindreo. ⁶Fa izegny noheverina ho manan-danja (na ino na ino zareo de tsy mampagnino anay, Andriamanitra de tsy miangatra) _zakeko, zareo, izegny heverina ho manan-danja de tsy nagnampy na ino na ino taminay. ⁷Mifanohitra amin'izany, hitanjareo fa nagnakignana ny filazantsara ho anjareo tsy vôfora zaho, kara ny nagnankignana an'i Petera ny filazantsara ho anjareo izegny tsy vôfora. ⁸Fa Andriamanitra, izegny niasa takô amin'i Petera ho amin'ny maha-Apostoly ho anjareo izegny tsy vôfora, de niasa takato aminay my koà ho anjareo Jentilisa. ⁹Jakoba, Kefasy, ary Jaona, izegny fantatra fa agnisan'ny nanangana fengonana, ndreka nahafantatra ny fahasoavana izegny namiana anay, de nagnomia ny taghana ankavanan'ny fiombonana ho anay sy Barabasy zareo. Natônjareo izany mba hahafahanè mandeha akagny amin'ny Jentilisa, ary mba hahafahanjareo mandeha akagny aminjareo tsy vôfora. ¹⁰Nangataka fogna zareo mba hahatsiaro ny sahirana zehè, izegny raha tegna tiako anina tokoatra. ¹¹Fa ndreka tonga takagny Antioka i Kefasy, de nanohitra ananjy takeo agnatrehany zaho satria vôleza fa diso izy. ¹²Talohan'ny nahatongavan'ireo lilahy ansanagny avy agny amin'i Jakoba, de takeo am-pihinanana niaraka taminjareo Jentilisa i Kefasy. Fa ndreka tonga ireo lilahy ireo, de nibodika izy ary niala lavitra anjareo Jentilisa. Natahotra anjareo izegny nitaky famorana ananjy izy. ¹³Ny sisa taminjareo Jiosy koa de niombogna tamin'izany fetsaram-belatsihy izany. Na i Barnabasy aza de vôvily lalana niaraka taminjareo tamin'ny fetsaram-belatsihinjareo. ¹⁴Fa ndreka hitako fa tsy magnaraka ny fahamarinan'ny filazantsara ny fitondran-tegnanjareo, de nizaka tamin'i Kefasy zaho takeo agnatrehanjareo jiaby hoe: "Raha Jiosy anô kanefa miegna kara ny Jentilisa fa tsy kara nyJiosy, ahoana no ahafahanô manery ny Jentilisa hiegnana kara ny Jiosy?"¹⁵Antsena de Jiosy tamin'ny alalan'ny fahaterahana fa tsy Jentilisa mpanota; ¹⁶fantantsena andrefa fa tsy misy olona hamarinin'ny asan'ny lalàna fa amin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy Jesosy. Antsena my koà de tonga tamin'ny finoana an'i Jesosy Kristy mba ho hamarinina amin'ny finoana an'i Kristy fa tsy amin'ny asan'ny lalàna. Fa tsy hisy nofo ho hamarinina amin'ny asan'ny lalàna. ¹⁷Fa raha ôhatra ka, miaragna ny ho hamarinina akô amin'i Kristy antsena, antsena my koà de hita fa mpanota, ma mampandrisika ny fahotana andrika ma i Kristy? Tonga de Aha! ¹⁸Fa raha manangana ny raha efa noravako takagny aloha ndreka zaho, de magnaporofy ny tegnako ho mpandika lalàna zaho. ¹⁹Fa tamin'ny lalàna no nahafatesako ho amin'ny lalàna, mba ho velona ho an'Andriamanitra zaho. ²⁰Nifantsihana niaraka tamin'i Kristy zaho. Tsy zaho koza no velona fa Kristy, fa i Kristy no velona akato agnatiko. Ny fiegnana iegnako akô amin'ny nofo amin'izô fotoana de iegnako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, izegny tia anay ka nagnomia ny tegnany ho anay. ²¹Tsy magnafoagna ny fahasoavan'Andriamanitra zaho, fa raha azo amin'ny lalàna ny fahamarinana, de tsy misy dikany ny nahafatesan'i Kristy!

Chapter 3

¹Ry Galatiana foka! Zovy no namosavy andreo? Tegna takeo amasondreo no nagnatoroana an'i Jesosy Krtisty vòfansika. ²Izô my no raha tiako ho fantatra amindreo: Nandre ny Fagnahy tamin'ny asan'ny lalàna sa tamin'ny finoana izegny regnindreo andreo? ³Foka tegnany ma andreo a? Nentomboka tamin'ny Fagnahy andreo, de hifaragna amin'ny nofo ma amin'izô a? ⁴Ma nivandry raha maro tamin'ny tsisy dikany andreo_ raha tegna zava-pôgna tokoatra izany? ⁵Ma izy izegny magnomia ny Fagnahy andreo sy magnano asa mahagaga akeo amindreo de magnano an'izany amin'ny asan'ny lalàna, sa amin'ny fitonoàna ny finoana? ⁶Kara an'i Abrahama "nino an'Andriamanitra ary nikôntina ho fahamarinana izany," ⁷de kara an'izany, fantako, fa reo izegny amin'ny finoana de zanak'i Abrahama. ⁸Ny Soratra Masina, nahita meloha fa Andriamanitra de hagnamarina anjareo Jentilisa amin'ny finoana, de nitony ny filazantsara meloha tamin'i Abrahama, nizaka hoe: "Avy aminô no hitahiana ny firenena jiaby." ⁹Ka, reo izegny amin'ny finoana de vôtahy miaraka amin'i Abrahama, lay olon'ny finoana. ¹⁰Reo izegny miankigna amin'ny asan'ny lalàna de akeo ambanin'ny ozogna; fa vôsoratra hoe: "Vôozogna izegny jiaby tsy magneky ny raha jiaby vôsoratra akô agnatin'ny bokin'ny lalàna, sy izegny magnano an'iregny." ¹¹Amin'izô de mazava fa tsisy olona izegny hamarinana akeo agnatrehan'Andriamanitra amin'ny alalan'ny lalàna, satria ny marina de ho velona amin'ny finoana. ¹²Fa ny lalàna de tsy araka ny finoana, fa koza, "Ny olona izegny magnano ny asan'ny lalàna de tsy mentsy mivelona amin'izany" ¹³Kristy nagnavotra antsena tamin'ny ozogn'ny lalàna tamin'ny nahatongavany ho ozogna ho antsena-- fa vôsoratra hoe: "Vôozogna izegny jiaby mihantogna amin'ny kakazo" _ ¹⁴mba ho tonga amin'ny Jentilisa ny fitahian'i Abrahama akô amin'i Kristy Jesosy, mba ho amin'ny finoana no hahazaoantsena lay fampagnantegnan'ny Fagnahy. ¹⁵Ry rahalahy, avilè zaho hizaka araka ny fanin'olona. Akô amin'ny fifagnarahana atôn' ny olona, tsisy afaka magnafoagna na magnampy izegny akô, ndreka tafatoetran'ny lalàna izany. ¹⁶Ary ny fampagnantegnana de nizakena tamin'i Abrahama sy tamin'ny taranagny. Tsy mizaka izany hoe: "ho an'ny taranaka," manondro olona maro, fa koza olona reka my, "ho an'ny tarakananô," de i Kristy. ¹⁷Ary izô no tiako zakena: "Ny lalàna, izegny tonga telopolo sy efajato taona taty afara, de tsy hahafoga ny fagnekiana izegny efa natôn'Andriamanitra meloha. ¹⁸Fa raha avy amin'ny lalàna ny lova, de tsy avy amin'ny fampagnantegnana koza izany. Fa Andriamanitra nagnomia an'izany an'i Abrahama tamin'ny alalan'ny fampagnantegnana. ¹⁹Ino, andrika, no tanjon'ny lalàna? Natô izany nohon'ny fandikan-dalàna, mandrapahatongan'ny taranak'i Abrahama akeo amin'izegny nagnanovana fampagnantegnana. Ny lalàna de natôn'ny mpagnelagnelagna reka ho manan-kery tamin'ny alalan'ny anjely. ²⁰Fa ny mpagnelagnelagna de midika ho olona mioatra ny reka, kanefa Andriamanitra de reka. ²¹Ma va ny lalàna manohitra ny fampagnantegnan'Andriamanitra? Tsy ho izany tokotra! Fa raha nisy lalàna namiana izegny afaka magnomia fiegnana, de avy tamin'ny lalàna tokoatra ny fahamarinana. ²²Fa ny Soratra Masina nagnagadra ny raha jiaby ambanin'ny fahotana. Nagnano izany Andriamanitra mba hagnomezana ho an'izegny mino ny fampagnantegnana ny hagnavotana antsena amin'ny alalan'i Jesosy Kristy. ²³Ary talohan'ny nahatongavan'ny finoana, antsena de nitanana ho babo takô ambanin'ny lalàna nigadrena mandra-pisian'ny finoana. ²⁴Ka avy takeo ny lalàna de nanjary mpiambina antsena nandra-pihavin'i Kristy, mba ho vômarina amin'ny finoana antsena. ²⁵Fa izô de tonga izany finoana izany, ka tsy akeo ambanin'ny mpiambina koza antsena. ²⁶Fa andreo jiaby de zanak'Andriamanitra akô amin'ny finoana an'i Kristy Jesosy. ²⁷²⁸Fa maro amindreo izegny natô batisa takô amin'i Kristy no nandre an'i Kristy. Ary tsy misy koza na Jiosy na Griika, na andevo na olon'afaka, na lahy na vavy, fa reka my andreo akô amin'i Kristy. ²⁹Ka raha an'i Kristy andreo, de taranak'i Abrahama, sy mpandova araka izegny fampagnantegnana andreo

Chapter 4

¹Magnambara zaho fa ny mpandova, raha mbola zaza izy, de tsisy hafa amin'ny andevo, na de tompon'ny raha jiaby aza izy. ²Kanefa izy de akeo ambany fifehezan'ny mpiambina sy ny mpagnasary ny raha sarobidy mandrapahatongan'ny daty izegny napetraky ny abany. ³Ka kara izany my koà, tamintsena mbola zaza, de nandevoin'ny lalàn'ny fitsipi-pampianaran'izô tontolo izô. ⁴Fa ndreka tonga ny fahafenoan'ny fotoana, de nandefa ny Zanagny Andriamanitra, izegny natera-biavy, nateraka takô ambany lalàna. ⁵Nagnano izany Izy mba hagnavotana reo izegny ambanin'ny lalàna, mba hahafahantsena mandre ny fananganana ho zanaka. ⁶Ary satria zanaka andreo, de nirahin'Andriamanitra ho akô am-pontsena ny Fagnahin'ny Zanagny, izegny magnantso hoe: "Aba, Ray." ⁷Noho izany de tsy andevo koza anô, fa zanaka, ary raha zanaka, de mpandova amin'ny alalan'Andriamanitra my koà anô. ⁸Fa tamin'izany fotoana izany, tamindreo mbola tsy nahafantatra an'Andriamanitra, de natô ho andevonjareo izegny, amin'ny hery vôzagnahary, de tsy andriamanitra sè. ⁹Fa amin'izô andreo de nanjary nahafantatra an'Andriamanitra, na koa hoe fantan'Andriamanitra andreo, ka ahoana no hiheverandreo amin'ny fombafombam-pianarana malemy no sady tsisy dikany? Te ho andevozina ndreka ma andreo? ¹⁰Mandinika reo andro sy reo vola ary reo vanim-potoana sy taona reo andreo! ¹¹Magnahy ny amindreo zaho fa sode ho raha foagna ny asako takeo amindreo. ¹²Mengavy andreo zaho, ry rahalahy, magnanova kara anay, safê zaho my koà de efa nanjary kara andreo. Tsy nagnano ratsy taminay andreo. ¹³Kanefa fantandreo fa noho ny aretim-batagnanay no nagnambarako tamindreo ny filazantsara vôlohagny. ¹⁴Na de nitondra andreo tamin'ny fakam-pagnahy aza ny toe-batagnanay, de tsy nagnano tsisy dikany na nagnilika anay andreo. Fa niresindreo ho kara hoe anjelin'Andriamanitra koza zaho, kara ny hoe zaho se no Kristy Jesosy. ¹⁵Akeza, noho izany, ny fahasavandreo amin'izô fotoana? Fa mijoro vavolombelogna amindreo zaho fa, raha azondreo atô, de nalandreo ny masondreo ka namiandreo anay izany. ¹⁶Ka noho izany, efa nanjary fahavalondreo ma zaho satria mizaka ny marina amindreo? ¹⁷Zareo de mazoto ny hitarika andreo, fa tsy amin'ny tsara. Te agnidy andreo akagny avelagny zareo, mba hanagnandreo farisiam-po ho anjareo. ¹⁸Tsara fogna ny fanagna farisiam-po amin'ny tanjogna tsara, ary tsy ndreka miaraka amindreo my zaho. ¹⁹Zanako ô, mbola mijaly amin'ny fararian'ny famerana ho andreo ndreka zaho mandra-piforonan'i Kristy akô amindreo. ²⁰Magniry zaho mba ho afaka miaraka amindreo amin'izô fotoana izô ary hagnova ny feoko, satria sahiran-tsega noho ny amindreo zaho. ²¹Zakeo aminay, andreo izegny magniry ny ho akeo ambany lalàna, ma tsy miteno ny lalàna ma andreo? ²²Satria vôsoratra fa i Abrahama de nanan-janaka roy lahy, ny reka avy amin'ny andevo vavy ary ny reka avy amin'ny viavy afaka. ²³Fa ny reka de nateraky ny andevo viavy araka ny nofo, fa lay reka hafa de nateraky ny viavy tamin'ny zaka fampagnantegnana. ²⁴Reo raha reo de azo resina ho kara fagnoarana, satria reo viavy reo de magnambara fagnekena roy. Ny reka aminjareo de avy amin'ny tagnambonan'i Sinay ary nametra zaza ho andevo izy. Izy io de i Hagara. ²⁵Ary i Hagara de mampiseho ny tendrombohitra Sinay akagny Arabia; ary mampiseho an'i Jerosalema amin'izô fotoana izô, satria nandevozina niaraka taminjareo zanagny izy. ²⁶Fa i Jerosalema izegny akagny ambony de afaka, ary izy no renintsena. ²⁷Satria vôsoratra hoe: "Mifalia, anô ry naman'izegny tsy nametra. Magnantsognantsova mafy ary magnanova fengeana fifaliana, anô izegny tsy mijaly amin'ny fararian'ny fiterahana. Satria ny zanaky ny viavy izegny nafoy de maro tahatra ny an'ny viavy manambady." ²⁸Fa andreo, ry rahalahy, kara an'i Isaka, de zanaky ny fampagnantegnana. ²⁹Tamin'izany fotoana izany ny olona izegny teraka araka ny nofo de nagnenjika izegny teraka araka ny Fagnahy. Kara izany my koà amin'izô fotoana zô. ³⁰Kanefa ino no zaken'ny Soratra Masina? "Alifaso akagny ny andevo vavy sy ny zanagny lahy. Fa ny zanaka lahin'ny andevo vavy de tsy hifampizara lova amin'ny zanaky lahin'ny viavy afaka." ³¹Noho izany, ry rahalahy, tsy zanaky ny andevo vavy antsena, fa zanaky ny viavy afaka.

Chapter 5

¹Ho amin'ny fahafahana no nagnafahan'i Kristy antsena. Miorena tsara, noho izany, aza magneky ho ambany ziozan'ny fagnandevozana ndreka. ²Indro, zaho, Paoly, mizaka amindreo fa raha mamela ny tegnandreo ho forena andreo, de tsy hahasoa andreo amin'ny fomba jiaby Kristy. ³Mijoro vavolombelona amin'ny olona tsirekireka izegny mamela ny tegnany ho vôfora ndreka zaho fa votery hagnaraka ny lalàna jiaby izy. ⁴Tafasaraka tamin'i Kristy andreo, izegny te ho hamarinina amin'ny lalàna; ary tsy miegna fahasovana koza andreo. ⁵Fa amin'ny alalan'ny Fagnahy, amin'ny finoana, no handiasantsena mafy ny fagnantenana ny fahamarinana. ⁶Akô amin'i Krsisty Jesosy de tsy midika na ino na ino na vôfora na tsy vôfora, fa ny finoana miasa amin'ny fitiavana my. ⁷Fa nihazakazaka tsara andreo. Zovy no nanakana andreo tamin'ny fagnajana ny marina? ⁸Izany fandresendahatra izany de tsy avy amin'lay nagnantso andreo. ⁹Levira bitika no nampitombo ny koba jiaby. ¹⁰Fa matoky ny Tompo zaho fa tsy hanagna fomba fijery hafa andreo. Fa ny reka izegny mampikorontana andreo no hagnefa ny sazy, na zovy izy na zovy. ¹¹Ry rahalahy, raha mbola mitory amin'ny famorana zaho, nahoana zaho no mbola enjehina? Amin'izany de ho afaka tokoatra ny fahatafintohinan'ny hazofijaliana. ¹²Fa ho an'izegny manakorontana andreo, enga anie ka hanapaka ny tegnany zareo! ¹³Fa nantsovana ho amin'ny fahafahana andreo, ry rahalahy. Nefa aza ampesena ho irika amin'ny filan'ny nofo ny fahafahandreo; fa koza, amin'ny alalan'ny fitiavana ka de mifanompoa. ¹⁴Fa ny lalàna manontolo de tanteraka agnaty didy tokana; akô amin'ny hoe: "Tiava ny namanô kara ny tenganô." ¹⁵Fa raha mifagnifatra sy mifampihinana andreo, de mitandrema sode hifandringagna. ¹⁶Fa hoy zaho, mandehana araka ny Fagnahy de tsy hahatanteraka izegny filan'ny nofo andreo. ¹⁷Fa manohitra ny Fagnahy ny filan'ny nofo, ary manohitra ny filan'ny nofo ny fagnirin'ny Fagnahy. Fa mifanohitra ireo, mba tsy hahafahandreo magnano izegny raha tiandreo. ¹⁸Fa raha tarihin'ny Fagnahy andreo de tsy ho ambanin'ny lalàna. ¹⁹Amin'izô fotoana de mibaribary ny asan'ny filan'ny nofo: fijangajangana, fahalotoana, fijejojejoana, ²⁰fanompoan-tsampy, famosaviana, fankahalana, fifandirana, fahasarotam-piaro, fipoahan'ny fahavignirana, fifandrafiana, fisaraham-bazagna, fizarazarana, ²¹fialognana, fahamamoana, fagnakorontagnana, ary ny raha mitovy amin'izany. Mampitandrina andreo zaho, kara ny efa nampitandremako andreo taloha, fa tsy handova ny fanjakan'Andriamanitra izegny magnano ireo raha ireo. ²²Fa ny vokatry ny Fagnahy de fitiavana, fifaliana, fiadanana, fahavandriana, fahatsaram-pagnahy, fagnasoavana, finoana, ²³fahatsaram-pagnahy, ary fahafehezan-tegna; tsy misy lalàna manohitra raha kara an'izany. ²⁴Zareo izegny an'i Kristy Jesosy de efa nagnombo ny toetra feno fahotana niaraka tamin'ny fahafinaretany sy ny filàny. ²⁵Raha miegna amin'ny Fagnahy antsena, ôka handeha araka ny Fagnahy my koà. ²⁶Oka antsena tsy hifampieboebo fahatany, hifandrangitra, ary hifampialogna.

Chapter 6

¹Ry rahalahy, raha misy olona azon'ny ota, de andreo izegny ara-pagnahy no tokony hangerigna ananjy amin'ny fahamoram-pagnahy dreka. Mihevera ny teganô mba tsy ho azon'ny fakam-pagnahy koa anô. ²Mifampizarà ny mavesatra, ary amin'izany de tanteraho ny lalàn'i Kristy.³Fa raha misy olona mihevitra ny teganany ho raha kanefa tsinotsino, de mamitaka ny teganany izy. ⁴Tokony handinika ny asany aby ny tsirekireka, mba ho amin'ny teganany my ny antony hipoerapoerany fa tsy amin'olon-kafa. ⁵Fa samy hitondra ny entany aby ny olona tsirekireka. ⁶Ny olona izegny nampenarina ny teny de tsy mentsy mizara ny raha tsara jiaby amin'izegny mampianatra. ⁷Aza magneky ho fitahina. Tsy azo afokefokena Andriamanitra, fa izegny jiaby ambohen'ny olona no ho vileziny my koà. Ho an'izegny mamboly voa amin'ny toetrany feno fahotana, de avy amin'izany no hambilezany ny faharavana. ⁸Izegny mamboly voa amin'ny Fagnahy, de amin'ny Fagnahy no hambilezany ny fiegnana mandrakizegny. ⁹Oka antsena tsy ho reraka amin'ny fagnanovan-tsoa, fa hambely ny vokatry antsena amin'ny fotoana mety, raha tsy milavo lefoga antsena. ¹⁰Ka noho izany, satria managna fahafahana antsena, de ôka hagnano ny tsara amin'ny olona jiaby, indrindra fa amin'ny mpianakavin'ny finoana. ¹¹Zahano ny hagnoasan'ny soratra izegny nosoratan'ny tagnako ho andreo. ¹²Izegny te-hiseho ho tsara akô amin'ny nofo no miezaka manery andreo mba ho forena. Magnano izany zareo mba hialana amin'ny fagnenrehana nohon'ny hazofijalian'i Kristy. ¹³Na zareo izegny tsy vôfora aza de tsy mitandrina ny lalàna, nefa tianjareo ho forena andreo mba hieboeboanjareo amin'ny nofondreo. ¹⁴Nefa tsy hieboebo na oviana na oviana afa-tsy amin'ny hazofijalian'i Jesosy Kristy Tompontosena anie zaho, izegny nagnomboana an'izô tonotolo izô takeo aminay, ary zaho kosa tamin'izô tontolo izô. ¹⁵Fa ny famorana na ny tsy famorana de samy tsy misy dikany, fa ny fiegnam-bôvô no misy dikany. ¹⁶Ho an'izegny miegna araka izany fomba izany, de ho aminjareo anie ny fedanana sy ny famindram-po, eka, ho amin'Israelin'Andriamanitra my koà. ¹⁷Manomboka izô de ôka tsy hisy hamokafoka anay, fa mitondra ny famantarana an'i Jesosy amin'ny vatagnanay zaho. ¹⁸Ho fagnahinindreo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontosena, ry rahalahy. Amena.

Philippians

Chapter 1

¹Paoly sy Timoty, mpanompon'i Jesosy Kristy, ho anjareo jiaby vôtokana ho an'i Jesosy Kristy izegny akagny Filipy, miaraka amin'ireo mpiandrekitra sy ny diakona. ²Ho amindreo anie ny fahasoavana sy fedanana avy amin'Andriamanitra Abantsena sy Jesosy Kristy Tompo. ³Misôtra ny Andriamanitranay zaho amin'ny fahatsiarovako andreo. ⁴Akô amin'ny vavakanay ho andreo jiaby, de amin'ny fifaliana hatragy no agnanovako ny fivavahako. ⁵Magnomia fisôrana zaho nohon'ny amin'ny fiombonandreo amin'ny filazantsara letry tamin'ny andro vôlohagny ka jisika izô. ⁶Mahatoky an'izô raha izô zaho, Izy izegny nagnandogna asa tsara tamindreo de hanohy hagnatanteraka izany jisika amin'ny andron'i Jesosy Kristy. ⁷Fa tsara aminay ny mahatsapa karan'izany ny amin'ny momba andreo jiaby satria akato am-poko andreo. Andreo jiaby de mpiara-miasa taminay na tamin'ny fahasoavana na tamin'ny figadrako sy tamin'ny fiarovako na koa tamin'ny fagnamafisana ny filazantsara. ⁸Fa Andriamanitra no vavolombelognanay, fa manigna andreo tokoatra zaho amin'ny famindram-pon'i Kristy Jesosy. ⁹Ary vavakanay ny: mba hitombo hatragy hatragy ny fitiavandreo amin'ny alalan'ny fahalalana sy amin'ny fahazavan-tsegna jiaby. ¹⁰Mivavaka ho an'izany zaho mba hagneky izegny tegna tsara andreo, mba ho mora fo sy tsy manan-tsigny amin'ny andron'i Kristy. ¹¹Mivavaka zaho mba ho fenon'ny vokatry ny fahamarinana izegny avy amin'i Jesosy Kristy andreo, mba ho voninahitra sy fiderana an'Andriamanitra. ¹²Ary tioako ho fantandreo, ry rahalahy, fa ireo raha izegny nisy taminay de niasa ho amin'ny fampandroasoana ny filazantsarsa tokoatra. ¹³Vokatr'izany, ny fatorana nahazo anay takô amin'i Kristy de niharihary nagneragna an'ireo mpiambina ny lapa manontolo sy ireo olona hafa. ¹⁴Ny ankamaroan'ireo rahalahy de managna toky lehibe kokoa akô amin'ny Tompo tahatra ny fatorana mahazo anay, ary masahy magnambara tsy amin-tahotra ny teny zareo. ¹⁵Ny sasagny aza de mitory an'i Kristy amin'ny fialogana sy fifandrafiana tokoatra, ary zareo hafa koza amin'ny sitrapo tsara. ¹⁶Itôgna farany de magnano izany am-pitiavana, mahafantatra fa zaho de napetraka aketo mba ho fiarovana ny filazantsara. ¹⁷Fa isôgna volohagny de mitory an'i Kristy amin'ny fitiavan-tegna, fa tsy amin'ny fahamoram-po. Zareo iregny de mihevitra fa hagnakorontana anay raha mbola akô amin'ny fifatorako zaho. ¹⁸Ino arika? Amin'ny fomba jiaby, na amin'ny fetsaram-belatsihy na amin'ny fahamarinana, Kristy no toriana, ary mifaly amin'izany

zaho. Eka, ho faly zaho, ¹⁹fa fantako fa izany de hiefara amin'ny fagnafahana anay amin'ny alalan'ny vavaka atôndreo sy ny fagnampian'ny Fagnahin'i Jesosy Kristy.²⁰Fa araka ny fiandrindrako fatratra sy ny fagnantegna azo antoka fa izaho de tsy ho megnatra tokoatra, fa kosa hanagna ny fahasahiana jiaby, amin'izô, kara ny hatramin'izegny, de hisondrotra akato amin'ny tagnako i Kristy, na amin'ny fiegnana na amin'ny fahafatesana. ²¹Ho anay, ny hoe velona de Kristy ary ny maty de tombony.²²Raha miegna amin'ny nofo zaho, de midika asa mahavagnona ho anay izany. Kandrefa ino no ho fidiko? Tsy fanatako. ²³Fa latsaka antegnantegnan'izy roy zaho. Ny fagniriako de ny handeha ary hiaraka amin'i Kristy, izegny tsy lavitra, ²⁴kandrefa ny mitoetra akô amin'ny nofo de ilena kokoa noho andreo.²⁵Noho ny faharesena lahatra ny amin'izany, de fantako fa zaho de hitoetra sy hanohy hiaraka amindreo jiaby, ho an'ny fandrosoandreo sy fifaliana akô amin'ny finoana. ²⁶Mba hanagna ny antony hireharehana akô amin'i Kristy Jesosy akô angatiko andreo ndreka mierigna akagny amindreo ndreka zaho. ²⁷Mitondrà tegna amin'ny fomba magneva ny filazantsaran'i Kristy, ka na mamangy andreo zaho na tsy akeo, de afaka ny haregny ny momba andreo, fa mijoro mafy amin'ny fagnahy reka andreo, amin'ny segna reka miara-miezaka ho an'ny finoana ny filazantsara.²⁸Ary aza magneky ampatahorin'ny fahavalondreo. Mariky ny fahapotehanjareo izany, fa mariky ny fagnavotana andreo koza _ ary izany de avy amin'Andriamanitra. ²⁹Fa namiana andreo izany, ho an'i Kristy, tsy hoe mba hinoana Ananjy fogna, fa hijaliana ho Ananjy koà, ³⁰fa andreo de managna ady mitovy amin'izegny hitandreo taminay, ary izegny regnindreo aminay my koà amin'izô.

Chapter 2

¹Raha misy fampaherezana akô amin'i Krsity, raha misy fampionognana avy amin'ny fitiavany, raha misy firesana akô amin'ny Fagnahy, raha misy famindrampo lehibe sy famonjena, ²de atôvy feno ny fifaliako amin'ny fisegnana kara izany, amin'ny fanagnana fitiavana mitovy, amin'ny firesana am-pagnahy, ary amin'ny fanagnanana tanjogna mitovy.³Aza magnano na ino na ino amin'ny fitiavan-tena na fagnandratana-tegna fahatany. Fa amin'ny fagnetren-tegna koza de mihevera ny hafa mihoatra noho ny tagnandriô. ⁴Tokony tsy hiaragna izegny mahasoana ny tagnandriô fognana ny tsirekireka amindriô, fa izegny mahasoana ny hafa my koà.⁵Mihevera kara ny fisegnana izegny takô amin'i Kristy Jesosy my koà. ⁶Efa nisy araka ny tarehin'Andriamanitra Izy, fa tsy nihevitra izany fitoviany amin'Andriamanitra izany ho raha hifaharana Izy. ⁷Ny mifanohitra amin'izany, nofoagnany ny tagnany. Nalaka ny tarehin'ny mpanompo Izy. Ary niseho ho kara olombelona jiaby Izy. Ary hita fa nitovy tamin'olombelona Izy. ⁸Nagnetry tegna Izy ary nanjary mpankato jisika tamin'ny fahafatesana, de lay fahafatesan'ny hazofijaliana!⁹Noho izany de nasandratr'Andriamanitra agnambo de agnambo my koà Izy. Namiany lay Agnarana ambonin'ny angarana jiaby Izy. ¹⁰Natôny izany mba ho amin'ny Agnaran'i Jesosy no handongalifan'ny lohalitra jiaby, ny lohalitr'izegny akagany an-dagnitra sy aketo ambonin'ny tany ary ny ambanin'ny tany. ¹¹Natôny izany mba hagnekian'ny lela jiaby fa i Jesosy Kristy no Tompo, ho voninahitr'Andriamanitra Baba. ¹²Noho izany, ry malalako, kara ny ankatoavandriô hatragany, tsy akiô amin'ny fagnatrehako my fa mihoatra lavitra aza amin'izô fotoana ndreka tsy akiô zaho, de atoro amin'ny tahotra sy horohoro ny famonjena andriô. ¹³Satria Andriamanitra no miasa akô amindriô mba ho vognona hagnano no sady hiasa ho an'ny fifaliana andriô. ¹⁴Anovy tsy am-pitaregna na fiadian-kevitra ny raha jiaby. ¹⁵Magnanova kara izany mba hanjary zanak'Andriamanitra tsisy tsiny, sady marina, tsy misy kilama andreo. Miasa kara izany mba hanjelanjelafandriô kara ny fahazavana amin'izô tontolo izô, akiô agnivan'ny taranaka meloka sady maditra. ¹⁶Mifahara mafy amin'lay Tenin'ny fiegna mba hanagnako antony hireharehana amin'ny andron'ny Kristy. Fa amin'izany de fantako fa tsy very megna ny nihazakazahako ary tsy very megna ny nesako.¹⁷Fa na de araraka ho fagnatitra akiô amin'ny sorogna sy ny fanompoam-pinoana aza zaho, de mifaly zaho, ary miara-mifaly amindriô jiaby zaho. ¹⁸Ary kara izany koa no hifaliandriô, ary miara-mifaly aminay andriô. ¹⁹Fa magnantegna akô amin'ny Tompo Jesosy zaho fa handefa an'i Timoty akagany amindriô malady, mba hatanjaka my koà zaho ndreka fantako ny raha momba andriô. ²⁰Fa tsy managna olona hafa mitovy toe-tsegna aminanjy zaho, izegny tegna magnahy ny amindriô. ²¹Fa izy jiaby de miaragna ny tombontsoany, fa tsy ny rahan'i Jesosy Kristy.²²Fa fantandreo ny fahatsarany, satria kara ny zaza manompo ny abany, no nanompoany niaraka taminay takô amin'ny filazantsara. ²³Ka magnantegna ny handefa ananjy zaho raha vô hitako hoe karakory ny fandehan-draha aty aminay. ²⁴Fa matoky ny Tompo zaho fa ho avy akagany malady koà ny tagnako.²⁵Fa mieritreritra zaho fa ilaina my koà ny mangerigna an'i Epafrodito akagany amindriô. Rahalahiko izy, mpiara-miasa no sady mpiara-miady, sady mpitondra hafatra izy no mpanompo izegny ileko. ²⁶Fa azom-pahoriana mafy izy, ary manigna ny hiaraka amindreo jiaby izy, satria regnindreo fa narary izy. ²⁷Fa tegna narary izy ka efa seka maty. Fa namindra fo taminanjy Andriamanitra, ary tsy taminanjy reka, fa taminay my koà, mba tsy hanagnako alahelo ambonin'ny alahelo. ²⁸Ka de am-parisihana lehibe jiaby no handefasako ananjy, ka ndreka hahita ananjy ndreka andriô de mba hifaly ka de ho afaka kokoa amin'ny fagnahiako zaho. ²⁹Reso akô amin'ny Tompo i Epafrodito miaraka amin'ny fifaliana jiaby. Hajeo ny olona kara ananjy. ³⁰Fa ho an'ny asan'i Kristy no nagnakekezany ny fahafatesana. Fa nagnano vy very ny egna hanompoana anahy izy mba hamitany izegny tsy afaka natondriô tamin'ny fanompoana taminay.

Chapter 3

¹Farany, ry rahalahy, mifalia akô amin'i Tompo. Tsy manahirana anay ny magnerigna manoratra iregny raha iregny ho anarô. Iregny raha iregny de hiaro anarô. ²Mitandrema anarô amin'ny amboa. Mitandrema amin'ny mpagnano ratsy. Mitandrema amin'ny fanapahana rantsam-batagna. ³Fa antsena de vôfora. Ary antsena no manompo amin'ny Fagnahin'Andriamanitra. Ary antsena no mirehareha akô amin'i Kristy Jesosy, ary tsy mitoky amin'ny nofo. ⁴Na izany aza, zaho tgnanko de afaka mitoky amin'ny nofo. Raha misy olona mihevitra fa izy de managna fahatokisana amin'ny nofo, de afaka magnano mihoatra an'izany zaho. ⁵Natô famorana tamin'ny andro fahavalo zaho, teraka takô amin'ny vahoakan'Israely, takô amin'ny fokon'i Benjamina, Hebreo takô amin'ny Hebreo zaho; araka ny lalàna, de Fariseo zaho. ⁶Tamin'ny zotom-po, no nagnanjarahako fengonana; raha ny amin'ny fahamarinana ambanin'ny lalàna, de tsy nanan-tsigny zaho. ⁷Fa na ino na ino tombony ho anay, de niresiko ho kara fatiantoka iregny ho an'i Kristy. ⁸Raha ny tegna izy, nikôntiko ho faty antoka aby ny raha jiahy nohon'ny halebiazan'ny fahalalana an'i Kristy Jesosy Tompoko. Noho Izy de nariako ny raha jiaby. Nikôntiko ho fakofakon-draha iregny mba hahazaoako an'i Kristy ⁹ary ho hita akô Aminan'ny zaho. Tsy managna ny fahamarinana ho an'ny tgnako avy amin'ny lalàna zaho. Fa koza, managna ny fahamarinana izegny tamin'ny alalan'ny finoana an'i Kristy zaho, fahamarinana avy amin'Andriamanitra izegny mifototra amin'ny finoana. ¹⁰Ka amin'izô de te hahafantatra Anan'ny sy ny herin'ny fitsanganana tamin'ny maty ary ny fiombognana amin'ny hazofijaliana zaho. Te hiova amin'ny alalan'i Kristy zaho mba hanahaka ny fahafatesany, ¹¹mba hahafahako mahatsapa ny fitsanganana amin'ny maty. ¹²Tsy marina fa efa nadre an'ireo raha ireo saady zaho, na koà hoe efa tanteraka zaho. Fa miezaka zaho ny mba handrombahako lay nandrombahan'i Jesosy Kristy anay. ¹³Ry rahalahy, tsy mieritreritra zaho fa ny tgnako de efa nandrombaka an'izany. Fa misy raha reka: Adignoko izany agny afara ary miezaka ho an'izengy akiô alôhako zaho. ¹⁴Miezaka magnatratra tanjogna zaho mba hahazaoako ny loka'ny antso avy agny amin'Andriamanitra akô amin'i Kristy Jesosy. ¹⁵Antsena jiaby izegny managna fahamatorana, ôka antsena hihevitra kara an'izany; ary raha managna eritreritra hafa momba ny raha jiaby, de atoron'Andriamanitra aminarô my koà zany. ¹⁶Kandrefa, na ino na ino efa tratrantsena, ôka antsena hifahatra anmin'izany. ¹⁷Oka ho mpala-tahaka anay, anarô ry rahalahy. Diniho akeky zareo izegny mandeha araka ny ohatra izegny hitanarô aminay. ¹⁸Maro ny mandeha _izegny efa nizakeko anarô matetika, ary amin'izô zaho de mizaka aminarô amin-dranomaso _kara ny fahavalon'ny hazofijalian'i Kristy. ¹⁹Fandringanana no fefaranjarô. Fa ny kibony no andriamanitrananjy, ary ny fieboeboenjarô de akô amin'ny fahamegnarany. Misegna ny raha amin'izô tontolo izô zareo. ²⁰Fa akagny an-dagnitra ny fanjakantsena, izegny hiandrantsena ny Mpamonjy my koà, de ny Tompo Jesosy Kristy. ²¹Izy de hagnova ny vatagnantsena izegny malemy mba ho vatagna manahatra ny vatagnananjy feno voninahitra, izegny natô tamin'ny herin'ny fahefany mba hampagneky ny raha jiaby amin'ny tgnany.

Chapter 4

¹Noho izany, ry rahalahy malalako izegny aninkanignako, fifaliako sy satro-boninahitrany, amin'izany de mijoroa tsara akô amin'ny Tompo, ry namako tiako. ²Mengavy an'i Eodia zaho, ary mengavy an'i Syntyke, miresa-segna amin'ny Tompo. ³Ary, mangataka aminô my koa zaho, ry namako mpara-mizoga: Tahio ireo viavy reo. Satria zariô de niara-niasa taminay tamin'ny fagnaparitahana ny filazantsara niaraka tamin'i Klementa sy namana mpiara-miasa aminay ambiny jiaby, izegny akô amin'ny Bokin'ny Fiegnana ny agnaranjariô. ⁴Mifalia akô amin'ny Tompo lalandava. Hoy my zaho, mifalia. ⁵Avilè ho fantan'ny olona jiaby ny fahamoram-ponarô. Efa akeky ny Tompo. ⁶Aza magnahy na amin'ino na ino. Fa koza, amin'ny raha jiaby amin'ny alalan'ny vavaka sy fangatahana, miaraka amin'ny fisôrana, ôka ho fantan'Andriamanitra ny fangatahandriô. ⁷Ary ny fedanana'Andriamanitra, izegny mihoatra ny fahaliana jiaby, hiaro ny fonarô sy ny fisegnanarô jiaby akô amin'i Kristy Jesosy. ⁸Ary farany, ry rahalahy, na ino na ino marina, na ino na ino manan-kaja, na ino na ino managna ny rariny, na ino na ino madio, na ino na ino masasara, na ino na ino zakena fa tsara, raha misy raha tegna tsara, raha misy raha toko ny ho deraina, de miheverea an'iregny raha iregny. ⁹Ny raha izegny niarahanarô sy azonarô sy regninarô ary hitanarô taminay, de atôvy iregny raha iregny, ary ny Andriamanitra ny fedanana hiaraka aminarô. ¹⁰Feno hafaliana akô amin'ny Tompo zaho satria navôzinarô koà amin'izô ny fiheveranarô anay. Efa nihevitra anay tagnany anarô takeo aloha, fa tsy nisy fahafahana ho anarô mba hagnampy. ¹¹Tsy mizaka an'izany zaho satria akô agnatin'ny tsy fahampiana. Fa efa nianatra ny hifaly amin'izegny toe-draha-miseho jiaby zaho. ¹²Fantako ny hoe boty ary fanatko koa ny hoe manam-be. Amin'ny fomba jiaby sy amin'ny raha jiaby de nianatra ny tsembaratelo'ny fihinanam-be sy ny harefognana zaho, ary ny hoe manam-be sy ny hoe akô agnatin'ny tsy fahampiana. ¹³Afaka magnano raha jiaby zaho amin'ny alalan'lay mpampahery anay. ¹⁴Kandrefa, anarô nagnano ny tsara taminay tamin'ny fahasahiranako. ¹⁵Ary anarô Filipiana mahafanatatra fa tamin'ny fendohan'ny filazantsara, ndreka niala an'i Makedonia zaho, de tsy nisy fengonana nanohagna anay raha ny mahakasika ny fagnomezana sy ny fandresana ankoatra anarô. ¹⁶Na taminay takagny Tesalonika aza, de nandefa fagnampiana ho an'izegny nilekomihotra my ndremandeha anaro. ¹⁷Tsy hoe mirgna fagnomezana zaho. Fa koza, miaragna ny vokatra izegny magnakatra ny voninahitrana zaho. ¹⁸Nandre an'ireo raha jiaby ireo zaho, ary managna maro de maro. Fa feno zaho. Vôreko avy tamin'i Epafrodito ny raha avy taminarô. Ireo de hagnitra tsara fofogna, izegny fagnatitra azo ekena sy ankasitrahin'Andriamanitra. ¹⁹Ary ny Andriamanitrany hameno izegny ilainarô jiaby araka ny haren'ny voninahiny akô amin'i Kristy Jesosy. ²⁰Ary ho an'Andriamanitra sady Abantsena anie ny voninahitra mandrakizegny doria. Amena ²¹Magnanova veloma amin'ny mpino akô amin'i Kristy Jesosy. Ireo rahalahy izegny miaraka aminay de magnano veloma anarô. ²²Ireo mpino izegny aketo de magnano veloma anarô, indrindra ireo izegny avy akô amin'ny Fianakavian'i Kaisara. ²³Ny fahasovana'i Jesosy Krsity anie ho amin'ny fagnahinarô. [Fagnamarihana: Misy ny fandikana ansanagny hagnampy hoe: "Amena."]

Colossians

Chapter 1

¹Paoly, apostolin'i Kristy Jesosy amin'ny alalan'ny sitrapon'Andriamanitra, ary i Timoty rahalahintsena, ²ho an'ireo mpino sy ny rahalahy mahatoky akô amin'i Kristy izegny akagny Kolosia. Ho amindreo anie ny fahasoavana, ny sy fedanana avy amin'Andriamanitra Abantsena. [Fagnamarihana: Ny dika-teny ansanagny de manovogna hoe: "sy Jesosy Kristy Tompo"]. ³Magnomia fisôrana an'Andriamanitra antsena, lay Aban'ny Jesosy Kristy Tompontosena, ary mivavaka lalandava ho andreo zehè. ⁴Efa regninè ny finoanadreo an'i Kristy Jesosy ary ny fitiavana izegny anagnandreo ho an'izegny jiaby vôtokana ho an'Andriamanitra. ⁵Managna izany fitiavana izany andreo noho ny fagnantegnana azo antoka natokana ho andreo akagny an-dagnitra. Regninadreo ny momba io fagnantegnana azo antoka io talohan'ny teny amin'ny fahamarinana, ny filazantsara, ⁶izegny tonga tamindreo. Ity filazantsara ity de mitondra vokatra ary mitombo magnerana an'izô tontolo izô. Izany de efa nagnano an'izany taminô my koà nanomboka tamin'ny andro narignesano ananjy ary nianaranô ny momba ny fahasoavan'Andriamanitra akô amin'ny marina. ⁷Ity filazantsara ity izegny araka ny nianarandreo tamin'i Epafra, lay mpiara-manompo malalantsena, izegny mpanompo mahatokin'i Kristy amin'ny agnarantsena. [Fagnamarihana: misy dikan-teny sasany magnano hoe: "Amin'ny agnarandreo"]. ⁸Nampafantarin'i Epafra anè ny fitiavandreo ny Fagnahy. ⁹Noho io fitiavana io, jisika tamin'ny andro narignesane an'izany de tsy negnina

nivavaka ho andreo zehè. Nangataka zehè mba ho feno fahalalana ny sitrapony amin'ny fahakantiana jiaby sy ny fahalalana ara-pagnahy andreo. ¹⁰Nivavaka zehè mba handeanandreo am-pahamendrehana akô amin'ny Tompo amin'ny fomba ankasitrahan'Andriamanitra. Nivavaka zehè mba hahavagnona amin'ny asa fagnasoavana jiaby andreo ary mba hitombo fahalalana an'Andriamanitra. ¹¹Mivavaka zehè mba hahazo hery amin'ny fahezana jiaby andreo araka ny herin'ny voninahitra amin'ny fivandriana sy fahavandriana. ¹²Mivavaka zehè mba hagnomia fisorana ny Raintsena am-pifaliana andreo, izegny nahafahandreo nanagna ny anjara lovan'ny mpino amin'ny fahazavana. [Fagnamarihana: misy dikan-teny sasagny magnano hoe: "izegny nahafahantsena nanagna anjara"]. ¹³Nagnavotra antsena tamin'ny fanapahan'ny mizigna sy namindra antsena ho akagny amin'ny fanjakan'ny Zanaka lahy malalany Izy. ¹⁴Akô amin'ny zanagny lany no anagnantsena ny fagnavotana, ny fambolana ny fahotana. [Fagnamarihana: misy dikan-teny sasagny magnano hoe: "Akô amin'ny Zanagny no anagnantsena fagnavotana amin'ny alalan'ny ràny, de ny fambolana ny fahotana."]¹⁵Ny Zanaka lahy de tarehin'lay Andriamanitra tsy hita maso. Izy lay teraka voalohagny tamin'ny fagnamboarana. ¹⁶Fa tamin'ny alalany no nagnamboarana ny raha jiaby, reo izegny agny an-dagnitra sy reo izegny aketo an-tany, ny raha hita maso na ny tsy hita maso. Na ny seza fiandrianana, na ny fahefana, na ny mpitondra fanjakana, na ny manam-pahefana, ny raha izegny nampitahena taminanjy sy ho ananjy. ¹⁷Izy no nialoha ny raha jiaby, ary akô aminanjy no maharitra ny raha jiaby. ¹⁸Izy no lohan'ny vatagna, sy ny fengonana. Izy no fiendohana sy voloam-petra takeo agnivon'ny maty, ka Izy no nanagna pilasy volohagny takeo agnivon'ireo raha jiaby reo. ¹⁹Satria sitrapon'Andriamanitra ny tokony hiegnan'ny fahafenoana jiaby akô Aminanjy, ²⁰ary mba hampihavana ny raha jiaby amin'ny tegnany amin'ny alalan'ny Zanaka lahy. Andriamanitra de nampihavana tamin'ny alalan'ny ran'ny hazofijaliany. Andriamanitra no nampihavana ny raha jiaby tamin'ny tegnany, na ny raha jiaby aketo ambon'ny tany na ny raha jiaby izegny akagny an-dagnitra. ²¹Nisy fotoana, my koà andreo de, mpivahiny tamin'Andriamanitra ary fahavalony takô an-tsegna sy tamin'ny asa ratsy. ²²Fa amin'izô fotoana izô de izy no nampihavana andreo tamin'ny vatagny manontolo tamin'ny alalan'ny fahafatesana. Natôny izany mba hagnanovana andreo ho masina, tsy hana-tsiny sy tsy hanam-pondro akeo agnatrehany, ²³raha mahavandry amin'ny finoana andreo, mifahatra sy tsara vahatra, de aza mihataka amin'ny fagnantegnana mahatokin'ny filazantsara izegny regnindreo. Ity no filazantsara izegny nambara tamin'ny olona jiaby izegny noforonina tambanin'ny lagnitra. Ity no filazantsara izegny, nahatonga anay, Paoly, ho mpanompo. ²⁴Amin'izô zaho de faly amin'ny fijaliako ho andreo, ary akô amin'ny nofoko no hamenoako izegny tsy feno tamin'ny fahorian'i Kristy ho an'ny tegnany, de ny fengonana izany. ²⁵Noho ny fengonana no naha-mpanompo anay, araka ny andraikitra avy tamin'Andriamanitra izegny namiany anay mba ho andreo, mba hahatanteraka ny zakan'Andriamanitra. ²⁶Io no marina mivony izegny navony nandritra ny taona maro sy ho an'ny taranaka. Fa amin'izô de efa natoro an'ireo izegny mino ananjy izany. ²⁷Taminjareo no tian'Andriamanitra nampahafantarana reo haren'ny voninahitran'ity fahamarinana mivony ity takeo agnivon'ny Jentilisa. Izany de Kristy lay akô aminô, lay tokin'ny voninahitra ho avy. ²⁸De Izy lay nitorinè. Nagnanatra ny olona jiaby zehè, ary nampianatra ny olona manontolo tamin'ny fahakantiana jiaby, mba hatolotrantsena feno akô amin'ny Kristy ny olona jiaby. ²⁹Noho izany no hiasako mafy sy hiezahako araka ny tanjagny izegny miasa amin-kery akô aminay.

Chapter 2

¹Fa tiako ho fantandriô ny hagnoasan'ny tologna natôko ho anarô, ho anjarô akagny Laodikia, sy ho an'ireo maro tsy mbola nahita anay mivantagna tamin'ny nofo. ²Miasa zaho mba hampahery ny fonjarô amin'ny fampiresan-tsegna anjarô miaraka akô amin'ny fitiavana sy ny harena jiaby amin'ny fahalalana azo antoka, ho amin'ny fahalalana ny fahamarinana mivonin'Andriamanitra, izany hoe, i Kristy. ³Akô aminanjy ny harenan'ny fahakantiana sy izegny fahalalana jiaby no mivony. ⁴Mizaka an'izany zaho mba tsy hisy hitarika anarô amin'ny kabary mandresy lahatra. ⁵Na de tsy miaraka aminarô akô amin'ny nofo aza zaho, de miaraka aminarô akô amin'ny fagnahy. Faly zaho mahita any filaminanarô tsara sy ny tanjaky ny finoanarô an'i Kristy. ⁶Raha nandre an'i kristy Tompo anarô, de mandehana akô Aminanjy. ⁷Mifahara mafy Aminanjy, mamahara akô Aminanjy, mamahara amin'ny finoana izegny efa nampianarina anarô, ary mahefà magnomia fisorana. ⁸Mitandrema mba tsy hagnombela olona hanambotra anarô amin'ny alalan'ny filozofia na ny fitaka foagna araka ny fanin'olona, izegny magnaraka ny toetran'izô tontolo izô. ⁹Fa akô Aminanjy no mitoetra ny fahatsaran'ny tegnan'Andriamanitra jiaby. ¹⁰Feno anarô akô Aminanjy. Izy no lohan'ny hery sy ny fahefana jiaby. ¹¹Takô Aminanjy my koa anarô no niforena tamin'ny famorana izegny tsy natôn'olombelona tamin'ny fangalana ny nofo amim-batagna, fa tamin'ny famoran'i Kristy. ¹²Niara-nalevigna taminanjy tamin'ny batisa anarô, ary takô Aminanjy no nananganana anarô tamin'ny alalan'ny finoana maherin'Andriamanitra, izegny nanangana Ananjy tamin'ireo izegny maty. ¹³Taminarô mbola maty tamin'ny fahotana sy ny tsy fahavitan'ny nofonarô famorana, de izy no namelogna anarô niaraka taminanjy sy namela antsena tamin'ny fahotantsena jiaby. [Fagnamarihana: misy dikan-teny sasagny magnano hoe: "ary namela ny fahotantsena jiaby"]. ¹⁴Nifafany ny rakitsoratra ny trosam-pagnafahana sy ny fitsipika manohitra antsena. Nalany aby izany ary nifantsihiny takeo amin'ny hazofijaliana. ¹⁵Nalany reo hery sy reo fahefana, ary Izy de nagnano fampisehoana sambe-amaso ho anjarô, nandresy mihoatra anjarô tamin'ny hazofijaliana. ¹⁶Ka, aza ambela hisy hitsara anarô na amin'ny fihinana na amin'ny fisotroana, na amin'ny andro fety na volana vovô, na amin'ny andro Sabata. ¹⁷Izany de alok'ireo raha ho avy, fa ny tegna izy de i Kristy. ¹⁸Aza ambela hisy na zovy na zovy izegny mila fegnetren-tegna sy fideran'ny anjely hitsara anarô ka tsy hahazaoanarô ny lokanarô. Ny olona kara an'izany de miditra amin'ny raha hitany ary manjary mieboebo amin'ny fisegnan'ny nofony. ¹⁹Tsy mitana ny lohany izy. Izany de avy amin'ny loha izegny namian'Andriamanitra ny vatagna manontolo magneragna ny vanin-tolagnany sy ny hozatrananjy izegny magnomia ka mitana an'izany jiaby izany mba hitambatra; izany de mitombo miaraka amin'ny fampitomboana namian'Andriamanitra. ²⁰Raha maty niaraka tamin'i kristy anarô ho amin'ny toetran'izô tontolo izô, nahoana arika anarô no mivelogna sahala amin'ny hoe noteren'izô tontolo izô hoe: ²¹"Aza miala, aza magnandrana, ary aza mikasika"? ²²Izany raha jiaby izany de ho an'ny fahalovana, araka ny torolalana sy ny fampianaran'olombelona. ²³Iregny fitsipika iregny de managna ny fahakantian'ny fomba fivavahana noforonin'ny tegna manokana, ny fagnetren-tegna ary ny fampahoriana ny tegna. Fa zarô de tsy manan-kery andesi-manohitra ny fagnirian'ny nofo .

Chapter 3

¹Ka raha Andriamanitra no nanangana anarô niaraka tamin'i Kristy, de aragno ireo raha akagany ambony, izegny itoeran'i Kristy akeo an-tagnan'ankavanan'Andriamanitra. ²Mihevera ny raha akagany ambony, fa tsy ny raha aketo an-tany. ³Fa efa maty andriô, ary ny fiegnandriô de mivony miaraka amin'i Kristy akô amin'Andriamanitra. ⁴Ndreka miseho i Kristy, izegny fiegnandriô, de hiara-hiseho Aminanjy amim-boninahitra my koà andriô. [Fagnamarihana: Ny dikan-teny sasagny de magnano hoe: "Ndreka miseho i Kristy, izegny fignandriô, de hiara-hiseho Aminanjy am-boninahitra my koà andriô."] ⁵Vonoy, avekiô, izegny momba ny aketo an-tany_ de ny fijangajangana, ny fahalotoana, firehetan'ny filàna, fagnirian-dratsy, ary ny fahatendana, izegny fanompoan-tsampy. ⁶Noho iregny raha iregny no hihavian'ny fahavigniran'Andriamanitra amin'ny zanaky ny tsy fankatoavana. [Fagnamarihana: Ny dikan-teny sasagny de magnano hoe: "Noho iregny raha iregny no nahatonga ny fahavigniran'Andriamanitra."] ⁷Takô amin'iregny raha izegny nandehandriô taloha iregny my koà tamindriô mbola niegna takô amin'iregny. ⁸Fa amin'izô andriô de tsy mentsy magnary an'iregny raha jiaby iregny - fahavignirana, faharangitana, ny fikasan-dratsy, ny fagnasahevana, ary ny zaka magnasaha avy amin'ny vavandriô. ⁹Aza mifamitaka, fa efa nariandriô ny toetra taloha miaraka amin'ny fagnanovana an'izany, ¹⁰ary efa nirakofandriô ny toetra vovô izegny navôzina takô amin'ny fahalalana araka ny pôzin'izegny namorona an'izany. ¹¹Akô amin'izany de tsy misy Grika sy Jiosy, vôfora sy tsy vôfora, barbariana, Skytiana, andevo, olon-kafa, fa i Kristy no raha jiaby, ary akô amin'ny jiaby. ¹²Ka, araka ny maha-olom-bôfidin'Andriamanitra, de mirakofa fahamasina ary fahafenoam-pitiavana, famindram-po, hatsaram-pagnahy, fagnetren-tegna, fahamoram-pagnahy, ary fahavandriana. ¹³Mifanohàgna. Mifamelà. Raha misy olona reka managna fitaregnana momba ny olona hafa, de mamelà kara ny namelan'ny Tompo andriô. ¹⁴Fagnampin'iregny raha iregny, manàgna fitiavana, izegny mamatotra antsena amin'ny fahatanterahana. ¹⁵Oka ny fedanan'i Kristy handidy akô amin'ny fiondriô. Fa ho amin'izany fedanana izany no nagnantsovana andriô mba ho vatagna tokana. Ary misaora. ¹⁶Oka ny zakan'i Kristy hitoetra maro akô amindriô. Amin'ny fahakantiana jiaby, mifampianàra ary mifagnanàra amin'ireo salamo sy fihirana ary hira ara-pagnahy. Mihira amin'ny fisaorana akô am-pondriô ho an'Andriamanitra. ¹⁷Na ino na ino atondriô, na amin'ny teny na amin'ny asa, atôvy amin'ny agnaran'ny Tompo Jesosy ny raha jiaby. Magnomeza fisaorana an'Andriamanitra lay Ray amin'ny alalany. ¹⁸Ry viavy, magnekia ny vadindriô, fa izany no mety akô amin'ny Tompo. ¹⁹Ry lilahy, tiavo ny vadindriô, ary aza vignitra amin'jariô. ²⁰Ry zanaka magnajà ny ray amandrenindriô amin'ny raha jiaby, fa izany no ankasitrahina akô amin'ny Tompo. ²¹Ry aba, aza magnano an'izegny mampalahelo ny zanakandriô, mba tsy ho kivy zariô. ²²Ry andevo, magnajà ny tompondriô araka ny nofo amin'ny raha jiaby, tsy amin'ny asa akeo amaso kara olona mpila-dera, fa fahatsoram-po. Matahora ny tompo. ²³Na ino na ino atondriô, miasà avy amin'ny fagnahindriô kara raha ho an'ny Tompo fa tsy ho an'ny olona. ²⁴Fantandriô fa andriô de handre ny valisoan'ny lova avy amin'ny Tompo. Izy no Tompo Kristy izegny tompoindriô. ²⁵Fa izegny magnano ny tsy fahamarinana de handre ny sazy ho an'ny tsy fahamarinana izegny natôny, ary tsy misy fagnavakavahan-tarehy.

Chapter 4

¹Ry tompo, amiao anjarô izegny marina sy rariny. Fantanarô fa anarô my koà de managna tompo akagny an-dagnitra.²Mahavandria mandrakariva amin'ny fivavahana. Miambena amin'izany amin'ny fagnomezam-pisaorana. ³Miaraha mivavaka aminè my koà mba hanokafan'Andriamanitra varangaragna ho an'ny teny, mba hizakana ny fahamarinana mivonin'i Kristy. Nohon'ny amin'izany, de vôfatotra zaho. ⁴Mivavaha mba hahafahako magnazava an'izany, raha tokony hizaka an'izany zaho.⁵Mandehana amin'ny fahakantiana akagny aminjarô izegny akagny avelagny, ary arararôty ny fotoana. Oka ny zakanarô hiaraka amin'ny fahasoavana lalandava. ⁶Oka izany mba ho vonton-tsira, mba hahafahanarô mahafantatra ny fomba tokony hamakianarô ny olona tsirekireka. ⁷Raha reo raha momba anay, de i Tykyko no hampahafantatra an'iregny aminarô. Izy de rahalahy malala, mpanompo mahatoky, ary mpiara-manompo akô amin'ny Tompo. ⁸Nalefako akagny aminarô izy noho izany, mba hahafahanarô mahafantatra ny raha momba anè, ary mba hahafahany mampahery ny fonarô. [Fagnamarihana: Misy dikan-teny taloha sasagny magnano hoe: "nalefako akagny aminarô izy noho izany mba hahafahany mahafantatra reo raha momba anarô, ary mba hahafahany mampahery ny fonarô."] ⁹Nalefako niaraka tamin'i Onesimosy izy, lay rahalahy mahatoky sady malala, izegny reka aminarô. Zarô no hizaka aminarô. Zarô no hizaka aminaro ny raha jiaby efa nisy taty. ¹⁰Aristarko, lay mpiara-migadra aminay, de miarahaba anarô, kara izany my koà i Marka, havan'i Barnabasy (izegny nazaoanarô beko; raha minga akagny aminarô izy, de reso), ¹¹ary Jesosy my koà, izegny antsovana hoe Josto. Zarô avy amin'ny vôfora reo koà de mpiara-miasa aminay ho an'ny fanjakan'Andriamanitra. Fampionognana ho anay zarô. ¹²Epafrà de miarahaba anarô. Reka aminarô izy ary mpanompon'i kristy Jesosy. Mitologna am-bavaka ho anarô fogna izy, mba hahatanteraka anarô sy hahazaoana antoka tanteraka anarô akô amin'ny sitrapon'Andriamanitra jiaby. ¹³Fa mijoro vavolombelona ho ananjy zaho, fa miasa mafy ho anarô izy, sy ho anjarô akagny Laodika, ary ho anjarô izegny akagny Hierapolia. ¹⁴Lioka lay mpitsabo malala sy Demasy de miarahaba anarô. ¹⁵Arabeo ireo rahalahy akagny Laodika, sy Nymfa, ary ny fengonana izegny akô an-dragnony. ¹⁶Ndreka vôvaky akeo angivonjarô ity taratasy ity, de asevo vakiana akô amin'ny fengonan'ny Laokadiana my koà, ary vakinarô my koà ny taratasy avy akagny Laodika. ¹⁷Zakeo i Arikipo hoe: "Tandremo ny asa fanompoana izegny niresinarô takô amin'ny Tompo, fa tokony ho tanterahinarô izany."¹⁸Ity fagnanovam-beloma ity de atôn'ny tagnako -Paoly- manokana. Tsarovy ny tady mamatotra anay. Ho aminarô anie ny fahasoavana.

1 Thessalonians

Chapter 1

¹Paoly, Silasy, ary Timoty ho an'ny fengonan'ireo Tesaloniana akô amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo. Ho amindreo anie ny fahasoavana sy ny fedanana. [Fagnamarihana: Ny dikan-teny taloha sasagny de magnano hoe: "Ho amindreo anie ny fahasoavana sy ny fendanana avy amin'Andriamanitra Ray sy Jesosy Kristy Tompo."]²Magnomia fisôrana an'Andriamanitra mandrakariva zehè noho ny amindreo jiaby, ka manognona ho andreo ny vavakanè. ³Zehè de tsy megnina ny mahatsiaro andreo akeo angatrehan'Andriamanitra Abantsena ny asan'ny finoandreo, ny asan'ny fitiavandreo, ary ny fahatokisandreo manohitra ho an'ny ho avy akô amin'i Jesosy Kristy Tompotsena. ⁴Ry rahalahy tian'Andriamanitra, fantanè fa Izy de efa nifidy andreo, ⁵satria ny filazantsaranè de tonga tamindreo tsy tamin'ny teny my, fa tamin'ny hery my koà, tamin'ny Fagnahy Masina, ary ny fahatokisam-be. Mitovy amin'izany, andreo my koà de mahafantatra hoe olona kara ino zehè takeo amindreo noho ny amindreo. ⁶Nanjary nitovy taminè sy ny Tompo andreo, tamin'ny nandresandreo ny teny tamin'ny ady sarotra lehibe sy tamin'ny fifaliana avy amin'ny Fagnahy Masina. ⁷Vokatr'izany, nanjary ohatra ho an'izegny mino akô Makedonia sy Akaia andreo. ⁸Fa avy tamindreo no nagnenoan'ny tenin'ny Tompo, ary tsy takô Makedonia sy Akaia my izany. Fa koza, ny takegny amin'ny tany jiaby no nipariahan'ny finoandreo an'Andriamanitra. ⁹Vokatr'izany, de tsy mila mizaka na ino na ino antsena. ¹⁰Fa zareo my no hizaka izegny fandresana azonè takeo amindreo. Zareo de mizaka ny fomba nitodihandreo tamin'Andriamanitra ka niala tamin'ny sampy mba hanompo an'Andriamanitra velona sy marina. ¹¹Zareo de nitatitra fa andreo de mandigny ny Zanagny avy agny an-dagnitra, izegny natsanganananjy tamin'ny maty. Jesosy izany, izegny magnafaka antsena amin'ny fahavignirana ho avy.

Chapter 2

¹Ny tegnanarô de mahafantatra, ry rahalahy, fa ny fahatongavane taketo aminarô de tsy zava-pôgna. ²Fantanarô fa takeo aloha de nijaly ary nalam-baraka takagny Filipy zehè. Zehè de masahy takô amin'Andriamanitranè hizaka aminarô ny filazantsaran'Andriamanitra takô agnatin'ny fanoherana lehibe. ³Satria ny fagnanaranè de tsy avy tamin'ny fahadisoana, na avy tamin'ny fahalotoana, na avy tamin'ny fitaka. ⁴Fa koza, araka ny nagnekian'Andriamanitra anè mba hatokisana amin'ny filazantsara, noho izany de mizaka zehè. Mizaka zehè, tsy hamalifaly ny olona, fa hamalifaly an'Andriamanitra. Izy lay mahafantatra ny fonè. ⁵Satria tsy mba nampiasa na oviana na oviana ny zaka mideradera zehè, araka ny fanatanarô, na koa ho felan-tsigny amin'ny fagniriana, satria Andriamanitra no vavolombelognanè. ⁶Na koa niaragna ny voninahitra avy amin'ny olona zehè, na koa avy amindreo na avy amin'ny hafa. Zehè de afaka nitaky tombotsoa kara ny atôn'ny Apostolin'i Kristy. ⁷Fa koza, zehè de tsotra takeo aminarô kara ny reny mankahery ny zanangny nateragny. [Fagnamarihana: Ny dikan-teny hafa ananagny de mivaky karan'izô: "Fa koza, zehè de kara zaza bitika takeo aminarô, ndreka mankahery ny zanangny nateragny ny reny."] ⁸De kara izany no nanagnanè fitiavana ho andreo. Faly zehè mizara aminarô, tsy ny filazantsaran'Andriamanitra my, fa ny fiegananè manokana my koà. ⁹Satria anarô de nanjary malalanè tegnany. Satria tsarohanarô, ry rahalahy, ny asanè sy ny fisasaranè. Andro aman'alina no nesanè mba tsy hahafahanè mampitondra mavesatra ny reka aminarô. Nandritra izany fotoana izany, de nitry ny filazantsaran'Andriamanitra taminarô zehè. ¹⁰Anarô no vavolombelona, ary Andriamanitra my koà, fa masina, sy marina, ary tsy manan-tsigny ny fitondran-tegnanè takeo aminarô izegny mino. ¹¹Kara izany my koà de fantanarô hoe kara ino no aton'ny baba amin'ny zanagny nateragny, ¹²nengavy sy nankahery ary nandrisika anarô zehè mba handeha amin'ny fomba izegny magneva an'Andriamanitra, izegny magnantso anarô ho akô amin'ny fanjakany sy ny voninahiny manokana. ¹³Fa izany antony izany no isoranè my koà an'Andriamanitra lalandava. Fa anarô ndreka nandre ny hafatr'Andriamanitra avy taminè izegny regninarô, de noraisinarô tsy ho kara ny zakan'olona izany. Fa koza, norainsinarô araka izegny marina izany, de tenin'Andriamanitra. Izany teny izany my koà no miasa akeo aminarô izegny mino. ¹⁴Satria anarô, ry rahalahy, de nanjary kara ny fegnonan'Andriamanitra akagny Jodia izegny amin'i Jesosy Kristy. Fa andreo my koà de nijaly tamin'ireo raha ireo noho ny raha nanin'ny mpire-tanindrazana aminarô, kara ny nahazo anjarô koà noho'ny raha atôn'ny Jiosy taminanjy. ¹⁵Zarô Jiosy no namono na an'i Jesosy Kristy na zarô mpaminangny. Zarô Jiosy no nadroaka anè. Tsy nankasitraka an'Andriamanitra zarô. Fa koza, zarô de fahavalon'ny olona jiaby. ¹⁶Zarô de nadrara anè tsy hizaka amin'ny Jentilisa mba tsy hagnavotana ananjy iregny. Vokatr'izany de mameno ny fahotan'ny tegnany lalandava zarô. Ny fahavignirana de tsy mentsy tonga aminjarô amin'ny farany. ¹⁷Tafasaraka taminarô zehè, ry rahalahy, nandritra ny fotoana foika, tamin'ny fagnatrehana fa tsy tamin'ny fo. Tegna nazoto tokoatra zehè, nagniry mafy, ny hahita ny tarehinarô. ¹⁸Satria nagniry ny ho akagny aminarô zehè, izaho, Paoly, matetitetika, nefa nanakana anè io Satana. ¹⁹Fa ino ma ny fagnantegnanè momba ny ho avy, na fifaliana, na satro-boninahitry ny fandresena akeo agnatrehana'i Jesosy Tompontosena amin'ny fihaviany? Ma tsy anarô kara ny sasagny my koà? ²⁰Fa anarô no voninahitranè sy fifalianè.

Chapter 3

¹Noho izany, ndreka tsy afaka nivandry an'izany koza zehè, de mbaranè fa tsara ny mitoetra reka takô Atena.

²Nandefa an'i Timoty zehè, rahalahinè sy mpiara-miasa amin'Andriamanitra akô amin'ny filazantsaran'i Kristy, mba hagnamafy sy hankahery ny momba ny finoandreo. [Fagnamarihana: Ny dikan-teny sasagny hafa taloha de magnano hoe: "Nandefa an'i Timoty zehè, rahalahinè ary mpanompon'Andriamanitra akô amin'ny filazantsaran'i Kristy."]³Natonè izany, mba tsy hisy olona ho tetra noho ireo fahoriana ireo. Fa ny tegnandreo de mahafantatra fa izany no nanendrena antsena.⁴Marina tokoatra, ndreka niaraka tamindreo zehè, de nizaka meloha tamindreo fa antsena de tsy mentsy hampijalina, ary nisy izany, araka ny fantandreo. ⁵Noho izany antony izany, ndreka tsy nahavandry izany koza zaho, de nagniraka mba hahafantarako ny finoandreo. Avasa ny mpaka-fagnahy de efa nalaka fagnahy andreo, ary ho zava-pogna ny asantsena.⁶Fa tonga taty aminè avy takagny amindreo i Timoty ary nitondra vovô mahafalin'ny finoana sy ny fitiavandreo ho anè. Nizaka taminè izy fa andreo de managna fahatsiarovana tsara momba anè fogna, ary andreo de magniry mafy ny hahita anè kara ny fagniriane hahita andreo. ⁷Noho izany, ry rahalahy, zehè de nampaherezindreo nohon'ny finoandreo, takô agnatin'ny fitentegnana sy fahoriana jiaby.⁸Fa velona zehè amin'izô, raha mivahatra mafy amin'ny Tompo andreo. ⁹Fa fisôrana kara ino no azonè amiana an'Andriamanitra noho ny amindreo, tamin'ny fifaliana jiaby izegny anagnanè takeo agnatrehana'Andriamanitra noho andreo? ¹⁰Mivavaka mafy andro aman'alina zehè mba hahafahanè maita ny tarehindreo sy hamatsiana izegny tsy ampy amin'ny finoandreo. ¹¹Fa ny tegnan'Andriamanitra Abantsena, ary Jesosy Kristy Tompontosena anie, hampahitsy ny lalanè ho amindreo. ¹²Ny Tompo anie hampitombo sy hampandroso ny fifankatiavandreo amin'ny hafa sy ny olo-jiaby, kara ny atonè amindreo koà. ¹³Izy anie hagnamafy ny fondreo, ka mba tsy hanagnanjareo tsigny amin'ny fahamasinana akeo agnatrehn'Andriamanitra Abantsena, amin'ny fitiavan'i Jesosy Tompontosena ambàn'ireo masina jiaby.

Chapter 4

¹Ary farany, ry rahalahy, mampahery sy magnanatra anarô akô amin'i Tompo Jesosy zehè. Raha nahazo ny fampianarana avy aminè anarô momba ny fomba tsy mentsy handehananarô sy hamalifalianarô an'Andriamanitra, ny amin'io lalana andehanana io my koà, de mba hagnanovanarô mihoatra an'izany. ²Fa anarô de mahafantatra ny fampienarana izegny namianè anarô tamin'ny alalan'i Jesosy Tompo. ³Fa izô no sitrapon'Andriamanitra, de ny hagnamasinana anarô, mba hialanarô amin'ny fijangajangana, ⁴izegny hahafantaran'ny tsirekiraka aby aminarô ny fomba hahazaoana ny fanakin'ny tagnany akô amin'ny fahamasinana sy ny voninahitra, ⁵tsy amin'ny filan-dratsy (kara anjarô jentilisa izegny tsy mahafantatra an'Andriamanitra). ⁶Oka tsy hisy olona handika na hagnaratsy ny rahalahiny amin'izany. Fa ny Tompo no mamaly an'iregny raha jiaby iregny, kara ny nampitandremanè meloha sy nijoroanè vavolombelona taminarô. ⁷Fa Andriamanitra tsy nagnantso anè ho amin'ny fahalotoana fa amin'ny fahamasinana. ⁸Noho izany, izy izegny mandà izany de tsy mandà olona, fa Andriamanitra, izegny magnomia ny Fagnahy Masina ho anarô. ⁹Momba ny fifiankatavian'ny mpirahalaky, tsy mila olona hafa anarô hanoratra ho anarô, fa tagnanarô de nampianarin'Andriamanitra mba hifankatia. ¹⁰Atonarô tokoatra izany ho an'ny rahalahy jiaby izegny magnerana an'i Makedonia. Fa zehè de magnanatra anarô, ry rahalahy, mba hagnano mihoatra an'izany. ¹¹Magnanatra anarô my koà zehè ny mba hiezahana hiegna am-pilaminana, hisegna ny rahalahinarô manokana, ary hiasa amin'ny tanananarô, araka ny nandidianè anarô, ¹²mba hanangnarô fitondran-tegna tsara akeo agnatrehana'izegny tsy mino ary tsy hanan-draha-mahory. ¹³Fa tsy tianè tsy ho fantanaro, ry rahalahy, ny momba ireo izegny efa maty, mba tsy haninkanignanarô kara ny ambiny izegny tsy managnna antoka ny amin'ny ho avy. ¹⁴Fa raha mino antsena fa Jesosy de maty ary nitsangana ndreka, de kara izany koo no hitondran'Andriamanitra miaraka amin'i Jesosy an'izegny efa maty takô aminazy. ¹⁵Fa izô no zakenè aminarô tamin'ny tenin'ny Tompo, fa antsena izegny velona, izengy sisa tavela amin'ny fahatongavan'ny Tompo, de tsy mba heloha-lalana an'izegny efa maty. ¹⁶Fa ny tagnan'ny Tompo no handrorogna avy agny an-dagnitra. Ho avy miaraka amin'ny feo mafy Izy, miaraka amin'ny feon'ny Arkanjely, ary miaraka amin'ny trompetran'Andriamanitra, ary ny maty akô amin'i Kristy no hitsangana vôlohagny. ¹⁷Avy akeo antsena izegny velona, izegny sisa tavela, hiaraka hiakatra aminjarô akegny amin'ny rahogn'ny lagnitra ka hiaro amin'ny Tompo akegny amin'ny hababaka. Amin'izany de hiaraka amin'ny Tompo mandrakariva antsena. ¹⁸Noho izany, mifankahereza amin'ireo teny ireo.

Chapter 5

¹Amin'izô fotoana, mahakasika ireo fotoana sy ireo vanim-potoana, ry rahalahy, tsy mila na ino na ino vôsoratra ho anareo andreo. ²Fa andreo, ny tegnandreo, de mahafantatra tsara fa ny andron'ny Tompo de ho avy kara ny mpangalatra amin'ny alina. ³Ndreka mizaka zareo hoe, "Miadana sy milamina," de fahapotehana tampoka no ho avy aminjareo. Ho kara ny fahararian'ny viavy bevohoka ndreka mametra. Tsy ho afa-milefa tokoa zareo. ⁴Fa andreo, ry rahalahy, de tsy agnatin'ny izigna ka hahazo andreo tampoka kara ny mpangalatra ny andro mazava. ⁵Fa andreo de zanaky ny mazava sy zanaky andro mazava. Tsy zanaky ny alina na ny izigna antsena. ⁶Noho izany, andô antsena tsy hoandry kara ny fanin'ny ansanagny. Fa koza, ôka antsena hiambina sy hahognon-tegna. ⁷Fa izegny mandry de magnano izany amin'ny alina, ary izegny mamono de magnano izany my koà amin'ny alina. ⁸Fa raha mbola an'ny andro mazava antsena, de tsy mentsy mahognon-tegna antsena ary mirakotra finoana sy fitiavana mba ho fiarovan-tratra, ary antoky ny famonjena amin'ny ho avy mba ho fiarovan-dohantsena. ⁹Fa Andriamanitra tsy nanendry antsena ho amin'ny fahavignirana, fa ny mba hahazaoana ny famonjena amin'ny alalan'ny Jesosy Kristy Tompontosena. ¹⁰Izy lay maty ho antsena, na mifoha antsena na mandry, de afaka miaramiegna aminanjy. ¹¹Ka noho izany mifampionogna sy mifampahereza andreo, kara ny efa natôndreo. ¹²Mengavy andreo zehè, ry rahalahy, ny mba hagnekendreo izegny mikely egna amindreo sy mitondra andreo ho amin'ny Tompo ary izegny magnanatra andreo. ¹³Mangataka andreo my koà zehè ny mba hagnaja anjareo am-pitiavana noho ny asanajareo. Mihavana amin'ny tegnandreo. ¹⁴Magnanatra andreo zehè, ry rahalahy: sorohy ny fikorontanana, hampaherezo ireo izegny kivy, tahio ireo izegny malemy, mahavandria amin'ny raha jiaby. ¹⁵Indro, ôka tsy hisy olona hamaly ratsy ny rasty na amin-jovy na zovy. Fa koza, miaragna izegny tsara ho an'ny tsirekireka sy ho an'ny daholo be. ¹⁶Mifalia lalandava. ¹⁷Aza megnina mivavaka. ¹⁸Misôra amin'ny raha jiaby. Fa izany no sitrapon'Andriamanitra ho andreo akô amin'ny Kristy Jesosy. ¹⁹Aza mamono ny Fagnahy. ²⁰Aza magnano tsisy dikany ny faminagniana. ²¹Andramo ny raha jiaby. Mifikira amin'izegny tsara. ²²Mialà amin'ny endrika faharatsiana jiaby. ²³Andriamanitra ny fedanana anie hagnamasina tanteraka andreo. Oka ny fagnahindreo manontolo, ny egna, ary ny vatagna mba ho asarisina tsy amin-tsigny ho amin'ny fahatongavan'ny Jesosy Kristy Tompontosena. ²⁴Ny fahatokisana no lay nagnantso anô, lay reka izegny hagnano izany my koà. ²⁵Ry rahalahy, mivavaha my koà ho anè. ²⁶Arabeo amin'ny oroka masina ny rahalahy jiaby. ²⁷Mangataka amindreo amin'ny alalan'ny Tompo zaho ny mba hamakiana ity taratasy ity amin'ny rahalahy jiaby. ²⁸Ho amindreo anie ny fahasoavan'i Jesosy Kristy Tompontosena.

2 Thessalonians

Chapter 1

¹Paoly, sy Silasy, ary Timoty, ho amin'ny fengonana Tesaloniana akô amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. ²Ho amindreo anie ny fahasovana sy ny fedanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompo. ³Tokony hagnomia fisôrana an'Andriamanitra lalandava ho andreo zehè, ry rahalahy. Fa izany no tsara atô, satria tegna mitombo tokoa ny finoandreo, ary ny fitiavandreo tsirekireka de mitombo ho an'ny hafa. ⁴Noho izany, zehè tegnanè, de mizaka am-pireharehana ny momba andreo akeo amin'ny fengonan'Andriamanitra. Zehè de mikorana ny momba ny fahavandriandreo ary ny finoana tamin'ny raha jiaby izegny nagnanjehana andreo. Mikorana ny momba ireo fahoriana izegny nivandriandreo. ⁵Izany de famantarana ny fitsarana marin'Andriamanitra. Ny valiny de ny handresana andreo ho mendrika ny fanjakan'Andriamanitra izegny nijaliandreo. ⁶Rariny ho an'Andriamanitra ny hamaly fahoriana anjareo izegny nampijaly andreo, ⁷ary hagnomia fitsaharana ho andreo izegny nampahoriana niaraka taminè. Ho atônè izany amin'ny fisehoan'i Jesosy Tompo avy agny an-dagnitra miaraka amin'ny anjelin'ny heriny. ⁸Akô amin'ny afo milelalela no hagnanovany ny valifaty amin'izegny tsy mahafanatra an'Andriamanitra sy amin'izegny tsy mamaly ny filazantsran'i Jesosy Tompontosena. ⁹Zareo de hiegna ny sazin'ny fandringanana mandrakizegny izegny lavitra ny fagnatrehan'ny Tompo sy ny voninahitry ny heriny. ¹⁰Hagnano an'izany izy ndreka tonga amin'ny andro izegny hagnomezan'ny olony voninahitra Ananjy sy higagan'izegny nino Ananjy jiaby. Fa ny fijoroany vavolombelona tamindreo de ninoana. ¹¹Noho izany de mivavaka lalandava ho andreo my koà zehè. Mivavaka zehè mba ho mendrika ny ho resin'ny Andriamanintsena amin'ny fagnantsovana andreo. Mivavaka zehè ny mba hagnantaterahany amin-kery ny fagniriandreo ny fahatsarana sy ny asan'ny finoana jiaby. ¹²Mivavaka an'ireo

Chapter 1

raha ireo zehè mba hagnomezandreo voninahitra ny agnaran'i Jesosy Tompontosena. Mivavaka zehè mba hagnomezanè voninahitra andreo, nohon'ny fahasoavan'Andriamanitra sy Jesosy Kristy Tompo.

Chapter 2

¹Ny momba nhy fahatongavan'i Jesosy Kristy Tompontosena sy ny namoriana antsena hiaraka Aminanjy: mangataka andreo zaho, ry rahalahy, ²mba tsy ho mora hozongozognina na ampitahorina andreo, na amin'ny fagnahy, na amin'ny hafatra, na an-taratasy izegny sahala amin'ny hoe avy aminè, noho ny vokatry ny fahatongavan'izany andron'ny Tompo izany.³Aza avela hisy olona hamitaka andreo na amin'ny fomba ino na fomba ino. Fa tsy ho hisy izany raha tsy afaran'ny fahatongavan'ny fahalavoana, ary ny lilahy mpandika lalàna de ho atoro, ny zanaky ny faharavana. [Fagnamarihana: ny dikan-teny taloha sasagny de magnano hoe: "ary ny lilahy mpanota de hatoro"]. ⁴Izy lay manohitra sy magnandratra ny tagnany amin'izegny raha jiaby antsovana hoe Andriamanitra na izegny ivavahana. Vokatry'izany, de nipetraka takô amin'ny Tempolin'Andriamanitra izy ary magnatoro ny tagnany ho kara an'Andriamanitra. ⁵Tsy tsaroandreo ma fa letry zaho niaraka tamindreo de efa nizaka ireo raha ireo? ⁶Amin'izô fotoana de fantandreo hoe ino no manakana ananjy, mba hivoahany amin'ny fotoana maha-mety. ⁷Fa ny zava-miafin'ny fandikan-dalàna de efa misy, fa olona reka my no mitana ananjy amin'izô mandra-pangalana ananjy akeo amin'ny lalàna. ⁸Avy akeo lay tegna mpandika lalàna de hatoro, izegny hovanin'i Jesosy Tompo amin'ny fofonegna avy amin'ny vavany. Ny Tompo de hitondra ananjy ho amin'ny tsy misy dikany amin'ny alalan'ny fisehoan'ny fahatongavany. ⁹Ny fahatongavan'lay tegna mpandika lalàna de noho'ny asan'ny Satana miaraka amin'ny hery jiaby, reo famantarana, ary reo fahagagana tsy marina, ¹⁰ary miaraka amin'ny fitaka jiaby ny amin'ny tsy fahamarinana. Ireo raha ireo de ho an'izegny very, satria zareo de tsy nandre ny fitiavan'ny fahamarinana mba hahavôvonjy anjareo. ¹¹Noho izany antony de mandefa ny asan'ny fahadisaoana Andriamanitra mba hinoanjareo afisiana. ¹²Vokatry'izany de hotsarena aby daholo zareo jiaby, ireo izegny tsy mino ny fahamarinana fa kosa malaka fahafaha-po amin'ny tsy fahamarinana. ¹³Fa zehè de tokony magnomia fisôrana an'Andriamanitra hoa andreo lalandava, ry rahalahy notiavin'ny Tompo. Fa Andriamanitra no nifidy andreo kara ireo vôlognam-bokatra ho an'ny famonjena amin'ny fagnamasinana ny Fagnahy sy ny finoana ny fahamarinana. [Fagnamarinana: ny dikan-teny hafa de magnano hoe: "Fa Andriamanitra de nifidy andreo ho amin'ny fagnavotana letry tambôlohagny]. ¹⁴Izany no nagnantsovan'ny andreo tamin'ny alalan'i Filazantsaranè mba hahazaoandreo ny voninahitr'i Jesosy Kristy Tompontosena. ¹⁵Ka noho izany, ry rahalahy, de mijoroa mafy. Tano ireo fahamarinana izegny nampianarina andreo. Na tamin'ny teny na tamin'ny sotratra natonè. ¹⁶Amin'izô de ôka i Jesosy Kristy Tompontosena, ary Andriamanitra Abantsena izegny tia antsena sy nagnomia antsena fankaherezana mandrakizegny sy ny fahatokisana tsara ho an'ny ho avy amin'ny alalan'ny fahasoavana, ¹⁷no hankahery ary hametraka ny fondreo amin'ny asa tsara jiaby sy ny teny.

Chapter 3

¹Amin'izô, ry rahalahy, mivavaha ho anè, mba ho ankalazena sy amiam-boninahitra ny tenin'ny Tompo, de ho kara an'izany my koà ny aminarô. ²Mivavaha mba ho afaka amin'ireo asa ratsy fagnahy sy ny olon-dratsy zehè, fa tsy ny jiaby no manam-pinoana. ³Fa ny Tompo de mahatoky, izegny magnamafy orina sy miambina anarô amin'lay ratsy. ⁴Managna fahatokisana amin'ny Tompo momba andreo zehè, mba sady hagnanovanarô no sady hanohizananarô ireo raha izegny nandidianè anarô. ⁵Ny Tompo anie hitarika ny fonarô ho amin'ny fitiavan'Andriamanitra sy ny fivandrian'i Kristy. ⁶Amin'izô fotoana izô de mandidy anarô zehè, ry rahalahy, amin'ny agnaran'i Jesosy Kristy Tompontosena, mba hiala amin'ireo rahalahy jiaby izegny miegna akô agnatin'ny hakamoana sy tsy araka ny fomban-drazagna izegny niresinarô taminè. ⁷Fa ny tegnanarô de mahafantatra fa mety aminarô ny mala-tahaka anè. Tsy niegna takio agnivonarô kara izegny tsy nanagna fitsipika zehè. ⁸Tsy nihinana rahanin'olona tsy ifena vola zehè. Fa koza, niasa andro sy alina tamin'ny asa sarotra sy ny raha sarotra zehè, mba tsy ho enta-mavesatra ho an'ny tsirekireka aminarô. ⁹Tsy hoe nohon'ny tsy fanagnana fahefana no agnanovanè an'izany. Fa koza, nagnano an'izany zehè mba ho fitaratra ho anarô, ka mba hanahafanarô anè. ¹⁰Taminè niaraka taminarô, de nandidy anarô zehè hoe: "Raha misy reka tsy te hiasa, de tsy tokony hihinana izy." ¹¹Fa regninè fa mibelabela-tagnana ny ansanagny aminarô. Tsy miasa zarô fa mpitsabaka. ¹²Amin'izô ny olona kara izany de didianè sy hanarinè amin'ny agnaran'i Jesosy Kristy Tompo, mba hiasa am-pahanginana sy hihinana any rahaninanjaro manokana. ¹³Fa anarô, ry rahalahy, aza mamoy fo amin'ny fagnanovana ny marina. ¹⁴Raha misy tsy magnarakana ny zakantsena amin'ity taratasy ity, de atovy marika akeo amason'ny olona jiaby izy ary aza managna fifandresana aminazy, ka de ho megnatra izy. ¹⁵Aza resina ho fahavalo izy, fa hanaro ho kara ny tamboka reka. ¹⁶Fa lay Tompon'ny fedanana anie hagnomia fedanana anarô amin'ny fotoana sy ny fomba jiaby. Ho aminarô jiaby anie ny Tompo. ¹⁷Ity no fagnanovam-belomako, izaho Paoly, tamin'ny tagnako manokana, izegny famantarana amin'ny epistily jiaby. Izany sy izany ny soratro. ¹⁸Ny fahasovan'i Jesosy Kristy Tompontosena anie ho aminarô jiaby.

James

Chapter 1

¹Jakoba, mpanompon'Andriamanitra sy Tompo Jesosy Kristy, ho andreo foko roy ambinin'ny folo nipariaka: Arabena. ²Tano ho fifaliana aby izany, ry tamboka reka, rehefa nidognam-pahoriana maro karazagna andreo. ³Fantandreo fa ny fitsapana ny finoandreo no mahatonga fahavandriana. ⁴Ambilè ny faharetana hagnano ny asany, mba tegna hivoatra ka ho tegna feno andreo, ka tsy ho ory na ino na ino. ⁵Fa raha misy amindreo miaragna fahendrena, ôka izy hangao izany amin'Andriamanitra, izegny magnano an-tsitraro ary tsy manebaka izegny mangao jiaby, ary amiany ananjy izany. ⁶Fa avilè izy hangao amin'ny finoana tsy misalasala na amin'ino na ino. Fa zegny misalasala de kara onjan-dranomasina idôn'agnina sy mitopatopaka. ⁷Fa izany olona izany de tsy tokony hisentsegna hahazo raha avy amin'ny Tompo. ⁸Ny olona karan'izany de roiroy segna, miovaova amin'ny lalany jiaby. ⁹Oka ny rahalahy boty hagnano ny fisandratany ho reherehany, ¹⁰fa ny olona de manan-karena amin'ny fagnetren-tegnany, satria izy de halazo kara ny folera agn'ala akegny amin'ny ahitra. ¹¹Fa ny masoandro de mibiriagna avy amin'ny hafanana mahame ary magnamegna ny ahitra. Ny folera de miintsagna, ary hasaràny de hanjavona. kara izany koà, ny olona manan-karena de halazo akgny amin'ny antsasaky ny diany. ¹²Sambatra ny olona izegny mavandry fitsapana. Satria ndreka avy nandalo fitsapana izy, de halaka ny satro-boninahitry ny fiegnana, izegny nampanantignena taminjareo izegny tia an'Andriamanitra. ¹³Ndreka misy halem-pagnahy de ôka izy tsy hizaka hoe: "Andriamanitra no nalaka fagnahy anay," satria Andriamanitra de tsy azon'ny ratsy alena fagnahy, sady tsy mba malaka fagnahy na zovy na zovy. ¹⁴Fa samby alem-pagnahy amin'ny fagniriany manokana ny olona tsirekireka, izegny mampihemotra na mamparesy ananjy. ¹⁵Ndreka avy niforonina ny fagniriana, de miteraka fahotana izany. Ary ndreka mitombo tsara ny ota, de miteraka fahafatesana. ¹⁶Aza magneky ho fitahina, ry rahalahy tiako. ¹⁷Ny fagnomezana tsara jiaby sy ny fagnomezana tanteraka jiaby de avy agny ambony. Izany de mandrorogna avy amin'ny Iaban'ny fahazavana. Miaraka aminanjy de tsy misy fiovana na tandindogna nohon'ny fiodignana. ¹⁸Andriamanitra de nisafidy ny hagnomia fahaterahana antsena amin'ny zakan'ny fahamarinana, mba ho karazagna volognam-bokatra amin'ny raha jiaby izegny noforoniny antsena. ¹⁹Fantandreo izany, ry rahalahy tiako: ôka ny olona jiaby ho kinga amin'ny fitonôana, tsy hizaka malady, ary tsy halady vignitra. ²⁰Fa ny

fahavigniran'ny olona de tsy ahefana ny fahamarinan'Andriamanitra. ²¹Ka alao ny fahalotoana jiaby sy ny faharatsiana jiaby. Am-pahatsorana, tano ny zaka efa natô, izegny afaka mamonjy ny fagnahindreo.²²Oka ho mpagnaja ny teny andreo fa tsy mpiteny fogna, ka mamitaka ny tegnandreo. ²³Fa raha misy mpiteny teny nefa tsy magnaja, de kara olona mizaa ny tarehiny voajagnahary agnaty taratra izy. ²⁴Mandinika ny tegnany izy ka mandiaa avy akeo ka magnadigno avy hatragny ny momba ananjy. ²⁵Fa ny olona mandinika tsara ny lalan'ny fahafahana tanteraka, sy manohy ny fagnanovana izany, fa tsy hoe mpiteny fogna izegny magnadigno, de hahomby amn'ny raha atôny izany olona izany.²⁶Raha misy mihevi-tegna ho mpivavaka, nefa tsy mitandrim-bava, de mamitaka ny fony izy, ary tsisy varany ny hivavahany. ²⁷Ny fivavahana madio sy tsy misy pentina agnatrehan'Andriamanintsena sy ny labantsena de izô: Hagnampy ireo kamboty sy ireo mpitondrategna amin'ny fahorianjareo, ary miaro tegna mba tsy hisy tsigny avy amin'izô tontolo izô.

Chapter 2

¹Ry rahalahiko, aza mitana ny finoana an'i Jesosy Kristy Tompontsena, ilay tompon'ny voninahitra, amin'ny fagnavakavahana agnatrehana ny olona sasagny. ²Eritrereto hoe misy olona miditra amin'ny fivoriana adreo magnatô peratra volamena sy lamba tsara, ary misy lilahy boty my koa miditra magnatô lamba maloto. ³Ndreka mizaa ilay olona magnatô lamba tsara anô ary mizaka hoe: "Azafady mipetraha aketo amin'ny toerana tsara," fa hizaka amin'ny lilahy boty koza hoe: "mitsangàna anô akôry" na hoe "mipetraha aketo angokotranay, 'mà tsy mifampitsara amin'ny samby andreo va andreo? Mà tsy manjary mpitsara amin'ny eritreri-dratsy andreo?" ⁵Mitonôa ry rahalahy tiako, tsy efa nofidin'Andriamanitra mà ny boty amin'izô tontolo izô mba hanan-draha amin'ny finoana sy mba ho mpandova ny fanjakana izegny nampanantigneny anjareo izegny tia Ananjy? ⁶Fa andreo de nangala baraka ny boty! Mà tsy ny mpanan-draha my no nampijaly andreo? Mà tsy zareo my no nitarika andreo ho amin'ny fitsarana? ⁷Mà tsy zareo my no nagnaratsy ny agnarana tsara izegny ho andreo?⁸Na izany aza, ndreka magnatanteranka ny lalàn'ny mpanjaka andreo, araka ny Soratra Masina hoe: "Tiava ny namanô kara ny tegnanô," de magnano ny tsara andreo. ⁹Fa ndreka magnomia fahafaham-po ho an'ny olona sasagny koza andreo, de meloka, ka voasazy kara ny mpandika lalàna. ¹⁰Fa na zovy na zovy magnaja ny lalàna jiaby, kanefa diso amin'ny lalàna reka fôgna, de diso amin'ny lalàna jiaby. ¹¹Fa ilay nizaka hoe: "Aza mijanganjanga," de nizaka my koà hoe: Aza mamono olona." Raha tsy mijanganjanga andreo nefa mamono olona, de manjary mpandika lalàna. ¹²Noho izany, mizakà sy magnanova karan'izany izegny ho tsarena amin'ny lalan'ny fahafahana. ¹³Fa ny fitsarana de tonga tsisy fandiferana aminjareo izegny tsy nampiseho fandiferana. Ary ny fandiferana de mandresy ny fitsarana. ¹⁴Ino no tsara, ry rahalahiko, raha mizaka ny olona reka fa manam-pinoana izy, kandrefa tsy arahin'asa? Afaka hagnavotra ananjy va izany finoana izany? ¹⁵Eritrereto hoe misy rahalahy sy anakavy ratsy raha sikinina sy tsy ampy raanina isan'andro. ¹⁶Eritrereto hoe misy reka amindreo mizaka aminjareo hoe: "Mandehana amim-piadanana, magnanova mafana ary magnanova voky." Ndreka tsy magnomia ny raha ileny ho an'ny vatagny andreo, ino no mahatsara an'izany? ¹⁷De karan'izany koa ny finoana, ndreka tsy arahin'asa izany, de maty. ¹⁸Ndrefa mety hisy olona hizaka hoe: "Manam-pinoana anô, ary zaho managn'asa." Avoay aminay ny finoana tsy arahin'asa, de havoakako aminô koza ny finoaka amin'ny alalan'ny asako. ¹⁹Anô de mino fa reka my ny Andriamanitra; tsara izany atônô izany. Fa na zareo demony aza de mino an'izany. Ka de mangorohoro zareo. ²⁰Tiandreo ho fantatra va, ry lilahy foka, fa ny finoana tsy arahin'asa de tsisy ilàna ananjy? [Fagnamarinana: Ny dikan-teny taloha sasagny de mizaka hoe: "Tiandreo ho fanatra va, ry lilahy foka, hoe nawana ny finoana tsy arahin'asa no maty?""] ²¹Tsy tamin'ny asa koà mà no nagnamarinana an'i Abrahama iabantsena ndreka nagnomia an'i Isaka zanagny lahy takeo amin'ny alitara izy? ²²Hitanô fa ny finoana de niasa niaraka tamin'ny asany, ary akô amin'ny asa de nitombo tamin'izany ny finoany. ²³De tanteraka ny Soratra MAsina izegny mizaka hoe: "Abrahama nino an'Andriamanitra ka nisena ho fahamarinany izany," ary izy nantsovana hoe sakatovon'Andriamanitra. ²⁴Hitandreo zô fa amin'ny asa no hamarinana ny olona fa tsy amin'ny finoana fôgna. ²⁵Karan'izany koà, Rahaba mpijanganjanga, tsy nohamarinina tamin'ny asa koa mà izy, ndreka nampandroso anjareo iraka sy nagnondefa anjareo tamin'ny lalan-kafa? ²⁶Fa maty ny vatagna ndreka misaraka amin'ny fagnahy, de karan'izany my koà, ny finoana tsy arahin'asa de maty.

Chapter 3

¹Tsy olona maro no tokony hanjary mpampianatra, ry rahalahiko. Fantantsena fa hahazo fitsarana mazamazagna kokoà antsena. ²Fa antsena jiaby de tafitohina amin'ny fomba maro. Raha misy tsy tafitohina amin'iregny zaka iregny, de lilahy kanty tagnany izy, afaka mifehy na de ny tagnany reka manontolo aza. ³Ary raha fatorantsena tady akeo am-bavan'ny sovaly mba hagnekianjareo antsena, da afaka mitondra ny vatagnanjareo reka manontolo my koa antsena. ⁴Zaano my koà fa ny sambo, na de maventy tokoatra aza izy regny ary indesin'ny rivotra mahery, de mbola vôvilin'ny familiana farany bitika amin'izegny sitrapon'ny mpitondra ananjy. ⁵Kara izany koà ny lela, rantsana bitika amin'ny vatagna, kanefa izy de mihambo raha maro. Zaano my koà ny habitian'ny afo izegny magnoro atiala matahitra. ⁶Ny lela my koà de afo, tontolon'ny fahotana napetraka amin'ny ratsam-batantsena. Izany de magnavangavanga ny vatagna jiaby manontolo ary magnoro ny lalam-piegnana. Oroàn'ny helo ny vatagny. ⁷Fa ny karazagna biby agn'ala jiaby, vorogna, biby mandady, ary ny raha an-dranomasina dia vôbeko ary nibekoin'olombelona. ⁸Fa ny momba ny lela, tsy misy olona mavita mibeko an'izany. Io de ratsy, tsy mety fehezina, feno poizina mahafaty. ⁹Amin'io no hiderantsena ny Tompo sy ny Ray, ary amin'io no hagnozognantsena olona, izegny natô nitovy tamin'Andriamanitra. ¹⁰Avy amin'izany vava izany my no hivoahan'ny fitahiana sy ny fagnozognana. Ry rahalahiko, tsy tokony hisy io raha jiaby io. ¹¹Mà ny loharano mamoka rano mamy sy mafetra avy amin'ny fivoahany a? ¹²Mà ny kakazo aviavy, ry rahalahiko, mamoa oliva a? Na ny voaloboka, mamoa aviavy a? Ny rano masina koa de tsy afaka hagnomia rano mamy. ¹³Zovy no kanty sy mahè raha amindreo? Ambilè izany olona izany hagnatoro fiegnana tsara amin'ny asany amin'ny fagnetren-tegnan'ny fahakantiana. ¹⁴Fa raha managna fialognana mafetra andreo ary managna fagniriana laza akô amponareo, de aza mihambo na mamesy manohitra ny marina. ¹⁵Izany de tsy fahakantiana izegny nandrorogna avy agny ambony. Fa koza, avy agny amin'ny tany, ny tsy ara-pagnahy, ny demoniaka izany. ¹⁶Fa akagny amin'izany fialognana izany fagniriana laza izany, de misy fifanjevoana sy fagnanovqna ny raha ratsy jiaby. ¹⁷Fa ny fahakantiana avy agny ambony de madio alonga, avekeo feno fiadanana, tsara fagnahy, managna hevitra hafa, feno fandiferana sy vokatra tsara, matanjaka, ary tsotra. ¹⁸Ny vokatra ny fahamarinana dia vôfaly am-piadanana akeo agnivondreo izegny mitondra fihavanana.

Chapter 4

¹Avy akeza niavian'ireo ady sy ireo fifamaliana aminarô? Moa va ireo tsy avy amin'ny faniriandriô zay miady amin'ny mpikambana eo agnivondriô? ²Magniry andriô, nefa tsy managna. Mamono sy magniry anariô, nefa tsy afaka ny ahazo Miady sy mifagnolagno anariô. Tsy managna andriô satria tsy mangatakaa. ³Mangataka andriô nefa tsy mahazo satria ratsy fangataka, mba hahafandriô mampiasa izany ho amin'ny fagniriandriô. ⁴Andreo ry mpijangajanga! Ma tsy fantandreo ma fa ny fifinamanana amin'izô tontolo izô de fandrafiana manohitra an'Andriamanitra? Ka na zovy na zovy te-ho naman'izô tontolo izô dia magnano ny tagnany ho fahavalon'Andriamanitra izy. ⁵Sa andreo ma mieritreritra fa ny Soratra Masina de mizaka raha tsisy dikany nizaka hoe: "Ny Fagnahy izegny natôny niegna takô amintsena de saro-piaro loatra"? ⁶Fa Andriamanitra magnomia fahasoavana bebe kokoa, noho izany de hoy ny Soratra Masina hoe: "Andriamanitra manohitra ny mpipoerapoera, fa magnomia fahasoavana ny mpagnetry tegna" ⁷Ka magnekia an'Andriamanitra. Toifo ny devoly, de hilefa andreo izy. ⁸Magnatogna an'Andriamanitra, de agnatogna andriô Izy. Diovy ny tagnandriô ry mpandini-dratsy. ⁹Malahelova, misaonà, ary mitomania! Aoka ny fimozanareo ho lasa tagny, ary ny fifaliandriô ho lasa alahelo. ¹⁰Manatre'tegna eo anatrehan'ny Tompo, de hanandratra andriô Izy. ¹¹Aza mifagnaratsy andreo, ry rahalahy. Ny olona izegny magnaratsy ny rahalahiny na mitsara ny rahalahiny de manohitra ny lalàna ary mitsara ny lalàna. Raha mitsara ny lalàna andreo, de tsy mpagnaja ny lalàna, fa mpitsara. ¹²Reka my no magnomia lalàna sy mitsara. Izy lay reka afaka magnavotra sy magnafoagna. Zovy ma anô, no mitsara ny namanô? ¹³Ka mitonoà, andreo izegny mizaka hoe: "Niany na amaregna de hiditra amin'ity tanàna ity antsena, hibodika taona reka akô, hagnano varotra, ary halaka tombony." ¹⁴Zovy no mahafantatra izegny raha hisy amaregna, ary ino ny fiegnandreo? Fa zavona mandalo bitibitika andreo ary manjavona avekeo. ¹⁵Fa koza, tokony hizaka andreo koe: "Raha sitrapon'ny Tompo, de ho velona antsena ary hagnano an'izô sy izô." ¹⁶Fa amin'izô fotoana andreo de mipoerapoera amin'ny tetika mieboebo. Ny fipoerapoerana jiaby karan'izany de ratsy. ¹⁷Ka ho an'izegny mahafantatra magnano ny tsara jiaby nefa tsy magnano an'izany, de heloka ho ananjy izany.

Chapter 5

¹Magnatogna, andreo izegny mana-karena, mitomagnia sy mibaràrà noho'ny fahoriana tonga amindreo. ²Ny fanagnandreo de efa lo, ary ny raha sikinindreo efa lanin'ny kalalô. ³Ny volamenandreo sy ny volafotsindreo de efa harefesina. Ny harafesina de vavolombelona hagnampanga andreo. Hagnoro ny nofondreo kara afo izany. Notehirizindreo ho amin'ny andro farany ny fanagnandreo. ⁴Indro, ny karaman'ny mpiasa de mitaregna _ny karama izegny nitanandreo tsy ho an'izegny nampavagnona ny sahandreo, ary ny fitaregnan'ny mpambely de efa tonga tan-tadignin'ny Tompon'ny maro. ⁵Nivelona tamin'ny fanagnana taketo an-tany andreo ary nagnaram-po tamin'ny tegnandreo. Natavezindreo ny fondreo ho an'ny andro famonona. ⁶Nagnameloka sy namono ny olo-marina andreo. Tsy nanohitra andreo izy. ⁷Ka mahavandria, ry rahalahy, mandra-pihavian'ny Tompo. Indro, ny mpamboly mandigny ny vokatra sarobidy avy amin'ny tany. Mandigny an'izany am-pahavandriana izy, mandra-pahazaoan'izany ny loha-orana sy fara-orana. ⁸Andreo my koà de mahavandria. Hamazagno ny fondreo satria efa marivo ny fiavian'ny Tompo. ⁹Aza mifampitsara, ry rahalahy, mba tsy ho tsarena andreo. Indro, ny mpitsara mitsangana akeo am-barangaragna. ¹⁰Mangalà ohatra, ry rahalahy, avy amin'ny fijaliana sy ny fahavandrian'ny mpaminagny, izegny nizaka tamin'ny agnaran'ny Tompo. ¹¹Indro, atôntsena sambatra zareo izegny efa nivandry. Efa regnindreo ny faharetan'i Joba, ary fantandreo ny tanjon'ny Tompo, ny maha-feno ny fangorahana sy famindram-po Anan'ny. ¹²Fa ambonin'ny raha jiaby, ry rahalahiko, aza mifanta na amin'ny lagnitra na amin'ny tany, na amin'ny fifantana hafa. Fa koza, ôka ny zakandreo hagnano hoe: "Eka" ho "Eka" ary ny "Aha" ho "Aha," mba tsy hiditra amin'ny fitsarana andreo. ¹³Misy olona va akeo amindreo mijaly amin'ny ady sarotra? Oka izy hivavaka. Misy olona faly? Oka izy hihira fiderana. ¹⁴Misy marary va akeo angivondreo? Oka izy hagnantso ny loholon'ny fengonana, ary ôka zareo hiavavaka ho anan'ny. Oka zareo hagnosotra menaka anan'ny amin'ny agnaran'ny Tompo. ¹⁵Ny fivavaky ny finoana no hanasitrana anan'ny. Raha nanota izy, de hamela anan'ny Andriamanitra. ¹⁶Ka mifagnekia heloka andreo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana andreo. Ny vavaka atôn'ny olo-marina de tegna matanjaka amin'ny asany. ¹⁷Elia de lilahy nitovy tamintsena my. Nivavaka mafy izy mba tsy hilatsahan'ny ranon'orana, ary tsy nilatsaka tamin'ny tany nandritra ny telo taona sy enim-bolana izany. ¹⁸Avy takeo de nivavaka ndreka i Elia. Ny lagnitra de nagnomia ranon'orana, ary ny tany de namoa ny vokatran'ny. ¹⁹Ry rahalahiko, raha misy akeo amindreo miala amin'ny fahamarinana, ary misy reka mampierigna anan'ny, ²⁰de tokony ho fantatr'io olona fa na zovy na zovy mangala ny mpanota reka tamin'ny lalan-diso de hagnavotra anan'ny amin'ny fahafatesana, ary hanarogna fahotana marobe.